Ny Tombokase Fahafito

Misaotra anao, rahalahy. Raha mbola mijanona mitsangana isika, dia ndao isika hivavaka.

2 Andriamanitra Tsitoha, Mpanao ny Fiainana, sy Mpanome ny fanomezana tsara, ara-panahy rehetra, mankasitraka tokoa izahay ankehitriny noho ity fotoana mahafinaritra, malaza, an'ny fiombonana ao amin'Ny Fanatrehanao ity; manamarika zava-mitranga lehibe iray eo amin'ny fiainanay, Tompo, fotoana iray izay tsy ho adinonay mihitsy, tsy mampaninona na ela toy ny ahoana aza no hijanonanay. Ary mivavaka izahay, Andriamanitra, mba ao amin'ity hariva famaranana ity. . . Mahamarika ny Soratra izahay, fa ao amin'ilay andro famaranana ny fety, dia nitsangana teo anivon'izy ireo Jesosy ka niantsoantso hoe, "Raha misy olona mangetaheta, aoka izy hanatona Ahy!" Ary mivavaka aho, Ray any An-danitra, mba hiverenan'izany indray izao hariva izao, mba ahafahanay handre ny Feon'ny Tomponay miantso anay, ary miantso anay ho an'ny fanompoana Azy, mandeha akaiky kokoa. Tsapanay fa efa nandre Ny Feony izahay, tao amin'ny fanokafana an'ireto Tombokase ireto, miresaka fa izao no andro farany, ary antomotra ny fotoana. Ekeo ireo fitahiana izay angatahanay, Ray, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, sy ho an'ny Voninahiny. Amena.

Mahazoa toerana.

3 Tiako ny hanampy an'ity, hoe, tamin'ny fotoana rehetra izay hany nananako teo amin'ny fiainako, dia mino aho fa ity herinandro ity no efa fotoana lehibe indrindra teo amin'ny fiainako rehetra tao amin'ny fivoriana. Tsy mampaninona na inona no ananako. . . Efa nahita fahagagana lehibe natao aho, mazava ho azy, tany aloha, sy ireo asam-panasitranana, saingy any ankoatran'izany ity. Izao no efa iray amin'ireo fotoana lehibe, ireo zava-mitranga an'ny fiainako, dia ny tonga eto. Ary ny mahita ny tabernakla kely mitafy an'izao endriny hafa izao; tsy izany ihany, fa ny ao anatiny dia mitafy endrika hafa iray!

4 Ary, ankehitriny, nanontany an'i Billy aho; tena ela be izy, tamin'ny fahatongavana sy naka ahy. Nilaza izy fa nisy vondrona iray hafa natao batisa. Noho izany, dia lasa nihoatra ny zato ilay izy, tamin'ity herinandro ity, ireo olona natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika. Noho izany, isika dia—dia mankasitraka. Ary Andriamanitra hitahy anareo!

5 Ary, ankehitriny, raha tsy manana fiangonana iray haleha ianareo, dia manasa anareo eto izahay, ho tonga sy hiombona aminay. Tsarovy fotsiny fa ny fiangonana dia misokatra. Tsy anaram-piangonana izahay, ary manantena sy matoky aho fa

tsy ho anaram-piangonana iray mihitsy izy. Fiombonana iray fotsiny izay misy an'ireo lehilahy sy vehivavy, ary zazalahy sy zazavavy, mihaona manodidina ny latabatr'Andriamanitra, sy miombona manodidina ny Teny, ary manana ny zavatra rehetra iombonana izahay.

6 Ankehitriny, ary manana pasitera iray mahafinaritra izahay, tena lehilahin'Andriamanitra iray, ary tena mankasitraka aho ny amin'izany. Raha hahatsiaro ianareo, ny fahitana iray, herintaona lasa izay, hoe ny Sakafo dia notehirizina tao amin'ny toerana. Ary marina tokoa izany. Ary izahay dia . . .

7 Manana an'ilay toerana izahay ankehitriny, mety tsara, ho an'ireo kilasin'ny sekoly Alahady, ho an'ny taona rehetra, ary tena mankasitraka mihitsy izahay ny amin'izao fanararaotra izao. Ny olona sasany dia nilaza, indray mandeha, hoe raha nanana kilasin'ny sekoly Alahady fotsiny izy ireo izay ahazoany mandefa an'ireo zanany. Ankehitriny, ianareo, manana azy ireo izy ireo ankehitriny. Noho izany, ankehitriny, noho izany dia tongava fotsiny avy hatrany ianareo ka miaraha aminay raha tsy manana fiangonana iray haleha ianareo.

8 Mazava ho azy, raha manana fiangonana tsara iray ianareo izay andehananareo, ka mitory ny Filazantsara, sy ny sisa, nahoana, izany dia—izany dia vondrona iray hafa tahaka anay fotsiny, hitanareo, any an-kafa any ho any. Fa raha tsy manana haleha ianareo, ka ianareo dia . . .

9 Azoko fa maro no efa, efa nifindra avy tamin'ireo ampahany hafa an'ny firenena, mba hanao an'ity ho fiangonana halehany. Ary miarahaba anareo tongasoa eto tokoa izahay eo amin'ny Tenin'ny Tompo. Ary tsaroako, ataoko, rehefa niainga aho, dia niteny taminareo fa—fa ireo fivoriana, raha ny amiko, dia ho eto amin'ny tabernakla.

10 Tsy mbola fantatro hoe inona daholo no atokan'ny Tompo ho ahy amin'ny ho avy. Mametraka an'izany eo an-Tànany aho, tsy finoanoam-poana iray na inona. Miandry fotsiny aho, isan'andro, mba Hitarihany ahy any amin'ny toerana izay ahafahako hanatanteraka asa iray tsaratsara kokoa ho Azy. Ary rehefa mahavita ny amiko Izy, amin'izay fotoana izay dia matoky aho fa handray ahy any an-Trano Izy, amin'ny fiadanana.

11 Ary, ankehitriny, tena mankasitraka aho ny amin'ny fiarahamiasan'ireo olon'ny tabernakla. Araka ny notenenin'i Billy tamiko tamin'ity herinandro ity, hoe, heveriko, ny tokantrano tsirairay izay voasolo tena eto manodidina an'ity tabernakla ity dia mandray olona any amin'izy ireo. Nanokatra izy ireo, ny trano sy ireo toeranareo, ka nandray ny olona izay tsy nanana toerana haleha. Ankehitriny, izany no tena fihetsika Kristiana. Ary ny tokantrano sasany dia nametraka ny olona rehetra any amin'ny zorony kely tsirairay izay vitan'izy ireo, mba hanome toerana iray ipetrahan'ny olona.

12 Satria, efa fotoana tena sarotra iray izao, nohon'ny amin'io, karazana raharaha iray miseho io, mikasika ny tontolon'ny fanatanjahan-tena, karazana lalao baskety na zavatra iray, ary—ary efa vita ireo famandrihan-toerana. Miampy vondrona lehibe iray avy any . . .

13 Heveriko, ny voasolo tena ato amin'ity fiangonana kely ity, eo amin'ny, manodidina ny fanjakana valo amby roapolo na telopolo no voasolo tena ato amin'ny fiangonana, ankoatr'ireo firenena vahiny anankiroa, noho izany, ary ity fifohazana kely ity. Noho izany, mila efitra maromaro kely izany, ho an'izany fotsiny. Ny mahafantatra . . .

14 Nanontany aho androany, an'ireo olona sasany. Hoy aho hoe, "Azoko fa tsy be loatra ny olona manodidina an'i Jeffersonville, tao amin'ny fivoriana."

15 Niteny mafy ny olona iray, nanao hoe, "Tsy afaka miditra izahay." Eny, izany, izany ilay izy. Izany ilay antony. Ny sasany amin'ireo polisy, sy ny sisa, dia te-ho tonga tao amin'ny fivoriana, saingy nilaza, niresaka nanerana, nilaza, fa tonga izy ireo nefa tsy afaka niditra, hoe efa feno tanteraka ilay izy talohan'ny fotoana izay nahafahan'izy ireo niditra mihitsy aza. Noho izany dia nanana ny fotoany izy ireo, angamba, taty aoriana, fa tsy tonga izy ireo. Noho izany dia tonga avy amin'ireo toerana hafa ny olona ankehitriny, noho izany dia tena mankasitraka izahay.

16 Ankehitriny, tsy fantatro. Ny zavatra manaraka izay hanaraka an'ity, dia ho ireo Trompetra Fito, ao amin'ny hafatra hafa iray. Fa, ao amin'ireo Tombokase, dia saiky tafiditra ny zavatra rehetra. Nifandimby ireo taom-piangonana, ary nametraka azy ireo aloha isika, izay tena—izay tena zava-dehibe indrindra, saingy ny . . . tamin'izany fotoana izany. Ankehitriny, ny fanokafana an'ireo Tombokase dia maneho hoe aiza no andehanan'ilay Fiangonana, ary ahoana no Hiafarany. Ary ankehitriny, heveriko, efa tena tsara fanahy tamintsika tokoa ny Ray any An-danitra, tamin'ny famelàna antsika hahita an'izay hitantsika.

17 Ary milaza an'ity aho, teo am-pijerena an'ireo naoty tranainy izay nitoriako, taona maro lasa izay, tonga fotsiny aho ka nilaza fa marina izay noeritreretiko, dia nanohy. Tena tany ivelan'ilay laharana ilay izy. Ary ankehitriny, ny efatra rehetra an'ireo Tombokase, dia nataoko tao anatin'ny toriteny teo amin'ny roapolo minitra teo izany, ny rehetra amin'izany. Ireo mpitaingina soavaly efatra, an'ny Apokalypsy, nakambako izy rehetra ka hoy aho hoe, "Soavaly anankiray niditra tao amin'ny fotsy," hoy aho hoe, "angamba izany dia ilay—ilay—ilay taona voalohany. Ary ilay soavaly manaraka dia niditra tao amin'ny mosary," ary avy eo dia nanohy tahaka an'izany. Fa, oadray,

rehefa tena nosokafana marina tokoa ny Teny, Izany dia tany amin'ny zato maily lavitra an'ilay izy.

18 Noho izany, dia mety amintsika ny mitandrina sy miandry. Ary angamba tokony izao no fotoana hanaovana azy. Mety betsaka ny zavatra izay voalaza, izay mety tsy eken'ny olona hafa. Saingy mino aho, fa rehefa tonga ilay fotoam-pamaranana lehibe, ka mihaona amin'ny Tompontsika isika, dia ho hitanareo fa marina Izany. Eny, tompoko. Izany—Izany—marina tokoa Izany.

19 Ankehitriny, ireo olona izay avy any ivelan'ny tanàna, avy any amin'ny toerana samihafa manodidina, tonga avy any amin'ny fanjakana sy firenena samihafa, toy ny ahoana no ankasitrahako ny fahatsoram-ponareo nandeha tamin'ilay halavirana rehetra, sy naka ny fakan-drivotrareo. Nefa ny sasany amin'izy ireo aza dia tsy manana toerana ipetrahana akory! Izaho—fantatro, satria efa afaka nanampy ny sasany tamin'izy ireo aho mba hahita toerana ipetrahana. Tsy nanambola hisakafoanana akory aza, na inona na inona hafa, ary noho izany . . . fa tonga ihany, na ahoana na ahoana, manantena zavatra hitranga, mba hikarakara an'izany. Ary miaraka amin'ny finoana lehibe tahaka an'izany, hoe tsy mampaninona na tsy maintsy handeha tsy misy sakafo aza izy ireo, na toerana iray ipetrahana akory aza, dia te-ho tonga izy ireo handre an'ireto, ireo zavatra mitranga, na ahoana na ahoana. Izany no tena mahery fo marina tokoa, fantatrareo. Ary ny olona rehetra dia efa tena zato isan-jato mihitsy!

20 Nihaona tamin'ny zaodahiko iry aoriana iry aho, izay ny—ny . . . nanao ny rafi-birikin'ny fiangonana, sy ny sisa. Ary niteny taminy aho mikasika ny hoe toy ny ahoana no nankasitrahako ny asany. Izaho tsy—tsy mpandrafi-biriky iray, na mahafantatra na inona na inona mikasika an'izany. Fa tena fantatro hoe inona ny zoron-trano efajoro, sy raha vita tsara mihitsy ilay izy.

21 Dia hoy izy hoe, "Ho teneniko aminao." Hoy izy hoe, "Tsy nisy mihitsy fotoana iray tahaka an'izao, saiky, izay mba nahitanao firindrana tahaka an'izao teo anivon'ny olona, rehefa miara-miasa izy rehetra."

22 Rahalahy Wood, Rahalahy Roberson, ary ny olona rehetra dia mipetraka eo amin'ny toerany mihitsy, ny zavatra rehetra. Ary ilay rahalahy izay—izay nametraka ny fanamafisam-peo, ilay . . . ny tiako lazaina dia ilay rafitry ny zava-maneno sy ny zavatra rehetra, ato anatin'ny fiangonana. Hoy izy ireo hoe, "Ny zavatra rehetra dia nandeha tsara mihitsy." Rehefa mila zavatra iray izy ireo, dia nisy olona iray nitsangana teo hanao an'izany. Noho izany ilay izy dia . . . Andriamanitra no ao amin'ilay fandaharana manontolo. Tena mankasitraka isika ny amin'izany.

23 Mpanome maro lehibe ato amin'ny fiangonana, mba hanampy hanaovana an'izany, tahaka ny Rahalahintsika Dauch

sy Ranabavy Dauch mipetraka eo, ary ireo hafa maro izay nanome betsaka ho an'ity antony ity. Ary heveriko, amin'izao fotoana izao mihitsy, dia tsy misy tsy voaloan'izy ireo na kely aza fa efa voaloa ny rehetra amin'izany. Noho izany dia tena mankasitraka isika ny amin'izany.

24 Tsarovy, fiangonanareo izao, satria mpanompon'i Kristy iray ianareo. Ary ho an'izany no nanorenana azy eto, varavarana iray misokatra hanao mpanompo, ary ho an'ireo mpanompo izay efa mpanompon'i Kristy, ho tonga sy hampifaly ny tenany manodidina ny fiombonana amin'i Jesosy Kristy. Ary tianay ho fantatrareo fa tongasoa ny olona rehetra.

25 Ary ankehitriny rehefa mandre ahy ianareo indraindray, eo ambanin'ny fotoan'ny hosotra, somary mananatra mafy eo amin'ny rafi-pandaminana, izaho—tsy milaza an'izany hanohitra ny pasiteranareo aho, na hanohitra ny rahalahy, anabavy, ao amin'ny fiangonana. Satria, na izany aza, Andriamanitra dia manana olona ao amin'ny rafi-pandaminana rehetra izay misy. Fa tsy manaiky an'ilay rafi-pandaminana Izy; manaiky an'ilay isam-batan'olona ao anatin'ilay rafi-pandaminana Izy. Ary ny . . . Tsy mila rafi-pandaminana iray izany.

26 Noho izany, rehefa tena voafatotra amin'ny rafi-pandaminana ny olona, amin'izay fotoana izay dia tsy afaka mahita zavatra hafa afa-tsy izay lazain'io fiangonana io izy ireo, hitanareo. Ary izany dia manao tsi-fiombonana amin'ny hafa, ary izany dia rafitra iray izay tsy mahafaly an'Andriamanitra, ary izany dia raharaha arak'izao tontolo izao izay tsy notendren'Andriamanitra mihitsy.

27 Noho izany, ankehitriny, tsy ny isam-batan'olona no tiako lazaina. Katolika, Jiosy, na mety ho inona izany, na—na Metodista, Batista, Presbyterana, rafi-pandaminana inona, tsy rafi-pandaminana, ary—ary tsy ara-anaram-piangonana, sy ny rehetra, Andriamanitra dia manana an'ireo Zanany mipetraka ao anatiny ao. Hitanareo? Ary matetika no inoako fa any izy ireo ho an'ny tanjona iray, hanome Hazavana, mamoaka an'ireo voafidy mialoha avy amin'ny manodidina hatraiza hatraiza. Ary—ary amin'io andro lehibe io, dia ho hitantsika amin'izay fotoana izay, ilay Fiangonan'i Jesosy Kristy Tompo izay hantsoina ho amin'ilay—ilay fotoam-pihaonana lehibe eny amin'ny habakabaka, ka hiakatra hitsena Azy isika rehetra. Ary izaho dia—miandry an'io ora io aho.

Ankehitriny, betsaka ny mety ho lazaina!

28 Ary izao hariva izao, eo amin'ny hariva farany, famaranana, tahaka ny mahazatra, ny olona rehetra dia . . . Ao amin'ny asam-panasitranana, dia hitako, eo ambanin'ny fiandrasana an'ireo zavatra lehibe ho vita ao amin'ny asam-panasitranana, izany no manao azy ireo ho taitaitra, mikorontan-tsaina. Ary noho izany

dia hitako, ilay zavatra iray ihany izao hariva izao, fa ny olona rehetra dia eo ambanin'ny fiandrasana hahita hoe ahoana . . . Ary isan-kariva, dia tahaka an'izany ilay izy, ho an'ny famahana an'ireo Tombokase.

29 Ankehitriny dia tiako ny hanao an'izany ho tena mazava. Isaky, isaky ny tonga teo amin'ny toerana ireto Tombokase ireto; ny zavatra rehetra izay hany ninoako ny amin'Izy ireo, sy novakiako avy tamin'ny olona hafa, dia nifanohitra tamin'izay tonga tamiko tao amin'ilay efitra.

30 Ary ny fisainako, amin'izao fotoana izao . . . Ny antony nanaovako an'io asam-panasitranana io aninkeo maraina, dia satria ny fisainan'olombeloko dia tena lasa lavitra amin'ny fomba fihevitro manokana. Niezaka aho ny nijanona tao amin'ny—tao amin'ny efitra iray niaraka tamin'ny fanakonana hazavana nidina, ary jiro iray nirehitra. Ity no andro fahavalo. Ary tsy niditra tao amin'ny fiarako mihitsy aza, mba—mba handeha na aiza na aiza.

31 Tsy maintsy nandeha niaraka tamin'ireo rahalahy sasany aho, nankany amin'ny banky, mba hanasonia trosa vitsivitsy sy ny sisa, ho an'ny vola sy ny karazan-javatra izay nindramina ho an'ity fiangonana ity. Fa izaho—fa niverina avy hatrany aho, ary nandeha nianatra avy hatrany.

32 Ary ilay zavatra hafahafa, tsy nisy olona iray nilaza na inona na inona. Na, mazàna, dia mandondòna izy ireo, ka manery, ary manerana. Tsy nisy zavatra anankiray. Tena zava-mahagaga ilay izy.

33 Tany amin'izay nihinanako, tao amin-dry Rahalahy Wood. Mazàna io toerana io dia feno fiara ny manodidina. Ary tokony ho nanana olona valo na folo samihafa izy ireo ho tonga hipetraka miaraka amin'izy ireo mandritr'ity fotoana ity, fa tsy nisy tonga ny iray tamin'izy ireo.

34 Ary avy eo, aninkeo maraina, tsy ho adinoko mihitsy aninkeo maraina, ny fahasoavan'ny Mpamonjintsika ho an'ny Mpanompony reraka, trotraka. Rehefa, namaly ny fanontanian'ny olona mahantra iray aho, ary, ny tsara indrindra tamin'ny fisainako, nihevitra fa nanao tsara aho. Ary, tampoka teo, izaho dia toy ny hoe—nanaisotra zavatra iray tamin'ny ankizy iray aho, tena voaheloka aho, nefa tsy fantatro hoe inona ilay izy. Dia nieritreritra aho, satria angamba maika hahavita an'io asam-panasitranana io aho, angamba nisy olona narary mafy mihitsy, izay tokony nivavahana teo no ho eo. Ary nanontany ny mpanatrika aho. Tao anatin'ny minitra vitsy, dia voambara ilay izy. Ary hoy ny olona iray hoe, "Ianao ve tsy hamaky ny—hamaky indray ny lahateninao?" na zavatra iray. Ary tamin'io fotoana io, dia noraisiko ilay silan-taratasy kely ka novakiako indray ilay izy, hahita izay nolazainy.

Nijery teo amin'ireo Boky, ary samihafa tanteraka ilay izy, ilay fanontaniana izay novaliako. Hitanareo?

35 Afaka hampita an'ity aminareo fotsiny aho. Rehefa tonga ilay Ivelan'ny voajanahary, dia izany no sain'i Kristy. Lasa tena lavitra amin'ny fisainanareo manokana ianareo, hany ka, ao amin'ny sainareo manokana, izaho . . . Izao, ianareo . . . Izaho tsy . . . Aza mamela ahy hanandrana hanazava an'izany, satria tsy afaka aho. Hitanareo? Tsy afaka hanao an'izany aho. Tsy misy olona afaka hanao an'izany.

36 Ahoana no nahafahan'io lehilahy io, ilay Elia izany, nitsangana teo ambonin'ny tendrombohitra, teo ambanin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, ka nampidina Afo avy tany an-danitra, ary avy eo dia ranonorana avy hatrany taorian'ilay Afo? Ary avy eo dia nanakatona ny lanitra, ka tsy avy ny orana nandritry ny telo taona sy enim-bolana, ary niverina avy hatrany ka niantso an'ilay ranonorana, tamin'io andro io ihany! Ary teo ambanin'io hosotra io, ahoana . . . Ary naka mpisorona efajato ka namono azy ireo; ary avy eo dia nitsoaka nankany an-efitra, natahotra ny ainy, tamin'ny fandrahonan'ny vehivavy anankiray. Hitanareo? Jezebela, nianiana izy fa hanala ny ainy. Nefa, teo i Ahaba sy izy rehetra ireo, mba hahita ny Fanatrehan'Andriamanitra sy ilay fahagagana lehibe vita. Hitanareo, ny . . . Niala taminy ilay Fanahy. Tao amin'ny fomba fisainany manokana ara-boajanahary, dia tsy fantany hoe ahoana no hisainana, hitanareo. Tsy afaka nisaina avy amin'ny tenany izy.

37 Ary, tsarovy, nampatory azy ilay Anjely, ary nampiala sasatra azy. Nampiharina azy, nanome azy mofomamy vitsivitsy; avy eo dia nampatory azy indray, ka nampiala sasatra azy; ary nampiharina azy, ka nanome azy mofomamy vitsivitsy indray. Ary tsy fantatsika izay nitranga tamin'ilay lehilahy, nandritry ny efapolo andro. Avy eo dia nisintaka tao anaty zohy iray izy, tany ho any, ka niantso azy Andriamanitra.

38 Aza manandrana manazava an'io Ivelan'ny voajanahary io. Tsy afaka hanao an'izany ianareo. Hitanareo? Ny zavatra tokana hatao, dia ny mandroso avy hatrany fotsiny. Ary miezaka aho ny manao ny tenako hazava arak'izay vitako, saingy manomboka izao aho dia . . . Heveriko fa tsy hanandrana an'izany intsony indray aho. Na ianareo hino tanteraka mihitsy fotsiny, na tsia. Ary izaho dia . . . Ho hitanareo, aoriana kely, hoe nahoana.

Ankehitriny, efa niezaka aho ny hahitsy fo. Andriamanitra no mahafantatra an'izany.

39 Ary io fanontaniana aninkeo maraina io. Niezaka aho ny namaly azy tamin-kitsim-po fotsiny arak'izay fantatro hoe ahoana. Namaky ny ampahany voalohany an'ilay andininy fotsiny aho, ary izany dia . . . tsy ho marina. Fa ny Fanahy Masina, nahazo fa izaho . . . ny fisainako . . . Hitanareo, jereo, tamin'ireo

roa na telo andro farany, izay nitranga. Hitanareo, izaho—niantso aho hoe fitonjato . . . "fito arivo," fitonjato. Aninkeo maraina, dia niezaka aho, ary voarain'ny olona izany, hitanareo, ary izany no naneho fa nandinika ianareo. Ankehitriny, anankiray hafa, rehefa niezaka aho nilaza hoe "ny voromailala," nefa aho niantso azy hoe ny zanak'ondry; saingy takatro teo no ho eo izany. Ary avy eo, teto, nisy anankiray izay tsy takatro teo amin'izany, dia niverina avy hatrany ny Fanahy Masina ka niantso ahy ho eo amin'izany.

40 Izany no fanamarinana roa sosona hoe marina ireo zavatra ireo. Izy ireo dia . . . Andriamanitra dia miambina, mba hahita fa marina Izany. Marina izany. Tiany izany. Tiany ianareo hahafantatra fa Izany no Fahamarinana.

41 Izy no Anankiray izay mandefa an'Izany, satria azo antoka fa tsy izany no . . . Izany dia betsaka fotsiny ho ahy, ho fianarana iray, tahaka azy ho anareo. Ary noho izany isika dia . . . tena mankasitraka aho ny amin'ny—ny—ny fahalalana, mba hahafantatra ankehitriny avy amin'ny Tompo, ny ora izay iainantsika; hitanareo, miaina mihitsy ao amin'ny andro farany, mialohan'ny fandehanan'ilay Fiangonana. Ankehitriny fotsiny . . .

42 Efa niresaka isika, noho izany dia ndao isika hangataka fotsiny an'ireo Fitahiany eo amin'ny Teny indray.

43 Rainay any An-danitra, indro tonga ilay hariva lehibe, ora lehibe iray izay nitrangan'ny zavatra lehibe iray. Efa teo amin'ny manodidina ny olona rehetra izany. Ary, Ray, mivavaka aho mba hampahafantarina izany izao hariva izao, any ankoatry ny aloky ny fisalasalana, amin'ny fo sy fisainan'ny olona, mba hahafantaran'izy ireo fa mbola eo amin'ny Seza fiandrianana foana Andriamanitra, ary mbola tia ny Olony foana Izy.

44 Ary izao ilay ora, ora izay nirian'izao tontolo izao fatratra ho hita, dia manatona ankehitriny, satria miantsoantso fanavotana izy. Afaka mahita an'ireo singa vonona ny hamerina azy indray izahay. Afaka mahita an'ireo singa vonona ny hitondra an'ilay Fiangonana ao amin'ny Fanatrehan'i Kristy izahay. Afaka mahita ny—ny Ampakarina maka endrika izahay, manao an'ilay akanjo mariazy, mivonona. Afaka mahita an'ireo jiro mitsilopilopy izahay. Fantatray fa eo amin'ny farany izahay.

45 Ankehitriny, Ray any An-danitra, raha mandroso eto ankehitriny mba hitory, na hampianatra eo amin'ity zava-mitranga lehibe, mahery izay niseho tao amin'ny Voninahitra ity, teo amin'ny roa arivo taona lasa teo izay, ary nomena an'ilay apostoly malala lehibe, Jaona. Ary izao hariva izao dia tsy maintsy hiresaka ny amin'Izany izahay. Aoka handroso ny Fanahy Masina ankehitriny ao amin'Ny Herin'ny fanambarany mahery, mba Ahafahany manambara aminay an'io zavatra izay Tiany ho fantatray io, tahaka ny Nataony tamin'ireo hariva vitsy

farany. Mametraka ny tenanay Aminao izahay, miaraka amin'ny Teny, amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

46 Ankehitriny, raha te-hamadika ianareo, angamba, ao amin'ny Baibolinareo. Ary andininy iray fohy fotsiny ity, andininy anankiray an'ny Soratra. Saingy, ny andininy farany izany, izany dia hita . . . Tombokase farany, raha ny marina.

Ankehitriny, omaly hariva isika dia niresaka teo amin'ny Tombokase Fahenina.

47 Tombokase Voalohany, dia ilay antikristy niditra. Nandeha ny fotoany, ary hitantsika hoe toy ny ahoana no nivoahany.

48 Ahoana fa ilay Bibidia izay niditra, ny amin'ny Herin'Andriamanitra izay nivoaka niaraka tamin'ny herin'ilay antikristy, mba hiady aminy! Tsy mino aho fa mety hisy fanontaniana iray ao amin'ny sain'ny olona mikasika an'izany.

49 Avy eo dia hitantsika, fa taorian'izany avy hatrany, io taom-piangonana io, dia nivoaka ireo Zava-manan'aina.

50 Rehefa nahavita, dia hitantsika, nanova isika, ilay sary manontolo teo, tsy nisy Zava-manan'aina intsony nivoaka. Hitanareo? Fa, izany dia niditra, nandroso, nankao amin'ny vanim-potoan'ny Fahoriambe, taorian'ny nahalasanan'ilay Fiangonana.

51 Tanteraka toy ny ahoana no nifanarahan'izany tsara tamin'ireo taom-piangonana! Tsy mahita tendron-tsoratra anankiray aho, zavatra anankiray izay tsy nifanaraka tanteraka, hatramin'ireo taona sy ny zavatra rehetra mihitsy aza, ary ireo fotoana. Eritrereto izany. Izany no maneho, fa tsy maintsy Andriamanitra no nanao an'izany. Tsy afaka handalina an'izany ny fisainan'olombelona. Ary ankehitriny isika dia mahita fa izany, ihany koa, isika . . .

52 Ny Tompo dia namela antsika haka ny Soratra, ny Fanahy Masina, an'izay nolazain'i Jesosy fa hiseho. Ary ahoana no mba nahitantsika an'izany? Ary eto, dia tonga ka manambara, ary mitondra an'izany marina tokoa. Ny Toriteniny teo, namaly an'izany, dia mamoaka marina tokoa an'ilay foto-kevitra, an'ny enina amin'ireo Tombokase, fa Navelany ny Fahafito. Hitanareo?

53 Avy eo rehefa nisokatra ireo Tombokase, Andriamanitra, mariho eto, Navelany ny fanambarana na dia mari-pamantarana iray an'ilay Anankiray Fahafito aza. Hitanareo? Izany dia tsiambaratelo iray tanteraka amin'Andriamanitra. Mariho. Ankehitriny dia hamaky ao amin'ny Baiboly isika, ao amin'ny—ny Tombokase Fahafito. Izany dia hita ao amin'ny Apokalypsy, ny toko faha-8.

> *Ary rehefa novahany ny tombokase fahafito, dia nisy fahanginana tany an-danitra teo amin'ny fotoana* antsasaky ny *ora.*

54 Ary izany ihany no ananantsika eo amin'izany. Ankehitriny dia hahamarika isika.

55 Ary hiezaka ny tsy hihazona ela loatra, satria maro aminareo no ho eny an-dàlana, indray, izao hariva izao, handeha hody. Ary nieritreritra indray aho, nanao an'ilay asam-panasitranana aninkeo maraina, mba hamela anareo handeha ny maraina, tsy voatery hiandry. Ary ankehitriny isika . . .

56 Ary izaho, ihany koa, tsy maintsy hanao dia aho hankany—hankany Tucson, Arizona, izay ipetrahako. Ary izany no tranoko ankehitriny. Ary avy eo aho—te-hiverina eto aho, raha sitraky ny Tompo, manodidina . . . Te-hiverina mandritry ny andro vitsivitsy ny fianakaviana amin'ny Jona. Ary, ankehitriny, mety hihaona aminareo rehetra eto aho, fivoriana iray amin'io fotoana io.

57 Ny fivoriako manaraka voalahatra dia Albuquerque, New Mexico. Heveriko fa izany dia ny fahasivy, fahafolo, ary faha-iraika ambin'ny folo. Ho any aho ny Alakamisy sy ny Zoma Masina. Noho izany, tsy maintsy nanao an'ilay zavatra manontolo aho, nefa nanana fotoana hafa aho izay tsy nahafahako nanao azy raha tsy io fotoana io, noho izany dia hanana ny Alakamisy hariva sy ny Zoma hariva aho, any Albuquerque, New Mexico.

58 Ary avy eo—ary avy eo ny—ny manaraka, fantatra, akaiky, dia mety hisy. Azo antoka fa tsy fantatray. Izany dia tokony hiaraka amin'ireo sakaizako tsara, ilay—ilay vondron'ny *The Midnight Cry*, any . . . any Southern Pines any, Carolina Avaratra.

59 Ary eo amin'ny telefona ao izy ireo ankehitriny, fa, nandefa telegrama izy ireo, hafatra, sy ny sisa, nefa izany dia akaiky, ho an'ilay vondrona hafa, any Little Rock; avy amin'ireo olon'ny Anaran'i Jesosy izay efa nanaovako fivoriana, tany Cow Palace tamin'ny fahavaratra lasa. Hanana ny fivoriambeny izy ireo any Little Rock, Arkansas. Ary izy ireo dia, hatramin'ny taona lasa, efa nila hariva anankiray fara-fahakeliny. Na, mila an'ilay izy manontolo, saingy ho vonona mihitsy aza izy ireo ho an'ny hariva anankiray. Ary noho izany dia niteny tamin'izy ireo aho, tsy nahafantatra marina an'izany hatao, nilaza aho fa afaka milaza an'izany izy ireo hoe, "mety hisy." Avy eo izy ireo dia hampahafantatra an'izany aorina kely.

60 Vao avy niantso ve izy? Ah-hah. Eny àry. Ahoana hoe? [Hoy ny rahalahy iray hoe, "Hot Springs."—Mpand.] Hot Springs, ve ilay izy? Diso aho. ["Fahefatra amby roapolo."] Fahefatra amby roapolon'ny . . . ["May."] May? [Hoy ny olona iray hoe, "Fahefatra amby roapolo hatramin'ny fahavalo amby roapolon'ny Jona."] Fahefatra amby roapolo hatramin'ny fahavalo amby roapolon'ny Jona. Voalaza ilay izy ankehitriny, "Mety hisy," izany hoe, "raha izany no sitraky ny Tompo." Hitanareo? Izaho dia . . .

61 Ity no antony itiavako hanaovana an'ireo zavatra ireo. Hianatra ianareo aoriana kely, ankehitriny, hitanareo. Rehefa mandeha mankany amin'ny toerana iray aho, dia tiako ny hametraka ny tongotro any, eo am-pahafantarana fa Andriamanitra no nilaza hoe, "Mandehana any." Amin'izay fotoana izay raha mitsangana na aiza na aiza ilay fahavalo, dia hoy aho hoe, "Eto aho amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy. Mihemora fotsiny!" Hitanareo? Hitanareo? Hitanareo? Ary ianareo dia—mahazo antoka ianareo, amin'ny toeranareo, hitanareo. Rehefa naniraka anareo na aiza na aiza Izy, dia Izy no hiahy anareo. Hitanareo? Fa raha mandeha ianareo, am-panombatombanana, amin'izay fotoana izay dia tsy mahafantatra aho; mety tsy ho any Izy. Noho izany aho—tiako ny hahazo antoka arak'izay maha-izy ahy. Efa nitondra olona maro izay tsy Noteneniny tamiko mba ho entina aho, fa izaho—tiako ny hahazo antoka arak'izay azo atao. Ny Tompo hitahy anareo rehetra ankehitriny.

62 Ankehitriny, mahamarika isika ankehitriny, satria andininy anankiray fotsiny ity eto ity, dia tiantsika ny hanao zavatra kely fotsiny—kely bitika aloha eto. Raha mahamarika ianareo, dia nodinganintsika ny toko faha-7. Ny toko faha-6 dia miafara amin'ny Fahenina, ny Tombokase Fahenina. Fa, eo anelanelan'ny Tombokase Fahenina sy ny Tombokase Fahafito, dia misy zavatra miseho. Hitanareo? Ary toy ny ahoana—maha-te-ho tia toy ny ahoana no nametrahana azy mihitsy teo amin'ny toerany marina, eo anelanelan'ny, toko faha-6 sy faha-7. Ankehitriny raha mahamarika ianareo ao amin'ny toko faha-7, dia mahamarika isika, eo anelanelan'ny Fahenina sy Fahafito, fa misy elanelana iray. Elanelana iray, eo anelanelan'ny, ny toko faha-6 sy faha-7-n'ny Bokin'ny Apokalypsy, ary eo anelanelan'ny Tombokase Fahenina sy Fahafito no nomena io elanelana io. Ankehitriny dia tiantsika ny hanamarika an'izany. Tena zava-dehibe ny hanamarihantsika an'io fotoana kely io.

63 Tsarovy ankehitriny, taorian'ny toko faha-4-n'ny Apokalypsy, dia lasa ilay Fiangonana. Taorian'ny—ny nivoahan'ireo mpitaingina soavaly efatra, dia lasa ny Fiangonana. Hitanareo? Ny zavatra rehetra izay nitranga tamin'ilay Fiangonana, dia nitranga hatreo amin'ny toko faha-4-n'ny Bokin'ny Apokalypsy. Ny zavatra rehetra izay nitranga tao amin'ny hetsik'ilay antikristy, dia nifarana hatreo amin'ny toko faha-4. Ary ny Tombokase Fahefatra an'ny Apokalypsy, ny antikristy sy Kristy, no nifarana. Ary tonga eo amin'ny fiafarany ny antikristy, ary miaraka amin'ny tafiny; ary Kristy dia tonga miaraka amin'ny Tafiny.

64 Ady iray tranainy izany izay nanomboka tany aoriana ela tany, tany ankoatry ny fotoana. Ary avy eo izy ireo dia . . . Satana sy ireo anjeliny dia voaroaka, ary avy eo dia tonga teto an-tany izy ireo. Dia nanomboka indray ilay ady,

satria nopotehan'i Eva ilay sakana izay nanokanana azy, tao ambadiky ny Tenin'Andriamanitra. Ary nanomboka tamin'io ora io mihitsy, dia Satana no nandresy tamin'ilay ady nanohitra ny Tenin'Andriamanitra, satria ny anankiray tamin'ireo Olony, ilay malemy indrindra, no namela an'ireo fefy hilatsaka. Ary tahaka an'izany marina tokoa no nandreseny tamin'ny ady isan'andro, dia satria ny anankiray tamin'ireo Olony no namela ny fefy hilatsaka avy teo amin'ny Teny.

65 Ary izany no natao tao amin'ity taom-piangonana farany ity, tamin'ny alàlan'ny rafitra ara-rafi-pandaminana iray. Fa, ilay tena fiangonana, tena izy, masina an'Andriamanitra velona, nohon'ny mpitaingina mandainga iray, dia tsy nanaiky ny Teny, ka nampivily an'ilay fiangonana avy amin'ny Teny nankany amin'ny dogma.

66 Ankehitriny, firy no mahafantatra fa eo ambonin'ny dogma no miorina ny fiangonana Katolika Romana? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Manaiky an'izany ve izy ireo? Tanteraka tokoa. Azo antoka. Izany tokoa, manaiky an'izany izy ireo. Tsy izany ihany. Ireo Katolika, azo antoka, fa tsy handratra ny fihetseham-pon'izy ireo izany na kely aza, satria fantatr'izy ireo izany. Vao avy nanampy anankiray vaovao izy ireo, teto vao tsy ela akory izay, hoe nitsangana i Maria. Tsaroanareo izany, teto taona vitsy lasa izay, teo amin'ny folo taona teo. Firy no mahatsiaro an'izany? ["Amena."] Ao amin'ny gazety, ao. Azo antoka. Hitanareo? Ny zavatra rehetra, ilay "dogma" vaovao. Hitanareo, ny rehetra dia dogma, fa tsy Teny. Hitanareo?

67 Pretra iray, teo amin'ny fifampiresahana vao tsy ela, hoy izy hoe, "Atoa. Branham," hoy izy, "Andriamanitra dia ao amin'ny Fiangonany."

Hoy aho hoe, "Andriamanitra dia ao amin'Ny Teniny."

Hoy izy hoe, "Tsy natao hiady hevitra isika."

68 Hoy aho hoe, "Tsy miady hevitra aho. Manao filazana iray fotsiny aho. Andriamanitra dia ao amin'Ny Teniny. Marina izany. 'Ny olona rehetra izay hanaisotra zavatra iray amin'Izany, na hanampy zavatra iray amin'Izany,' hoy ny Teny."

69 Hoy izy hoe, "Eny, Andriamanitra dia nanome . . . Kristy dia nanome fahefana Ny Fiangonany, ka niteny tamin'izy ireo hoe: na inona na inona fatoranareo eto an-tany, dia ho fatorana any An-danitra; ary inona . . . "

Hoy aho hoe, "Izany marina tokoa no Fahamarinana."

70 Hoy izy hoe, "Izahay dia manana, eo . . . eo amin'io fitsipika io, hoe izahay dia manana fahefana hamotsotra fahotana."

71 Dia hoy aho hoe, "Raha hanao an'izany amin'ny fomba izay nanomezana azy ho an'ilay Fiangonana ianareo, ary araka ny fomba nanaovan'izy ireo an'izany, dia hanaiky an'izany aho.

Raha manao ianareo, dia misy rano eto, mba ‘hanaovana batisa amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy ho famelàna ny fahotanareo,’ hitanareo, fa tsy amin’ny alàlan’ny olona iray izay miteny aminareo fa voavela ny fahotanareo.” Hitanareo? Hitanareo? Marina tokoa izany.

72 Diniho i Petera niaraka tamin’ireo fanalahidy, tamin’ny Andron’ny Pentekosta. Tsarovy, izy no manana an’ireo fanalahidy izay resahan’izy ireo. Ary ireo—hoy ireo lehilahy ireo hoe, “Ry lehilahy sy rahalahy, inona no azonay hatao mba ho voavonjy?”

73 Hoy i Petera hoe, “Mibebaha, ny tsirairay avy aminareo, aoka hatao batisa amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy” (ho an’ny inona?) “ho famelàna ny fahotana, ary avy eo ianareo dia handray ny fanomezan’ny Fanahy Masina. Fa ny teny fikasana dia ho anareo, sy ho an’ny zanakareo, ireo izay lavitra, arak’izay hantsoin’ny Tompo Andriamanitsika.” Marina izany. Noho izany dia milamina hatreo mandrakizay izany. Tapitra ny rehetra. Izay ilay izy.

74 Ankehitriny, fa, hitanareo, tonga ny antikristy, araka ny nanaovantsika sary azy sy naneho azy. Fanambarana iray toy ny inona! Oadray, oadray! Ary ny mieritreritra, fa ireo taona rehetra ireo, dia nahita an’izany niha-nitombo isika. Ary indro ilay izy fa tanteraka tokoa, mivantana hoe, HOY NY TOMPO HOE.

75 Ankehitriny, ary mahamarika an’io elanelana io isika ankehitriny, eo anelanelan’ny, ny toko faha-6 sy faha-7. Ankehitriny, ny toko faha-7-n’ny Apokalypsy, ity dia ny—ny . . . manambara trangan-javatra iray. Tsy eto ho an’ny tsinontsinona mihitsy izany. Izany tsy napetraka, eo anelanelan’io, ho an’ny tsinontsinona. Hitanareo? Eto izany ho an’ny tanjona iray, ary izany dia fanambarana iray izay manambara zavatra iray. Mariho hoe mahagaga toy ny ahoana sy ara-matematika toy ny ahoana no mampifanaraka azy tsara ao amin’ny Soratra! Hitanareo? Marina tokoa.

76 Mino an’ireo matematikan’Andriamanitra ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Raha tsy mino ianareo, dia azo antoka fa very ianareo ao amin’ny . . . Azo antoka fa ho lasa very ianareo ao amin’ny Teny, raha manomboka mametraka efatra iray na enina, na—na zavatra iray, ankoatr’ireo teny ara-matematika mihitsy izay mandeha ao amin’ny lamina. Azo antoka fa hahazo ianareo ao amin’ny tabilaonareo, omby vavy iray miraoka ahitra eny an-tampon’ny hazo iray, any ho any. Ho any ivelany tokoa ianareo. Satria, Andriamanitra dia tsy . . . Ny Teniny manontolo dia mandeha manontolo ao amin’ny—ao amin’ny—ao amin’ny matematika. Eny, tompoko. Tanteraka, ny tanteraka indrindra! Tsy misy lahatsoratra hafa voasoratra

tahaka Azy, tahaka Azy, tena tanteraka ao amin'ny mate—matematika.

77 Ankehitriny, ny—ny toko faha-8 dia manambara fotsiny ihany ny sehatry ny—sehatry ny Tombokase Fahafito, izay tsy misy na inona na inona hafa voambara, ankehitriny, na inona na inona. Tsy voambara ao amin'ny Tombokase Fahafito . . . ankehitriny, tsy misy idirany amin'ny toko faha-7-n'ny—ny Apokalypsy. Ny fanambarany, an'ny Tombokase Fahafito, dia moana tanteraka. Ary raha nanam-potoana fotsiny aho . . . Hanandrana toerana vitsivitsy aho, mba haneho aminareo.

78 Tany aoriana lavitra tany, nanomboka amin'i Genesisy, ity Fahafito tok- . . . na ity Tombokase Fahafito ity dia—dia—dia efa noresahana. Nanomboka hatrany amin'ny fiandohana mihitsy, ao amin'ny Genesisy, ity Fahafito To- . . .

79 Nandroso hatrany ireto Tombokase ireto. Tsy afaka mahatsiaro ve ianareo, aninkeo maraina, teo am-panehoana an'ireo zavatra ireo? Ary diniho, izao hariva izao, eo am-panehoana azy ireo. Ary hitanareo, rehefa tonga eo amin'io Tombokase Fahafito io izany, fa tapaka izy. [Nanapoapoaka ny rantsan-tànany indray mandeha Rahalahy Branham—Mpand.] Eny.

80 Jesosy Kristy, teo am-piresahana, ny Tenany, dia niteny ny amin'ny andro farany. Ary rehefa tonga Izy . . . Niteny an'ireo Tombokase enina rehetra. Rehefa tonga teo amin'ny Fahafito Izy, dia nijanona Izy. Izay ilay izy, hitanareo. Zavatra iray lehibe izany.

81 Ankehitriny, ankehitriny, hiresaka eo amin'ity toko faha-7 ity isika eto ankehitriny, iray minitra fotsiny, mba—mba hampitohy kely azy, eo anelanelan'ny Tombokase Fahenina sy Fahafito. Satria, izany no fitaovana tokana izay tsy maintsy hanohizantsika, izao ankehitriny izao, dia ny Fahenina . . . eo anelanelan'ny Tombokase Fahenina sy Fahafito, dia ny fiantsoana ny Isiraely.

82 Ankehitriny, manana sakaiza Vavolombelon'i Jehovah mahafinaritra maro aho mipetraka eto, izay ny rehetra dia . . . na efa. Angamba ny sasany amin'izy ireo dia mbola Vavolombelon'i Jehovah. Fa izy ireo dia efa nampihatra foana, Atoa. Russell dia nampihatra, an'io efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy io, ho ilay Ampakarin'i Kristy ivelan'ny voajanahary. Hitanareo? Izy ireo . . . Tsy izany ilay izy.

83 Tsy misy idiran'izany amin'ny taom-piangonana, mihitsy. Isiraely tanteraka tokoa izy ireo. Ankehitriny, hamaky isika afaka minitra vitsy. Ankehitriny, io elanelana io, eo anelanelan'ny Fahenina . . . ireo Tombokase, dia antso iray ary fanisiana tombokase an'ireo Jiosy efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, nantsoina tao amin'ny vanim-potoan'ny Fahoriambe, rehefa lasa ilay Fiangonana. Hitanareo? Tsy misy

idirany amin'ny taom-piangonana, mihitsy. Oh, nantsoina izy, ary mirindra tanteraka tokoa amin'ny Soratra. Ireo telo herinandro sy tapany farany an'i Daniela, dia natokana ho an'ny "vahoaka" an'i Daniela, hitanareo, fa tsy ireo Jentilisa. Ho an'ny "vahoaka" an'i Daniela, ary Daniela dia Jiosy iray!

84 Mariho ankehitriny, Isiraely, Isiraely dia mino an'ireo mpaminaniny fotsiny ihany, ary, rehefa avy nohamarinina izy ireo.

85 Ary na aiza na aiza manerana ny taom-piangonana, hatrany amin'ilay Fiangonana apostolika voalohany, dia tsy nanana mpaminany iray mihitsy ny fiangonana Protestanta. Teneno amiko hoe iza izany, ary asehoy amiko izany. Tsy nisy mihitsy! Izy ireo dia nanana, tao amin'ilay taona apostolika voalohany, anankiray nantsoina hoe Agabo, izay mpaminany voamarina iray. Fa tao . . . Rehefa niditra ireo Jentilisa, ho lovan'Andriamanitra, dia nitodika tany amin'ireo Jentilisa i Paoly. Petera rehefa avy, araka ny novakiantsika omaly hariva, nandray avy tamin'ny Tompo, hoe, "Izy dia haka va—vahoaka iray avy amin'ireo Jentilisa, ho an'Ny Anarany, Ny Ampakariny," tamin'izany fotoana izany dia tsy nanana mihitsy izy ireo, teo amin'ny pejin'ny tantara, mpaminany Jentilisa iray. Ankehitriny dia miverena fotsiny manerana ny tantara dia hahita. Nahoana? Marina tokoa, hifanohitra amin'ny Teny izany. Marina tokoa.

86 Rehefa nivoaka ilay voalohany, dia liona iray, izany *dia* ireo mpaminany: Teny.

Nivoaka ny manaraka, dia ny asa, fanatitra.

Nivoaka ny manaraka, dia ny fahaiza-manaon'ny—ny olona.

87 Fa isika dia nampanantenaina, amin'ny andro farany, an'izany hiverina amin'ilay Fiangonana indray, ho tombontsoa hanitsy ny rehetra izay diso fitondra, diso, tsy vita, navela tsy vita. Satria, voalaza mialoha eto fa ny Hafatr'ilay anjely fahafito no hamarana an'ireo zava-miafin'Andriamanitra. Ary, avy eo, dia nodinihantsika Izany rehetra izany. Hitantsika fa mirindra tanteraka tokoa amin'ny Soratra Izany. Izany ilay antony.

88 Ankehitriny, azonareo eritreretina ve, rehefa tonga eo amin'ny sehatra io olona io? Rehefa tonga izy, dia tsarovy, ho tena manetry tena sy ny sisa izany, hany ka ho diso azy lavitra be ireo fiangonana. Ary azonareo eritreretina ve, fa ireo fiangonana, mbola eo ambanin'ilay fombafomban'ireo mpanavao foana, dia mba handray mpaminany iray avy amin'Andriamanitra, izay hanohitra mafy tokoa an'ireo fampianarany sy ireo rafi-pandaminany?

89 Ankehitriny, olona anankiray ihany no afaka hanatanteraka an'izany, Fanahy anankiray ihany izay hany nisy teto an-tany, izay fantatro. Na izany dia ho . . . Tsy maintsy ho Elia izany,

amin'ny fotoany. Ary voalaza mialoha fa ho izany ilay izy, izay tsy inona fa ny Fanahin'i Kristy.

90 Rehefa tonga Kristy, dia Izy no fahafenoana. Izy no ilay Mpaminany. Izy no ilay—ilay Andriamanitr'ireo mpaminany. Hitanareo? Hitanareo?

91 Kristy, jereo hoe toy ny ahoana no nankahalan'izy ireo Azy. Saingy tonga marina tokoa araka ny nolazain'ny Teny fa Hahatongavany Izy. Saingy satria Mpaminany iray Izy, dia niteny ratsy ny tenany niala lavitra ny Fanjakan'Andriamanitra izy ireo, tamin'ny fiantsoana ny Fanahin'Andriamanitra, izay namantatra sy ny sisa hoe, "fanahy maloto iray." Hoy izy ireo, "Izy dia mpa—mpanao hatsarana iray izy, na devoly iray," izany ilay izy.

92 Ny mpanao hatsarana iray dia devoly iray, hitanareo, fanahin-devoly. Izany tokoa. Efa fantatrareo ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tanteraka tokoa. Ny manao hatsarana dia fakan-tahaka mpaminany iray, izay fitenenan-dratsy tanteraka tokoa eo anatrehan'Andriamanitra.

93 Mariho ankehitriny. Nantsoina, mirindra tanteraka amin'ny Soratra, an'ireo telo taona sy tapany farany an'i Daniela.

94 Mariho, ny mpinon'i Isiraely—ireo mpino irery ihany no nilazana, ao amin'ny Testamenta Taloha, mba hino an'ireo mpaminaniny rehefa avy nohamarinina ilay mpaminany. "Raha misy anankiray eo anivonareo, izay ara-panahy na mpaminany iray, dia Izaho Tompo Te-. . . Andriamanitrao no hampahafantatra ny Tenako aminy, ka hiresaka aminy amin'ny fahitana, amin'ny alàlan'ny nofy, fandikana nofy." Raha misy olona iray manana nofy iray, dia ilay mpaminany no afaka mandika an'izany. Ary raha—raha mahazo fahitana izy, dia izy no miteny an'izany. "Hampahafantatra ny Tenako aminy Aho amin'ny alàlan'ny fahitana sy nofy, hampahafantatra ny Tenako. Ary raha miseho izay lazainy, amin'izay fotoana izay dia henoy izany mpaminany izany, satria Izaho no momba azy. Raha tsy izany, amin'izay fotoana izay dia aza matahotra azy mihitsy." Hia. Marina izany. "Mialà, avelao fotsiny izy hipetraka tsara, hitanareo." Ankehitriny izany dia . . .

95 Ankehitriny, hino an'izany foana ny Isiraely. Ary tsy hitanareo ve? Satria nahoana?

Ankehitriny dia tiako ianareo hahatakatra tsara an'ity lesona ity, izao hariva izao, ankehitriny.

96 Nahoana? Satria, baiko iray avy amin'Andriamanitra izany, ho azy ireo. Tsy ahoako na firy ny trakta azon'ireo Jentilisa entina any sy haparitaka. Tsy ahoako na impiry ianareo no mandeha manerana ny Isiraely miaraka amin'ny Baiboly iray eo ambanin'ny sandrinareo, manaporofo an'*ity*, *itsy*, na ny *hafa*; tsy handray afa-tsy mpaminany iray mihitsy izy ireo. Marina tokoa izany. Satria, mpaminany iray ihany no anankiray izay

afaka handray ny Teny Masina ary mametraka Azy eo amin'ny Toerany, ary ho mpaminany iray voamarina. Hino an'izany izy ireo. Marina izany.

97 Tahaka ny niresahako tamin'ny Jiosy iray teto tany Benton Harbor, rehefa ilay John Rhyn, izay efa jamba nandritry ny fiainany rehetra, saiky, no nahazo ny fahitany. Nentin'izy ireo tany aho, ilay tranon'i Davida. Ary nivoaka io raby io niaraka tamin'ny volombavany lava. Hoy izy hoe, "Tamin'ny fahefana inona no nanomezanao an'i John Rhyn ny fahitany?"

Hoy aho hoe, "Tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra."

98 Hoy izy hoe, "Lavitra an'Andriamanitra ny hanana Zanaka iray!" Hitanareo? Dia hoy izy hoe, "Tsy afaka manapaka an'Andriamanitra ho singany telo ianareo olona ka hanome Azy ho an'ny Jiosy iray. Manao Andriamanitra telo avy Aminy; andiana mpanompo sampy iray ianareo!"

99 Hoy aho hoe, "Tsy manapaka Azy ho singany telo aho." Hoy aho hoe, "Raby, ho zavatra iray hafahafa aminao ve ny hino fa ny anankiray tamin'ireo mpaminaninareo dia niteny fa . . . zavatra iray diso?"

Hoy izy hoe, "Tsy miteny na inona na inona diso ny mpaminaninay."

Hoy aho hoe, "Iza no resahan'ny Isaia 9:6?"

Hoy izy hoe, "Ny Mesia."

100 Hoy aho hoe, "Noho izany, ny Mesia dia ho Olona-Mpaminany iray. Marina ve izany?"

Hoy izy, "Eny, tompoko. Marina izany."

101 Hoy aho hoe, "Asehoy ahy hoe taiza no nahadiso an'izany an'i Jesosy." Hoy izy hoe . . . Hoy aho hoe, "Inona no hifandraisan'ny Mesia-Mpaminany amin'Andriamanitra?"

Hoy izy hoe, "Ho Andriamanitra Izy."

Hoy aho hoe, "Marina izany. Ankehitriny dia azonao ilay izy eo amin'ny Teny."

102 Mianiana aho, io Jiosy nitsangana teo io ka ranomaso no nikoriana tamin'ny takolany, dia nanao hoe, "Hihaino anao aho amin'ny andro iray any aoriana."

Hoy aho hoe, "Raby, mino an'izany ve ianao?"

103 Dia hoy izy hoe, "Jereo," hoy izy, "'Andriamanitra dia mahay manangana zanaka ho an'i Abrahama avy amin'ireto vato ireto.'" Fantatro fa tao amin'ny Testamenta Vaovao izy.

Hoy aho hoe, "Marina, Raby! Ankehitriny dia ahoana ny amin'izany?"

104 Hoy izy hoe, "Raha nitory an'izany aho, dia ho tetsy ambany tetsy," fantatrareo izay misy ny toeran'izy ireo eny amin'ny

havoana any, "ho tetsy ambany amin'ny làlambe, hangataka ny mofoko."

105 Hoy aho hoe, "Aleoko ho etsy ambany etsy mangataka ny mofoko." Mbola manana ny tànany eo amin'ny vola foana ny Jiosy, fantatrareo. Hitanareo? Hitanareo? "Aleoko . . . " Ary ny anarany amin'ny volamena, eo amin'ilay . . . Hoy aho hoe, "Aleoko etsy ambany etsy, mihinana mofo masira sy misotro rano tsotra, nefa mahafantatra fa ao amin'ny firindrana miaraka amin'Andriamanitra aho, ary marina; toy izay ho eto miaraka amin'ny anarako eo amin'ity tranobe ity, ao amin'ny soratra volamena tahaka an'izany, nefa mahafantatra fa lavitra an'Andriamanitra aho. Fantatro izany." Tsy nety nihaino ahy intsony izy, noho izany dia niditra izy.

106 Saingy izay ilay izy. Tsy afaka manapaka an'Andriamanitra ho singany roa na telo ianareo, antsoina hoe "Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina," ka manao Andriamanitra telo ary hanolotra an'izany ho an'ny Jiosy iray. Ny tena Didiny mihitsy dia hoe, "Aza manana andriamanin-kafa eo Anatrehako. Izaho no Tompo Andriamanitrao." Inona no nolazain'i Jesosy? Hoy Jesosy hoe, "'Henoinao, O ry Isiraely, Izaho no Tompo Andriamanitrao, Andriamanitra anankiray.'" Tsy telo; tsy hanome an'izany ho azy ireo mihitsy ianareo. Tsia. Tsy hisy mpaminany hiresaka mikasika Andriamanitra telo mihitsy. Tsia. Na aiza na aiza. Tsy handre an'izany mihitsy ianareo. Tsia, tompoko. Fanompoan-tsampy sy mpanompo sampy izany satria izany no nihaviany. Eny, tompoko.

107 Mariho. Fa ho tonga ireto mpaminany ireto. Tsy izany ihany . . . Ireo—ireo mpaminany, ankehitriny, dia ny Apokalypsy 11. Efa novakiantsika ny sasany tamin'izany. Ary tiako ianareo hamaky an'izany raha mianatra, eo amin'ireo horonam-peo sy ny sisa. Mpaminany voamarina tanteraka tokoa izy ireo, tamin'ny alàlan'ny famantaran'ny mpaminany. Noho izany dia hihaino an'izany ny Isiraely.

108 Ankehitriny, ho anareo, sakaizako Vavolombelon'i Jehovah, aoka hahazo ankehitriny fa ireo, efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, dia tsy misy idirany amin'ny Ampakarina. Tsy misy Soratra bitika anankiray hanohanana an'izany. Tsia, tompoko. Tsy izany izy ireo. Jiosy izy ireo. Ilay Voafidy izay nantsoina hivoaka nandritry ny fotoan'ny telo taona sy tapany farany an'ny fitopolo herinandron'i Daniela. Ankehitriny izany dia . . .

109 Izaho—manohy manonona an'io foana aho. Tsy dia ho anareo rehetra eto loatra, fa, hitanareo, ireo olona, mandeha hatraiza hatraiza ireto horonam-peo ireto, hitanareo. Ary azonareo izany. Mandre ahy mamerina manonona ianareo. Ho an'izany tanjona izany ilay izy.

110 Mariho. Ankehitriny hitanareo ve hoe ahoana fa izy ireo dia tsy maintsy, jamba, hitanareo ve hoe ahoana fa izy ireo dia . . . ? Jesosy, na, Andriamanitra no tsy maintsy nanajamba an'ireo Jiosy, mba hisakana azy ireo tsy hahafantatra an'i Jesosy. Raha nahafantatra izy ireo, raha nahafantatra fotsiny mantsy izy ireo fa ilay . . . Teo am-pahitana an'ilay famantarana izay Nataony, raha tao amin'ny toerany marina izy ireo, tahaka azy ireo teo ambanin'ny lalàna rehefa nandidy azy ireo mikasika ny mpaminany iray Andriamanitra, ka nahita an'i Jesosy nanao an'izany izy ireo, dia ho nilaza izy ireo hoe, "Io no Mesia." Nahoana izany?

111 Ireo tao amin'io taona io, izay nanana ny anarany voasoratra teo amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry, ireo Apostoliny sy ny sisa, izy ireo no nahita an'izany ary nahafantatra an'izany.

112 Nahoana no tsy ny sisa tamin'izy ireo? Hitanareo, nohajambaina izy ireo. Tsy afaka nahita an'izany izy ireo. Tsy mahita an'izany izy ireo, tsy mbola. Ary tsy hahita an'izany izy ireo mandra-pahatonga azy ho teraka ho firenena iray, amin'ny fotoana anankiray. Izany dia tsy afaka . . .

113 Tsy mety diso ny Teny. Tsarovy, tsy mety diso ny Teny. Tsy ahoako na fahatsapana firy no anananareo, sy izay rehetra miseho, fa mbola tsy mety diso ny Teny. Izany dia tsy maintsy ho araka ny nilazan'Andriamanitra fa naha-izy azy marina tokoa. Hitanareo? Ankehitriny, fantatsika fa tsy maintsy mitranga ireo zavatra ireo.

114 Ary izany no antony tsy nahafantaran'izy ireo an'i Jesosy rehefa nanondro tanteraka tokoa ny Tenany ho ilay Mpaminany Izy.

115 Na dia ilay kely—vehivavy Samaritana antitra kely izay nitsangana tany teo amin'ny fantsakana aza. Tsy mbola tany Samaria mihitsy Izy; nandeha fotsiny Izy, nilaza fa nila nandeha tamin'io làlana io Izy, ary nandeha teo Izy. Ary nisy an'io vehivavy kely io teo. Ary ny, teo amin'ny toerany, dia izy no tao amin'ny toerana tsaratsara kokoa mba handray ny Filazantsara noho ireo mpisorona mpivavaka sy ny sisa tamin'io andro io. Nataony izany. Izany tokoa. Ankehitriny, hitanareo?

116 Fa, teo anatrehan'ny fandàvan'izy ireo rehetra, dia mbola nisy anankiray tamin'ny olon'izy ireo ambony indrindra nanaiky fa izy ireo dia nahafantatra fa Mpampianatra iray nirahina avy tamin'Andriamanitra Izy.

117 Niresaka tamin'ny anankiray tamin'ireo dokotera tsara indrindra izay misy any amin'ny fanjakana atsimo aho, tao amin'ny biraony, vao tsy ela akory izay. Ary manam-pahaizana manokana iray tena tsara any Louisville, lehilahy iray tena mahery fo. Ary nilaza taminy aho, hoy aho hoe, "Dokotera, te-hametraka fanontaniana iray aminao aho."

Hoy izy hoe, "Eny àry."

118 Hoy aho hoe, "Voamariko ilay famantaran'ny mpitsabonareo, ilay tehina. Manana menarana iray ianareo mandrakotra manodidina andry iray. Manambara inona io?"

Hoy izy hoe, "Tsy fantatro."

119 Dia hoy aho hoe, "Ity no ambaran'izany: izany dia mari-pamantarana iray an'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, rehefa nanangana an'ilay menarana varahina tany an-efitra i Mosesy, hitanao, izay mari-pamantarana iray fotsiny ihany, mari-pamantarana iray fotsiny ihany an'ilay Kristy marina."

120 Ankehitriny, amin'izao andro izao, ny fitsaboana dia mari-pamantarana iray an'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra. Ary na dia maro amin'izy ireo aza no tsy mino an'izany, ireo tena dokotera tsara dia tena mino an'izany. Fa ny sasany amin'izy ireo dia tsy mino an'izany. Fa ilay tena marika ahafantarana izay atsangan'izy ireo mihitsy no manambara ny Herin'Andriamanitra Tsitoha, na te-hino an'izany izy ireo na tsia. Hitanareo? Marina izany. Misy menarana varahina iray mihantona eo amin'ny andry iray, eo amin'ny marika ahafantarana ara-pitsaboana.

121 Mariho ankehitriny ireto Jiosy ireto. Ankehitriny, ireo kiran'ny fahajambana no teo amin'ny mason'ireo olona ireo. Izy ireo, tsy nisy azon'izy ireo natao; teo izany, ary Andriamanitra no nametraka an'izany teo. Ary eo izy ireo mandra-pahatongan'ilay taona izay nampanantenaina azy ireo, ireo mpaminany ho avy ireo. Afaka mandefa misionera ianareo, afaka manao izay rehetra tianareo hatao ianareo; Isiraely dia tsy hiova fo mihitsy raha tsy tonga eo amin'ny sehatra ireo mpaminany ireo, ary izany dia aorian'ny Fampakarana an'ilay Fiangonana Jentilisa.

122 Tahaka ny tsy nahafahan'ny taonan'ny omby nandray ny antson'ny liona, satria Andriamanitra dia efa nilaza tao amin'Ny Teniny fa Fanahin'ny omby no nivoaka. Ary tao amin'ny taonan'ireo mpanavao, dia olona no nivoaka. Hitanareo? Ianareo fotsiny . . .

123 Izany ihany no zavatra tokana izay ianareo . . . azon'izy ireo raisina. Izany dia . . . Ary, any ankehitriny, dia ajambaina izy ireo. Izay fotsiny ihany ny amin'izany. Mariho ankehitriny.

124 Fa ho avy ilay taona izay hahavita ny amin'ny Jentilisa. Misy hazo iray, ka ny fakany dia Jiosy, ary notapahina izany; ary natao grefy tao ny Jentilisa, "ilay hazo, oliva dia," ary eo am-pamokarana ny voany izy. Ankehitriny, rehefa tapahina io Ampakarina Jentilisa io, io hazo Ampakarina izay noresahako io, ka akarina ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra; dia hofoanan'Andriamanitra ireo Jentilisa tsy mino ireo, eto amin'ny ilany eto (ilay virijiny natory), ary hanao grefy indray. Izy no nampanantena hanao an'izany.

125 Ary mandra-pahatongan'io fotoana io, dia tokony ho fantatrareo fotsiny hoe aiza ianareo no . . . Raha fantatrareo izay

halehanareo, eny, dia mety tsara. Raha tsy fantatrareo, nahoana, dia tafintohina ao anatin'ny aizina ianareo.

126 Ankehitriny, izany dia rehefa hiova fo ireo Jiosy, mandritr'io taona io. Ankehitriny, tahaka ny taom-piangonana, eo ambanin'ny herin'ny teny fikasana voahosotra, no handraisan'izy ireo an'i Kristy; fa, ankehitriny, dia tsia raha mbola ao ireo Jentilisa. Ankehitriny dia afaka mahita isika hoe karazana hafatra inona ho an'ireto mpaminany roa ireto, an'ny Apokalypsy ny toko faha-11, no ho toriany. Ankehitriny dia afaka mahita mazava marina tokoa ianareo hoe inona no hataon'izy ireo. Satria, ilay sisa nanamborana, na ireo efatra arivo amby efatra alina amby efatra hetsy, voafidy mialoha, no mandray ny Tombokasen'Andriamanitra.

127 Ndao isika hamaky fotsiny. Ankehitriny henoy tsara mihitsy ankehitriny. Ankehitriny tiako ianareo hamaky miaraka amiko, raha afaka ianareo, satria hitodika amin'ity indray aho afaka kelikely fotsiny, toko faha-7, ankehitriny, ity dia eo anelanelan'ny Tombokase Fahenina sy Fahafito.

> . . . *taorian'ireo zavatra ireo—taorian'ireo zavatra ireo* (ireo Tombokase ireo) . . .

128 Novahana ny Tombokase Fahenina, ary ny vanim-potoan'ny Fahoriambe izany. Azon'ny olona rehetra ve izany ankehitriny? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Novahana ny Tombokase Fahenina, ary nandeha ny Fahoriambe. Taorian'io, dia inona?

> . . . *taorian'ireo zavatra ireo dia nahita anjely efatra nitsangana teo amin'ny zorony efatry ny tany aho, nihazona an'ireo rivotra efatra amin'ny tany, mba tsy hitsofan'*izany amin'*ny tany, na amin'ny ranomasina, na amin'ny hazo akory aza.* (Anjely efatra!)
>
> *Ary nahita anjely iray hafa aho niakatra avy any atsinanana, nanana ny tombokasen'Andriamanitra velona:* a*ry niantso an'ireo anjely efatra tamin'ny feo mahery izy, izay navela hanimba ny* ranomasina, *ny tany . . . ny ranomasina,*
>
> *Nanao hoe, Aza manimba ny tany, na ny ranomasina, na ireo hazo,* mandra-*panisinay tombokase an'ireo mpanompo* . . .

129 Tsy ny Ampakarina. "Ireo mpanompo." Tsy ireo zanaka. "Ireo mpanompo." Isiraely dia efa mpanompon'Andriamanitra foana. Ilay Fiangonana no zanaka, hitanareo, tamin'ny alàlan'ny fahaterahana. Isiraely no Mpanompony. Diniho, ny toerana rehetra, fa izany foana ilay izy. Abrahama dia Mpanompony. Isika tsy mpanompo. Isika dia zanaka, zanakalahy sy zanakavavy. Hia.

> . . . an'ny . . . *an'Andriamanitsika eo amin'ny* handriny.

130 Diniho ankehitriny.

. . . an'Andriamanitsika eo amin'ny handriny.

Ary reko ny isan'ireo izay *voaisy tombokase:* . . .

131 Ankehitriny dia tiako ianareo hihaino tsara ny famakiana azy ireo.

. . . ary ny voaisy tombokase dia *efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy avy amin'ny fokon'ny zanak'Isiraely rehetra.*

132 Izy dia manonona ny anaran'izy ireo tanteraka. Ankehitriny, raha sendra misy mpamantatra British-Israel iray mipetraka eto, dia henoy hoe toy ny ahoana no amotehan'ity an'ilay izy, hitanareo.

Avy amin'ny fokon'i Joda dia roa arivo sy iray alina no voaisy tombokase. (Nantsoina hoe, "ny foko.") *Avy amin'ny fokon'i Robena dia roa arivo sy iray alina no voaisy tombokase. Avy amin'ny fokon'i Gada . . . roa arivo sy iray alina.*

133 Diniho ireo—ireo fokonareo ankehitriny.

Ary *avy amin'ny fokon'i Asera dia roa arivo sy iray alina no voaisy tombokase. . . . ny fokon'i Naftaly dia roa arivo sy iray alina no voaisy tombokase. . . . ny fokon'i—i Manase . . . roa arivo sy iray alina.*

Ary *ny fokon'i Simeona . . . roa arivo sy iray alina voaisy tombokase. Avy amin'ny fokon'i—i Levy dia roa arivo sy iray alina no voaisy tombokase. Avy amin'ny fokon'i Isakara . . . roa arivo sy iray alina.* (Isakara, ataoko fa izany no anononanareo an'io.) . . . *roa arivo sy iray alina.*

. . . ny *fokon'i Zebolona . . . roa arivo sy iray alina.* Ary *ny fokon'i Josefa* dia *roa arivo sy iray alina no voaisy tombokase. Avy amin'ny* rehetra . . . *Avy amin'ny fokon'ny Benjamina dia roa arivo sy iray alina no voaisy tombokase.*

134 Ankehitriny, misy foko roa ambin'ny folo, roa arivo sy iray alina isaky ny foko iray. Roa ambin'ny folo ampitomboina roa ambin'ny folo . . . dia inona? [Hoy ny fiangonana hoe, "Efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy."—Mpand.] Efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy. Diniho ankehitriny. Izy ireo dia, ny rehetra, avy amin'ireo fokon'ny Isiraely.

135 Diniho ankehitriny, "Taorian'izany . . ." Ankehitriny dia indro tonga ny vondrona iray hafa. Ankehitriny, efa lasa ny Ampakarina, fantatsika izany. Fa diniho ity vondrona izay tonga ity.

Taorian'izany dia hitako, fa, indro, nisy olona betsaka, izay tsy azon'olona nisaina, avy tamin'ny firenena

rehetra,. . .fokom-pirenena, sy ny olona, ary fiteny, *nitsangana teo anoloan'ny seza fiandrianana, sy teo anoloan'ny Zanak'ondry, niakanjo* tamin'ny *akanjo fotsy, ary sampan-drofia no teny an-*tànany;

Ary niantso tamin'ny feo mahery izy ireo, nanao hoe, Ny famonjena anie ho an'Andriamanitsika izay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana, ary ho *an'ny Zanak'ondry.*

Ary ny firenena *rehetra. . .nitsangana* nanodidina *teo amin'ny seza fiandrianana, ary mbamin'ny* loholona *sy ireo zava-manan'aina efatra, dia niankohoka tamin'ny tavany teo anoloan'ny seza fiandrianana, ka nivavaka tamin'Andriamanitra,*

Nanao hoe, Amena: Ny saotra,. . .*voninahitra,. . . fahendrena, . . .fisaorana,. . .haja,. . .hery,. . . faherezana, anie* ho *an'Andriamanitsika mandrakizay sy mandrakizay. Amena.*

Ary ny anankiray tamin'ireo loholona. . .

136 Ankehitriny dia eo anatrehan'ireo loholona izy eto. Tahaka ny, efa nahitantsika azy, nanerana an'ireo Tombokase rehetra.

Ary ny anankiray tamin'ireo loholona dia namaly, ary nanao tamiko hoe, Iza ireo. . .

137 Ankehitriny, Jaona, satria Jiosy iray, dia nahafantatra ny vahoakany manokana. Nahita azy ireo tao amin'ny endrika foko izy. Marina ve izany? Nahafantatra izy ary niantso ny tsirairay avy tamin'ireo foko.

138 Fa ankehitriny, rehefa hitany ireto, dia somary sahirantsaina kely izy. Ary fantatr'ilay loholona izany, ka hoy izy hoe:

*. . .*Iza *ireo miakanjo akanjo fotsy ireo? ary* avy *taiza izy ireo?*

139 Jaona, mamaly ankehitriny:

Dia hoy aho taminy hoe, Tompoko, ianao no mahafantatra.

140 Tsy nahafantatra azy ireo i Jaona, hitanareo; ny fokompirenena rehetra, fiteny, ary firenena.

. . .Dia hoy izy tamik*o*, *Ireo dia— hoy izy* tamik*o*, *Ireo dia ireo izay* avy *tamin'ny fahoriana lehibe,* (amin'ny teny hafa, ny Fahoriambe lehibe), *ary ny akanjony dia nosasany,. . .nanao azy ireo ho fotsy tamin'ny ràn'ny Zanak'ondry.*

Noho izany izy ireo dia *eo anoloan'ny seza fiandrianan'Andriamanitra, ka manompo azy andro aman'alina ao amin'ny tempoliny: ary* izy ireo*. . .ilay* mipetraka eo ambonin'*ny seza fiandrianana dia honina eo anivon'izy ireo.*

Tsy ho noana intsony izy ireo, na ho *mangetaheta intsony* izy ireo*; tsy haninona ny hazavan'ny masoandro eo amin'izy ireo—ny hazavan'ny masoandro eo amin'izy ireo, na ny hafanana.*

Fa ny Zanak'ondry izay eo afovoan'izy ireo no hamahana azy ireo, ary hitarika azy ireo eo amin'ny loharano velon'ny rano: a*ry Andriamanitra no hamafa . . . ny ranomaso rehetra amin'ny masony.*

141 Ankehitriny dia sokafantsika ny . . . tonga eo amin'ilay Tombokase isika.

Efa voamarikareo ve, fa izy ireo dia . . . Voalohany, manomboka isika ankehitriny, Isiraely.

142 Ary avy eo dia hitantsika ilay fiangonana nodiovina, tsy ny Ampakarina; ilay fiangonana nodiovina, tamin'ny alàlan'ny Fahoriambe, hitanareo, hitanareo, dia tonga eto, fo tena tsotra maro an'isa izay nivoaka avy—avy tao amin'ilay Fahoriambe lehibe. Tsy ilay Fiangonana; efa lasa Izy, ny Ampakarina. Ity dia ny fiangonana.

143 Ankehitriny dia hitantsika, lavidavitra kely, fa Jesosy no nilaza fa hipetraka ny Seza fiandrianana, ary ahoana ilay . . . hitsangana eo amin'ny fitsarana izy ireo, ny tsirairay avy.

144 Ankehitriny, dia hitantsika fa ireto olona ireto dia voaisy tombokase tamin'ny Tombokasen'Andriamanitra velona (marina ve izany?), ireto Jiosy ireto. Inona ilay Tombokasen'Andriamanitra velona?

145 Ankehitriny, izaho dia tsy miantso mihitsy, tsy mandratra fihetseham-po. Milaza fotsiny aho, hitanareo. Fantatrareo ve, fa, namaky an'ireo mahay maro aho izay nanoratra ny amin'io, nilaza fa io vondrona eo io, voasasan'ny rà, dia ny Ampakarina tokoa?

146 Efa fantatrareo ve fa mahay maro ihany koa no milaza fa ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy dia ny Ampakarina? Inona ny . . . Misy zavatra tokony hifanaraka eto, diso . . . marina eto, satria misy zavatra tsy mety ankehitriny.

147 Mariho, ireo rahalahintsika Adventista dia milaza, fa, "Ny Tombokasen'Andriamanitra, dia ny mitandrina ny andro sabata." Fantatrareo izany. Fa mila pentin-tSoratra anankiray aho eo amin'izany, mba haneho fa ny sabata, na ny mitandrina ny andro sabata, no Tombokasen'Andriamanitra. Hitanareo? Olona iray fotsiny no nisintona an'io hevitra io.

148 Fa raha hamaky ny Efesiana 4:30 ianareo, dia izao no voalaza hoe, "Aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra, izay nanisiana tombokase anareo hatramin'ny andro izay ianareo . . . ny andro fanavotana anareo," eny, tompoko, rehefa vita ilay asam-panelanelanana, ka tonga ianareo; tonga Kristy mba hanavotra ny Azy Manokana. Voaisy tombokase ianareo; tsy

hatramin'ilay fifohazana manaraka. Rehefa voaisy tombokase indray mandeha tamin'ny Fanahy Masina ianareo, dia asa vita iray izany, hoe nandray anareo Andriamanitra, ary tsy misy afaka mampanalavitra amin'izany.

149 Hoy ianareo hoe, "Eny, efa nanana Azy aho, nefa nanalavitra." Tsia, ianareo—tsy nanana Azy ianareo.

150 Andriamanitra no nilaza fa Izany dia mitohy hatrany amin'ny Andron'ny Fanavotana. Ankehitriny, ah-hah, miadia hevitra Aminy fotsiny ianareo, dia jereo ny dikan'izany. "Hatramin'ny Andron'ny Fanavotana anareo."

151 Mariho. Satria nisy . . . Satria sisa nanamborana iray izy ireo araka ny fifidianana, ireo Jiosy ireo ankehitriny no ilay sisa nanamborana araka ny fifidianana. Tamin'ny andron'ny asam-panompoan'i Elia voalohany teo amin'ireo Jiosy, izay nisy mpino fito arivo notehirizin'ny tànan'Andriamanitra, dia misy ao amin'ity fotoan'ny sisa nanamborana ity ankehitriny, izay tonga eo amin'ny fotoany, hisy efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy araka ny fifidianana. Ka, ilay Hafatra amin'io fotoana io, ny hino an'ilay Hafatra, dia ho efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy.

152 Ankehitriny, hoy ianareo hoe, "Oh, iray minitra fotsiny ankehitriny, rahalahy, tsy fantatro ny mikasika an'io karazana 'fifidianana' io. Eny, tsy namaky an'izany mihitsy aho eo."

153 Eny àry, ndao jerentsika ankehitriny raha marina izany, na tsia. Ndao isika hiverina ao amin'ny Matio, ka hijery eto ary hahita raha afaka mahita zavatra kely eo amin'izany isika any ho any. Mino aho ankehitriny fa marina aho. Tsy nanana an'ilay izy voasoratra aho eto, fa tonga tao an-tsaiko fotsiny. Ndao alaintsika, any amin'ny farany, ny andininy faha-30; izay nalaintsika omaly hariva, ny faran'ny Tombokase Fahenina, eo amin'ny andininy faha-30. Ankehitriny dia ndao vakiantsika izany ka hahita ankehitriny hoe ho tonga aiza isika, ny andininy faha-31. Hitanareo? "Hahita ny Zanak'olona tonga amin'ny voninahitra izy ireo." Ankehitriny ny andininy faha-31.

> *Ary haniraka an'ireo anjeliny miaraka amin'ny faneno mafin'ny trompetra iray izy, ary izy ireo hanangona miaraka ny voafidiny avy amin'ny rivotra efatra, hatramin'ny faravodilanitra rehetra.*

154 Ny "voafidy" dia hivoaka. Inona izany? Ary ny fotoan'ny Fahoriambe. Hiantso ny Voafidiny Andriamanitra, ary izany dia ireo Jiosy mandritr'io fotoana io, ny voafidy. Miresaka ny amin'izany ny Baiboly. Miresaka ny amin'izany i Paoly hoe, "Araka ny fifidianana." Hisy efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy araka ny fifidianana, izay hino an ilay Hafatra, avy amin'ireo an-tapitrisany ara-bakiteny izay hisy any.

155 Nisy an-tapitrisany tany Palestina, tamin'ny androny faminanian'i Elia, fa fito arivo no voavonjy avy tamin'ny an-tapitrisany.

156 Ankehitriny, "araka ny fifidianana." Nefa, Jiosy an-tapitrisany no miangona ao amin'ilay tanindrazana. Lasa firenena iray izy. Hisy an-tapitrisany any, saingy ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy "voafidy" irery ihany no ho raisina. Izy ireo no hihaino an'ilay Hafatra.

157 Mitovy amin'izany ihany amin'ilay Fiangonana Jentilisa. Misy Ampakarina iray, ary voafidy Izy. "Ary izy dia hantsoina araka ny fifidianana." Mariho, izany rehetra izany dia manao tandindona an'ilay Fiangonana, tanteraka tokoa, ireo mpino voafidy.

158 Ireo hafa dia tsy hino. Afaka miteny an'izany fotsiny ianareo. Teneno amin'ny olona iray ny Fahamarinana, ary aoka ho voaporofon'ny Teny izany, ary avy eo dia voamarina; hilaza izy hoe, "Tsy mino an'Izany aho." Afaka fotsiny ianareo . . .

159 Aza miadaladala amin'izany intsony. Jesosy no nilaza mba tsy hiadaladala. Hoy Izy, "Izany dia tahaka ny manipy perla eo anoloan'ny kisoa." Hitanareo? Hoy Izy, "Avelao fotsiny izy ireo hipetraka tsara. Hiverina izy ireo ary hanitsaka anareo amin'ny tongony. Haneso anareo izy ireo. Manalavira fotsiny dia avelao izy ireo. 'Raha ny jamba no mitarika ny jamba . . . '"

160 Nandeha nankany amin'ny lehilahy iray aho, vao tsy ela akory izay, na, izy no nanatona ahy, raha ny marina. Efa niady hevitra izy, tamin'ny manodidina rehetra, hatraiza hatraiza, nanohitra ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra. Ary tonga izy, ka hoy izy hoe, "Tsy mino ny fanasitrananao avy amin'Andriamanitra aho."

161 Hoy aho hoe, "Ny ahy, dia ataoko, fa tsy hisy soa, satria tsy manana aho." Ary izy . . . Hoy aho hoe, "Fa ny an'Andriamanitra no tanteraka."

Hoy izy hoe, "Tsy misy ny zavatra tahaka an'izany."

162 Hoy aho hoe, "Tara loatra ianao milaza an'izany, ry namako. Hia, ianao efa—efa niandry ela loatra ianao ho an'izany. Mety efa niady hevitra ianao, taona vitsy lasa izay, saingy misy taona iray hafa mandeha ankehitriny. Misy an-tapitrisany hijoro vavolombelona, hitanao." Hoy aho hoe, "Ianao dia—tara loatra ianao ankehitriny, ry sakaiza, milaza an'izany."

163 Hoy izy hoe, hoy izy hoe, "Eny, tsy mino an'izany aho; tsy ahoako izay ataonao."

Hoy aho hoe, "Tsia tokoa. Tsy afaka ianao." Hitanareo?

164 Hoy izy hoe, "Ataovy jamba aho!" Hoy izy, "Raha manana ny Fanahy Masina marina tokoa ianao, tahaka an'i Paoly," hoy izy, "dia ataovy jamba aho."

165 Hoy aho hoe, "Ahoana no ahafahako manao an'izany nefa ianao efa jamba?" Hoy aho hoe, "Ny rainao no efa nanajamba anao teo amin'ny Fahamarinana." Hoy aho hoe, "Ianao, efa jamba ianao."

166 Dia hoy izy hoe, "Tsy hino aho; tsy ahoako izay azonao atao, porofo firy no azonao porofoina, na zavatra tahaka an'izany. Mbola tsy mino an'izany foana aho."

167 Hoy aho hoe, "Izany tokoa. Tsy ho an'ireo tsi-mpino izany. Ho an'ireo mpino irery ihany izany. Izay ilay izy." Hitanareo?

168 Inona izany? Hitanareo, fantatrareo eo no ho eo, fa tsy ao ilay fifidianana. Aza miadaladala amin'izany fotsiny, mihitsy. Nanao an'ilay zavatra iray ihany Jesosy, hoy Izy hoe, "Avelao izy ireo hipetraka tsara. Raha ny jamba no mitarika ny jamba, tsy hianjera any anaty lavaka ve izy ireo?"

169 Fa rehefa tonga teo amin'ny mpivarotena kely iray Izy, [Manapoapoaka ny rantsan-tànany indray mandeha Rahalahy Branham—Mpand.] nirehitra ny afo! Inona izany? Izany dia voa voafidy iray izay nandry tao, hitanareo, izay nahita an'Izany avy hatrany ankehitriny. Rehefa tonga teo amin'i Petera Izany, dia nisy voa iray voafidy nandry tao, hitanareo, ary hitan'izy ireo Izany. "Ary izay rehetra efa nomen'ny Ray, efa" (fotoana lasa) "nomena Ahy, izy ireo no ho avy. Izy ireo no hanatona Ahy." Oh, oadray! Tiako izany! Eny, tompoko. Mariho, ireo mpino no tena mino an'Izany.

170 Ireo tsi-mpino dia tsy afaka hino an'Izany. Noho izany, ankehitriny, raha te-hiady hevitra mikasika ny taranaky ny menarana sy ny sisa ny olona iray, ka miezaka ianareo ny haneho amin'izy ireo, dia tsy hihaino an'Izany izy ireo; manalavira fotsiny. Avelao fotsiny izy ireo hipetraka tsara. Hitanareo, tsy miady hevitra Andriamanitra, ary ireo Zanany koa.

171 Mariho, ireo Jiosin'Andriamanitra voafidy efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy dia tsy miankohoka eo amin'ilay bibidia, ny anaram-piangonany, na ireo sarivongany, na inona, na dia ao amin'ny fifanekena iray miaraka amin'izany aza ny fireneny amin'io fotoana io. Ao amin'ny fifanekena iray Isiraely, saingy indro ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy izay tsy hanao an'izany. Izany ilay voafidy.

172 Zavatra mitovy ihany mihitsy eto amin'ilay Fiangonana Jentilisa ankehitriny, dia misy vondrona voafidy iray. Tsy afaka hisintona azy ireo ho ao anatin'io karazan-javatra io ianareo. Tsy hino an'izany izy ireo. Tsia, tompoko. Rehefa mikasika azy ireo indray mandeha ilay Hazavana, dia milamina hatreo eo no ho eo izany. Hitan'izy ireo ilay. . . mahita an'izany mitranga, avy eo dia mahita an'izany voamarina sy voaporofo tahaka an'izany. Ary mijery ato amin'ny Baiboly izy ireo, mahita an'io Teny io mandeha marina. Eny, ianareo fotsiny—tsara aminareo fotsiny ny mijanona tsy miadaladala amin'izy ireo, satria tsy

mino an'Izany izy ireo. Izay ihany. Izay ihany. Na dia tsy afaka manazava an'Izany aza izy ireo, saingy fantatr'izy ireo fa ananany Izany. Noho izany, araka ny lazaiko, misy zavatra betsaka izay tsy azoko azavaina, saingy izaho—fantatro fa tena misy ilay izy na ahoana na ahoana. Ah-hah. Eny àry.

173 Io fotoana io dia teo anelanelan'ny Tombokase Fahenina sy Fahafito, izay Iantsoany an'ireo olona ireo, izay resahan'i Jesosy ao amin'ny Matio ny toko faha-24 ary ny andininy faha-31, izay vao avy novakiantsika, hitanareo. Ireo trompetra eto, ireo vavolombelona roa an'ny . . . Rehefa maneno ny trompetra, dia ny trompetran'ireo vavolombelona roa an'ny taonan'ny fahasoavana ho an'ireo Jiosy izany. Maneno ny trompetra iray, mariho, maneno ny trompetra iray. Nilaza Izy fa hampaneno ny trompetra Izy. Mariho eto ankehitriny, faha-31.

> *Ary izy haniraka* an'*ireo anjeliny* (tsy anankiray, hitanareo; misy roa amin'izy ireo) *miaraka amin'ny faneno mafin'ny trompetra iray,* . . .

174 Inona izany? Rehefa vonona ny hiteny Andriamanitra, dia misy feon'ny trompetra iray. Ny Feony foana izany. Antso ho amin'ny ady izany, hitanareo. Miteny Andriamanitra. Ho tonga miaraka amin'ny feon'ny trompetra ireo anjely ireo.

175 Ary efa voamarikareo ve, amin'ny Hafatr'ilay anjely farany, dia maneno ny trompetra. Ny hafatr'ilay anjely voalohany, dia naneno ny trompetra iray; an'ilay anjely faharoa, naneno ny trompetra iray, rehefa namoaka an'izany Izy. Mariho, fa rehefa voalaza ireo Tombokase, dia tao anatin'ny zavatra lehibe anankiray, Masina izy rehetra, mba hiantso vondron'olona iray hivoaka; nisy trompetra iray naneno, ary novahana ireo Tombokase Fito.

176 Mariho, "Manangona an'ireo Jiosy Voafidiny avy amin'ny ampahany efatry ny lanitra."

177 Nilaza an'ireo Tombokase enina Izy, araka ny efa hitantsika, saingy tsy ilay Tombokase Fahafito. Izy dia tsy nilaza na inona na inona mihitsy eto mikasika ny Tombokase Fahafito, na aiza na aiza.

178 Hitanareo, avy hatrany, ny andininy faha-32, dia mivadika mankany amin'ireo fanoharana, ny fotoan'ny fiantsoana an'ireo Jiosy voafidy. Diniho ankehitriny eto, hitanareo.

179 "Ary Izy haniraka an'ireo anjely miaraka amin'ny trompetra iray, ka hanangona ny Voafidy avy amin'ny zorony efatry ny lanitra." Ankehitriny Izy dia manomboka . . .

180 Hitanareo, tsy milaza na inona na inona mikasika ny Tombokase Fahafito Izy eto. Hitanareo? Niresaka ny Tombokase Fahenina Izy; Voalohany, Faharoa, Fahatelo, Fahefatra, Fahadimy, ary Fahenina.

181 Fa mariho:

Ankehitriny dia mianara ny fanoharana ny amin'ny hazo aviavy; Raha mbola manaroka ireo rantsany, *ka mamoaka ny raviny, dia fantatra*reo *fa akaiky ny fahavaratra:*

*Dia tahaka an'izany koa ianareo, rehefa hahita an'ireo zavatra rehetra ireo ianareo, dia fantaro fa efa akaiky izany, efa eo am-*baravarana *mihitsy aza.*

182 Ilay farany, ilay fanontaniana farany izay napetrak'izy ireo Taminy, "Ary ho inona no famantarana ny faran'izao tontolo izao?"

183 "Rehefa hitanareo ireo Jiosy ireo . . . Rehefa hitanareo fa miseho ireo zavatra hafa ireo, dia fantatrareo izay miseho. Ankehitriny, rehefa hitanareo ireo Jiosy ireo . . ." Niresaka tamin'ireo Jiosy! Diniho ankehitriny. Tarika inona no Iresahany, Jentilisa? Jiosy! Jiosy! Hitanareo?

184 Ankehitriny dia hoy Izy hoe, "Ho halan'ny firenena rehetra ianareo nohon'Ny Anarako," sy ny sisa, tahaka an'izany.

185 Ankehitriny, "Rehefa," hoy Izy, "mahita an'ireo Jiosy ireo manomboka mamoaka an'ireo tsimo-kazony ianareo any," rehefa manomboka miverina io Isiraely io, miditra ao amin'ny fireneny. Rehefa tonga any izy, (vonona ho amin'ny Fampakarana ilay Fiangonana), dia misy telo taona sy tapany fotsiny sisa tavela hatrany amin'ny faran'ilay izao tontolo izao tranainy, ary miditra ao amin'ny fahapotehana izy, ary miditra ny Arivo taona, ho amin'ilay vaovao—tany vaovao. Hoy Izy, "Eo am-baravarana mihitsy aza!" Ankehitriny, ny arivo taona eto an-tany dia iray andro fotsiny ihany amin'Andriamanitra. Ary ny telo taona sy tapany, dia hitovy amin'ny inona izany? Segondra maromaro, amin'ny fotoan'Andriamanitra. Izany no antony Nilazany hoe, "Eo am-baravarana izany."

Lazaiko aminareo marina tokoa, fa, *Ity taranaka ity dia tsy* ho lany, tsy ho ritra, ity vahoaka ity, raha tsy *ireo zavatra rehetra ireo* no . . .

186 Inona, inona no tsy ho ritra? Niezaka izy ireo namono ny Jiosy, tsy ho eto an-tany, tamin'ny fotoana rehetra. Tsy afaka hahavita an'izany mihitsy izy ireo.

187 Fa mariho. Ilay tena taranaky ny Jiosy izay nahita an'ilay fiverenana mihitsy, niverina tao Palestina, io taranaka io no hahita an'ireo zavatra ireo hitranga. Ary vao tamin'ny roa taona farany fotsiny, no nahalasa azy ho firenena feno iray, miaraka amin'ny volany manokana sy inona koa. Io izy.

188 Ankehitriny dia aiza no misy antsika, ry sakaiza? Ireo Tombokase sy ny zavatra rehetra izay misokatra; ankehitriny dia hitantsika io eto anelanelany eto. Izay ilay izy. Hitanareo ve hoe aiza no ipetrahantsika? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

189 Manantena aho fa azonareo Izany. Tsy manana fianarana aho. Fantatro izay resahako, saingy angamba aho tsy afaka hanazava—hanazava an'Izany, hampisy dikany aminareo. Fa manantena aho fa Andriamanitra no mandray an'ireo Teny izay mifangaro, ka mizarazara azy ireo hahitsy, hitanareo, ary hamela anareo hahafantatra hoe inona Izany. Satria, izany dia, eo am-baravarana isika. Eo amin'ilay fotoana isika eto. Mariho ankehitriny.

190 Hitanareo, avy hatrany ankehitriny, dia mitodika amin'ireo Jiosy Izy, ary ilay—ilay andro farany. Milaza an'izay hiseho Izy. Fantatsika mihitsy aza fa ankehitriny . . . Fantatsika, mahalala tsara isika, fa miparitaka ireo foko. Efa izany izy ireo, nandritry ny dimanjato sy roa arivo taona. Efa naminaniana izy ireo fa hiparitaka any amin'ny rivotra efatra. Efa fantatrareo ve izany? Fantatsika izany.

191 Mazava ho azy, tsy mila miverina isika ka handray, haka an'izany, satria manana zavatra tena zava-dehibe aho eto izay tiako ho hitanareo, alohan'ny hahalasa anareo tena reraka, sy hahatrotraka ahy.

192 Mariho. Fantatsika, na dia ny foko rehetra mihitsy aza, ao amin'ny filaharan'ny foko, na inona na inona tianareo iantsoana azy, na jeolojia, na ireo toeran'ny foko, dia tsy mitambatra intsony. Miparitaka izy ireo, hatraiza hatraiza.

193 Ireo Jiosy, izay miangona ao Jerosalema, dia tsy . . . Tsy mahafantatra ny fokony akory aza izy ireo. Tsy manana an'ireo fanevan'ny foko intsony izy ireo na inona. Ny hany fantatr'izy ireo, arak'izany, dia hoe Jiosy izy ireo. Efa naminaniana fa ho tahaka an'izany izy ireo, manerana an'izao tontolo izao. Ankehitriny, efa nopotehina ireo bokin'izy ireo. Tsy mahafantatra izy ireo.

Hoy ianareo hoe, "Avy amin'ny foko inona ianao?"

"Tsy fantatro."

"Foko inona?"

"Tsy fantatro."

194 Anankiray avy amin'i Benjamina, anankiray avy amin'*ity*, ary anankiray avy amin'*itsy*. Tsy fantatr'izy ireo hoe avy aiza izy ireo. Efa nopotehina ireo bokin'izy ireo, nandritr'ireo ady, ary nandritry ny dimanjato sy roa arivo taona. Ny zavatra tokana fantatr'izy ireo, dia Jiosy izy ireo. Izay ihany. Noho izany, fantatr'izy ireo fa tafaverina ao an-tanindrazany izy ireo. Izy ireo anefa . . . Mariho, na dia tsy fantatr'izy ireo aza ireo fokony, saingy Andriamanitra dia mahafantatra.

195 Tiako mihitsy izany! Fantatrareo, nilaza mihitsy aza Izy fa misy . . . "Ny volo tsirairay eo amin'ny lohanareo dia voaisa." Ham! Mariho, tsy manary na inona na inona Izy. "Izaho hanangana azy indray amin'ny andro farany."

196 Na dia verin'izy ireo aza ireo—ireo—ireo fanevan'ny fokony, sy hoe *iza* no iza, ary raha izy ireo no *ity* na *itsy;* tsy fantatr'izy ireo na avy amin'i Benjamina izy ireo, na avy amin'i Robena izy ireo, na—na Isakara, na avy aiza izy ireo. Fa, na ahoana na ahoana, dia miantso azy ireo Andriamanitra eto.

197 Mariho ankehitriny, ao amin'ny Apokalypsy 7, izao no vakiantsika. "Roa arivo sy iray alina" avy amin'ny foko tsirairay, ilay voafidy, avy amin'io rehetra io. Misy roa arivo sy iray alina avy amin'ny foko tsirairay, izay voafidy, ary voapetraka ao amin'ny lamina mihitsy izy ireo eto. Oh, oadray! Inona izy ireo? Ao amin'ny lamina ara-poko izy ireo. Kanefa, tsy ao izy ireo ankehitriny, saingy ho ao izy ireo. Ao amin'ny lamina ara-poko izy ireo. Inona no ho ao amin'ilay lamina ara-poko? Tsy ilay Jiosy tsotra, tsia. Fa ireo izay voafidy, ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, no hipetraka ao amin'ny lamina ara-poko. Oh, oadray!

198 Toy ny ahoana no hitiavako haneho aminareo! Tsy hiditra ao amin'izany isika. Saingy tsy maintsy ho izany marina tokoa ilay Fiangonana, ah-hah, ao amin'ny toerana mihitsy.

199 Ankehitriny dia tiako ianareo handinika tsara mihitsy ary hamaky miaraka amiko, mandritry ny iray minitra. Ankehitriny dia ity misy zavatra izay tsy voamarikareo mihitsy angamba tao amin'ilay—ilay fiantsoana ny foko. Niteny taminareo aho, vao teo, mba hamaky ny Apokalypsy 7. Mamakia miaraka amiko, dia diniho ireo foko ireo. Ao amin'ny Apokalypsy 7, dia tsy tafiditra i Dana sy Efraima ary tsy nisaina niaraka tamin'izy ireo. Efa voamarikareo ve izany? Josefa sy Levy no nasolo tao amin'ny toeran'izy ireo. Efa voamarikareo ve izany? Tsy ao i Dana sy Efraima. Tsia, tompoko. Fa, Josefa sy Levy no nasolo tao amin'ny toeran'i—i—i Dana sy Efraima.

200 Nahoana? Izy ireo . . . Ilay Andriamanitra izay mahatsiaro mandrakariva dia mahatsiaro ny teny fikasana tsirairay an'Ny Teniny. Oh, tiako ny hitory eo amin'izany. Hitanareo? Tsy manadino na inona na inona Andriamanitra, na dia toa tahaka an'izany aza ilay izy.

201 Tahaka ny Noteneniny tamin'i Mosesy. Isiraely dia tany, "efajato taona." Fa tsy maintsy tany izy ireo tamin'io fotoana io. Niteny tamin'i Abrahama Izy hoe, "Ary ny taranakao dia hivahiny any amin'ny firenen-kafa iray mandritry ny efajato taona, avy eo dia Izy no hamoaka azy ireo amin'ny tànana mahery." Fa avy eo dia hoy Izy tamin'i Mosesy hoe, "Tsaroako ny Fampanantenako, ary midina Aho mba hihazona tsara an'izay Nolazaiko."

202 Tsy manadino Andriamanitra. Tsy manadino an'ireo Ozony Izy, ary tsy manadino an'ireo Fitahiany koa Izy. Fa, ny teny fikasana tsirairay izay Nataony, dia mijanona miaraka amin'izany Izy.

203 Ity ny antony nahadiso azy ireo, ankehitriny, raha mandinika ianareo. Mamakia ankehitriny. Tiako ianareo hamaky miaraka amiko ankehitriny. Mandehana ao amin'ny Deoteronomia, ny roapolo-. . . ao amin'ny andininy faha-29 eo, na ny toko faha-29, raha ny marina. Misy antony iray tsy naha-tao an'ireo foko ireo. Ny zavatra rehetra dia manana antony iray ho azy. Deoteronomia, tiantsika ny handray ny—ny toko faha-29-n'ny Deoteronomia. Ankehitriny, tena hanampy antsika anie ny Tompo, mba ahafahantsika mahazo ankehitriny. Ankehitriny isika dia te-hanomboka ao amin'ny Deoteronomia, ny toko faha-29, eo amin'ny andininy faha-16. Henoy ankehitriny. Mosesy no miteny.

> *(Fa* ianareo *dia mahafantatra hoe toy ny ahoana no nitoerantsika tany amin'ny tanin'i Egypta; ary ahoana no nandehanantsika namaky an'ireo firenena izay nandalovan*tsika*;*
>
> *Ary efa hitanareo* ireo *fahavetavetana, sy ireo sampiny, hazo. . . vato, volafotsy. . . volamena, izay teo anivon'izy ireo:)*

204 Ny olona tsirairay dia nitondra zavatra kely iray na hafa, sarivongana kely iray an'i Masimbavy Cécile. Fantatrareo, zavatra tahaka an'izany, hitanareo. "Fandrao noho izany. . . " Henoy.

> *Fandrao hisy lehilahy* iray *eo anivonareo, . . . vehivavy, na fianakaviana* iray, *na foko* iray, *izay manana fo mivily anio miala amin'ny* Tompo *Andriamanitsika, handeha sy hanompo an'ireo andriamanitr'ireny firenena ireny; fandrao hisy faka eo anivonareo izay miteraka afero sy zava-mangidy;*
>
> *Ary izao no miseho, raha reny ireo tenin'ity fanozonana ity, ka izy—ka hiarahaba tena izy ao am-pony,* ary hanao hoe, *Izaho. . . manam-piadanana aho, na dia manaraka ny eritreritry* ny *foko* manokana *aza, . . .*

205 Hitanareo, hoy ny olona hoe, "Oh, miarahaba tena izy." Fantatrareo, manao hazo fijaliana kely na zavatra iray, tahaka ny ataon'izy ireo ankehitriny, hitanareo; zavatra mitovy, hitanareo. Ary hitanareo fa toetran'ny mpanompo sampy iray izany, hitanareo, tahaka ny mpanompo sampy izany.

> *. . . izy dia* miarahaba *tena ao am-pony* manokana, . . .
> ny *eritreriny* manokana ao an-tsainy manokana, *mba hanampy fahamamoana amin'ny hetaheta:*

206 "Misotro fotsiny, tsy manao fahasamihafana izany; raha mbola mandeha any am-piangonana foana ianareo, dia mety tsara ianareo."

> Noho izany *ny Tompo dia tsy hamela azy, fa arak'izany ny fahatezeran'ny Tompo . . . ny fahasaro-piarony dia hanetroka hanohitra an'izany lehilahy izany, ary* ny *ozona rehetra izay voasoratra ao amin'ity boky ity* ("Aza manaisotra Teny anankiray avy amin'Izany, na manampy anankiray amin'Izany," hitanareo.) *dia hitoetra eo aminy, ary ny Tompo dia hamono* ny . . . *hamono ny anarany tsy ho eo ambanin'*ny *lanitra.*

207 Izany hoe raha mbola eto an-tany eto izy, hitanareo, "eo ambanin'ny lanitra."

> *Ary hosarahin'ny Tompo amin'ny fokon'ny Isiraely rehetra ho amin'ny loza* izy, *araka ny* ozona *rehetra an'ny fanekena* izay *voasoratra ao amin'ity bokin'ny lalàna ity:*

208 Noho izany, "Raha hanompo sampy iray ny olona, na hihazona sampy iray eny aminy, na miarahaba tena ao amin'ny eritreriny manokan'ny fisainany, ka manompo sampy," dia hoy Andriamanitra hoe, "lehilahy, vehivavy, fianakaviana, na foko iray, ny anarany dia ho vonoina tanteraka, tsy ho eo anivon'ny olona." Ankehitriny, marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Marina toy ny ahoana!

209 Ny fanompoan-tsampy no nanao an'ilay zavatra iray ihany tao amin'ny fiangonana, taona maro lasa izay, ary mbola manao amin'izao andro izao. Ary voamariko . . . Diniho hoe toy ny ahoana no niezahan'ilay antikristy nanao hetsika anti iray. Firy no mahafantatra fa ny devoly dia manao tandindona sy manao modely eo—eo amin'ireo olo-masin'Andriamanitra?

210 Inona ny—inona ny fahotana? Izany dia ilay zavatra marina navadika. Inona ny lainga? Izany dia ny fahamarinana diso faneho. Inona ny fijangajangana? Izany dia ilay hetsika marina, hetsika ara-dalàna, diso fanao. Hitanareo?

211 Ankehitriny, eo am-piezahana manao an'io, "mamono anarana iray," efa voamarikareo ve tao amin'ny taom-piangonana, fa ilay biby iray ihany izay manompo an'ireo sarivongan'ny olona maty, sy ny sisa, no niezaka namono ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo, ka manome an'ireo titra hoe Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina. Zavatra mitovy, miaraka amin'io ozona io ao ambadik'izany, tahaka an'izany.

212 Nanao an'izany mihitsy i Dana sy Efraima, teo ambanin'ny mpanjaka mpihatsaravelatsihy iray tao Isiraely, mpisandoka iray, Jeroboama. Ankehitriny, mariho, ao amin'ny Mpanjaka Voalohany ny toko faha-12. Fantatro fa isika dia . . . Ity, ho ahy, izany—izany—izany dia mametraka foto-kevitra iray izay azontsika iankinana, izay hitantsika. Mpanjaka Voalohany, tiako ny handeha ao amin'ny toko faha-12, andininy faha-25 hatramin'ny faha-30.

*Ary Jeroboama . . . Sekema any amin'*ny *tendrombohitr'*i *Efraima, ka nonina* tany; *ary avy* tao . . . *dia nanorina an'i Penoela.*

Ary ankehitriny *Jeroboama dia nilaza* tamin'i . . . *tao—tao am-pony hoe,* (hitanareo, ilay eritreritry ny fony), *Ankehitriny ny fanjakana dia* hiverina *amin'ny ankohonan'i Davida:*

213 Nanomboka natahotra izy, hitanareo, satria mety handeha ny olona.

Raha miakatra ity vahoaka ity mba . . . fanatitra ao an-tranon'ny TOMPO *any Jerosalema, amin'izay fotoana izay ny fon'ity vahoaka ity* dia hiverina *indray amin'*ilay *tompo, dia* amin'i *Rehoboama mpanjakan'i Joda mihitsy aza, ka hamono ahy izy ireo, ary handeha . . .* hankany *amin'i Rehoboama—Rehoboama mpanjakan'i Joda.*

Dia nihevitra ny mpanjaka, ka nanao zanak'omby volamena roa, ary nanao tamin'izy ireo hoe, Aoka izay ny fiakaranareo any Jerosalema: indro ireo *andriamanitrao, O ry Isiraely, izay nitondra anao . . . nivoaka avy tany amin'ny tanin'i Egypta.*

Ary napetrany tao Betela ny anankiray, ary ilay hafa dia napetrany tao Dana.

Ary izany zavatra izany dia lasa *fahotana iray: fa nandeha nivavaka teo anatrehan'ny anankiray ny olona,* hatrany *Dana mihitsy aza.*

214 Hitanareo, Efraima tany Betela, sy Dana, ary nametraka sampy izy ireo. Ary nandeha izy ireo nivavaka tamin'io.

215 Ary indro isika, ao amin'ilay taonan'ny Arivo taona mihitsy, saiky, nefa mbola mahatsiaro an'io fahotana io foana Andriamanitra. Tsy nisaina tao akory aza izy ireo. Hey! Voninahitra! [Mitehaka ny tànany indray mandeha Rahalahy Branham—Mpand.] Azo antoka mihitsy tahaka ny Ahatsiarovany ny teny fikasana tsara tsirairay, no Ahatsiarovany ny ratsy tsirairay avy, ihany koa. Tsarovy fotsiny, rehefa . . .

216 Izany no antony inoako, ry sakaiza, fa efa niezaka foana ny hijanona amin'ity Teny ity aho, tsy mampaninona na hafahafa toy ny ahoana aza Izy.

217 Hitanareo, ankehitriny, tsy nieritreritra an'izany izy ireo tany tamin'izany. Tsy nieritreritra an'izany izy ireo tamin'izany. Nieritreritra izy ireo hoe, "Eny, nilamindamina tamin'izany izy ireo." Eny àry.

218 Fa indro izy ireo eto ao amin'ity taonan'ny Arivo taona eo am-panombohana ity, nefa ny anarany sy ny fokon'izy ireo dia

"novonoina" niala tamin'izany, satria nanompo sampy izy ireo, izay nozonin'Andriamanitra.

219 Tsy nilaza ve Izy fa Izy "dia nankahala" ny Nikolaita sy io Jezebela io? Mijanòna lavitra an'izany. Tsy nilaza ve Izy fa Izy dia hamono an'ireo zanakavavin'i Jezebela amin'ny famonoan'ny "fahafatesana," izay fisarahana Mandrakizay amin'Ny Fanatrehany? Aza mitoky amin'izany, mihitsy. Mialà lavitra an'izany. Noho izany, dia mahatsiaro Andriamanitra. Mariho.

220 Fa efa voamarikareo ve eo, fa izany dia tsy maintsy "ho vonoina"? Nahoana? Teo ambanin'ny Lanitra dia tsy nisy Fanatitra mivantana izay afaka nanome azy ny Fanahy Masina, mba hamela azy hahita an'ireo zavatra ireo. Fa nataony izany, na ahoana na ahoana, tao amin'ny fisainany tia tena manokana.

221 Fa, Ezekiela, ao amin'ny fahitany, ao amin'ny Arivo taona, dia mahita azy ireo tao amin'ny lamina tanteraka indray. Ezekiela, raha tianareo ny hamaky an'izany. Raiso naoty fotsiny izany, dia afaka mamaky azy ianareo, mba hitsitsiana fotoana. Ezekiela 48:1 hatramin'ny 7, vakio ihany koa ny 23 hatramin'ny 29. Ezekiela dia nahita ny foko tsirairay tao amin'ny lamina marina tokoa. Eny àry.

222 Ary, izao koa, ao amin'ny Apokalypsy 14, Jaona dia nahita azy ireo indray tao amin'ny lamina ara-poko, marina izany, ny foko tsirairay teo amin'ny toerany. Inona no nitranga?

223 Tsaroanareo, hoy Izy hoe, "Eo ambanin'ny lanitra, dia ho vonoina hiala amin'ny resaka ara-poko ny anarany." Raha mbola teto ambanin'ny lanitra foana izy, dia tsy ho eo intsony. Ary ity efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy ity dia eto ao amin'ilay ampahany ara-poko, foana. Marina. Fa, hitanareo, efa nohajambaina izy ireo. Nanana an'ireo fanatitra ombilahy sy osilahy fotsiny ihany izy ireo. Hitanareo? Mariho ankehitriny, Izy no namono azy ireo, "teo ambanin'ny lanitra."

224 Fa ilay Jentilisa, amin'ny andron'ny Fanahy Masina, izay hanohitra an'Izany; ny anaranareo dia nesorina tanteraka mihitsy tamin'ilay Bokin'ny Fiainana, "ary tsy hahazo famelàna intsony, amin'ity fiainana ity na ny fiainana ho avy." Marina ve izany? Noho izany dia eo isika no mijoro.

225 Isiraely, teo ambanin'ireo osilahy, ondry, izy ireo—izy ireo dia nanana toerana iray. Raha mbola teto an-tany teto foana izy ireo, dia tsy tao ny fokon'izy ireo. Tsy azo nampidirina mihitsy izy ireo. Ankehitriny, ny rehetra . . . Rehefa niantso azy ireo Izy, tany, ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, dia tsy tao izy ireo. Marina izany. Tsy voaisa tao akory aza izy ireo. Fa i Josefa sy Levy no napetraka tao amin'ny toeran'i Dana sy Efraima. Ankehitriny dia afaka mijery an'izany ianareo. Eo mihitsy izany, eo anatrehanareo, hitanareo. Ary io ny teny fikasan'Andriamanitra, tany aoriana tany, an-jatony sy an-

jatony taona talohan'izany. [Mandondòna imbetsaka ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.]

226 Ankehitriny, inona no nitranga? Nodiovina izy ireo nandritry ny fotoan'ilay vanim-potoan'ny Fahoriambe mahatsiravina.

227 Ankehitriny, raha hanadio an'io—io virijiny io Andriamanitra, izay vehivavy tsara iray, saingy diso tamin'ny fananana diloilo tao amin'ny fanilony fotsiny izy, ka hanadio azy amin'ny alàlan'ny fanenjehana ao Izy. Apetrany ao anatiny ao mihitsy ireo foko ireo, ho an'ilay zavatra iray ihany, ary dioviny mandritry ny vanim-potoan'ny Fahoriambe izy ireo. Satria, izany dia—dia fanadiovana iray. Fitsarana izany. Fa, hitanareo, izy ireo, taorian'ny . . . Ary, jereo eto, indro tonga ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, aorian'ny fanadiovana an'i Isiraely. Ary indro tonga ihany koa ilay virijiny natory, tonga, voadio, ary manao akanjo fotsy. Hitanareo? Tanteraka toy ny ahoana! Tsara tarehy toy ny ahoana izany!

228 Tahaka an'i Jakoba mihitsy, tao amin'ilay andrompahoriana, hitanareo. Izy ireo . . . Jakoba, tao amin'ilay andrompahoriana. Nanao ratsy izy. Saingy nandalo tao amin'ilay fotoan'ny fanadiovana izy satria nanao ratsy tamin'ny rahalahiny, Esao. Hitanareo? Namitaka izy, mba hahazoana ny fizokiany. Saingy nandalo tao amin'ny fanadiovana iray izy talohan'ny nahafahany nahazo ny anarany novaina avy tamin'i Jakoba ho Isiraely, izay tandindona iray an'ny lamin'Andriamanitra, manao tandindona an'izao andro izao.

229 Ankehitriny, dia hamadika isika ankehitriny ao amin'ny andininy faha-8-n'ny, na, ny andininy faha-1, no tiako lazaina, an'ny toko faha-8; an'ny Apokalypsy 8:1.

230 Fantatro fa reraka ianareo. Fa, ankehitriny, miezaha fotsiny mihaino mandritry ny minitra vitsy ankehitriny. Ary, Andriamanitry ny Lanitra anie hanampy antsika, izany no fivavako.

231 Tsy maintsy mahatsiaro isika fa ity Tombokase Fahafito ity no faran'ny fotoana, an'ny zavatra rehetra. Marina izany. Ireo zavatra rehetra voasoratra ao amin'ilay Bokin'ny Tombokase Fito, voaisy tombokase, an'ny drafi-panavotana hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao, ny kely tsirairay dia mifarana. Izany no farany; izany no faran'izao tontolo izao izay nitolona. Izany no faran'ny natiora izay nitolona. Izany no faran'ny zavatra rehetra. Ao anatiny ao, izany no faran'ireo Trompetra. Izany no faran'ireo Lovia. Izany no faran'ny tany. Izany no . . . Izany mihitsy aza no faran'ny fotoana.

232 Tapitra ny fotoana. Ny Baiboly no niteny an'izany. Matio, ny toko faha-7 . . . Ny tiako lazaina, Apokalypsy, ny faha-7 tok- . . . toko faha-10 ary ny . . . ary ny andininy 1 hatramin'ny faha-7. Tapitra ny fotoana. Hoy ilay Anjely hoe, "Tsy hisy

andro intsony," rehefa io, amin'ny andro hitrangan'ity zavatra lehibe ity.

233 Tapitra ny zavatra rehetra, amin'ity fotoana ity, ny faran'ny—an'ny . . . amin'ny faran'ity Tombokase Fahafito ity. Mariho. Izany no faran'ny taom-piangonana. Izany no—no faran'ny Tombokase Fahafito. Izany no faran'ireo Trompetra. Izany no faran'ireo Lovia, ary ny faran'ny fampidirana ny Arivo taona mihitsy aza. Izany no ao amin'ny Tombokase Fahafito.

234 Izany dia tahaka ny mandefa balafomanga iray fotsiny eny amin'ny habakabaka. Ary io balafomanga io dia mipoaka *eto*, ka miakatra ary avy eo dia mipoaka indray. Mamoaka kintana dimy izy. Mipoaka ny iray amin'ireo kintana ireo ka mamoaka kintana dimy avy amin'izany; ary avy eo dia mipoaka ny iray amin'ireo kintana ireo ka mamoaka kintana dimy avy amin'izany. Hitanareo, miha-maty ilay izy.

235 Izany dia, izany, ny Tombokase Fahafito. Mamarana ny fotoana ho an'izao tontolo izao fotsiny izany. Izany no mamarana ny fotoana ho an'*ity*. Izany no mamarana ny fotoana ho an'*itsy*. Izany no mamarana ny fotoana ho an'*ity*. Izany no mamarana ny fotoana. Ny zavatra rehetra dia mifarana mihitsy eo amin'io Tombokase Fahafito io.

236 Ankehitriny, ahoana no Hanaovany an'izany? Izany ilay tsy fantatsika. Sa tsy izany? Tsy mahafantatra isika.

237 Izany mihitsy aza no fotoana ho an'ireto zavatra rehetra ireto, sy ny fampidirana ny Arivo taona.

238 Mariho, tena lehibe ny famahana an'ity Tombokase ity, ka, ny Lanitra dia nampanginin'Izany, "tao anatin'ny fahanginana, nandritry ny fotoana antsasaky ny ora." Ankehitriny, lehibe Izany! Inona Izany? Izany dia nampanginina, ireo Lanitra. Tsy nisy zavatra iray nihetsika, nandritry ny antsasaky ny ora.

239 Ankehitriny, mety tsy ela ny antsasaky ny ora raha manana fotoana tsara iray ianareo. Saingy, ao anatin'ny fitaintaim-piandrasana eo anelanelan'ny fahafatesana sy ny Fiainana, dia toy ny hoe Arivo taona iray izany. Tena lehibe Izany!

Tsy nilaza an'Izany mihitsy Jesosy. Tsy nisy iray tamin'ny sisa tamin'izy ireo.

240 Tsy afaka nanoratra an'Izany akory aza i Jaona. Tsia, noraràna tsy hanoratra izy *eto*. [Mikapokapoka ny Baiboliny indroa Rahalahy Branham—Mpand.] Hitanareo, nisy fotsiny ny . . . fotsiny . . . Tsy nanoratra an'Izany izy, fa ity dia fahanginana.

241 Ary ireo loholona efatra amby roapolo dia nitsangana teo anatrehan'Andriamanitra, Teo, teo am-pitendrena an'ireo harpany; nijanona tsy nitendry an'ireo harpany izy ireo.

Nampangina ny fihirany ireo Anjely, tany An-danitra.

242 Eritrereto! Ireo Kerobima sy Serafima masina, ka nahita an'Izany i Isaia tao an-tempoly, niaraka tamin'ny enina tsiroaroa . . . na elatra telo tsiroaroa. Telo . . . Ny roa teo amin'ny tavany, ary ny roa teo amin'ny tongony, ary nanidina. Ary izy dia andro aman'alina, eo, anatrehan'Andriamanitra, mihira hoe, "Masina, masina, masina, ny Tompo Andriamanitra Tsitoha!" Ary vao niditra mihitsy aza izy ireo, na tonga tao an-tempoly, dia nihozongozona ireo andrin'ny tempoly, nohon'ny—ny fanatrehan'izy ireo.

243 Ary nangina ireto Serafima masina ireto. Nijanona tsy nihira ireo Anjely. Ah-hah. Fioo! Nanidina tao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, nihira hoe, "Masina, masina, masina," nangina Izy ireo. Tsy nisy Anjely nihira. Tsy nisy fiderana. Tsy—tsy nisy asa teo amin'ny alitara. Tsy nisy, na inona na inona. Nisy fahanginana teo; nangina, fahanginam-pahafatesana tany An-danitra, nandritry ny antsasaky ny ora.

244 Ireo tafiky ny Lanitra rehetra dia nangina nandritr'io antsasaky ny ora io, rehefa novahana ity zava-miafin'ny Tombokase Fahafito tao amin'ny Bokin'ny Fanavotana ity. Eritrereto izany. Saingy, novahana Izany. Ny Zanak'ondry no mamaha Azy. Mba fantatrareo moa? Nanaja an'Izany tamim-pahatahorana izy ireo, mino aho. Tsy nahafantatra izy ireo; teo Izany! Nijanona fotsiny izy ireo.

245 Nahoana? Inona Izany? Ankehitriny, tsy misy mahafantatra ny iray amintsika. Saingy, izaho dia—hiteny aminareo aho, ao amin'ny—ny fanambarako ny amin'Izany.

246 Ary, ankehitriny, tsy mirona ho fanatika iray aho. Raha izany aho, dia tsy mahay ny amin'izany, hitanareo. Izaho dia . . . Tsy voatarika amin'ny karazana rediredim-pahadalana sy zavatra saintsainina tahaka an'izany aho.

247 Nilaza zavatra sasantsasany aho, izay mety hafahafa kely amin'ny olona sasany. Saingy rehefa tonga Andriamanitra, ao ambadik'Izany, ka manamarina an'Izany ary milaza fa Izany no Fahamarinana, amin'izay fotoana izay dia izany no Tenin'Andriamanitra. Hitanareo? Mety hafahafa ilay izy, tahaka an'izany. Hitanareo?

248 Ary ankehitriny, azo antoka tahaka ny itsanganako eto amin'ny lampihazo izao hariva izao, no nahazoako ny fanambarana izay voambara. Tao amin'ny fanao telo sosona izany. Ka ho teneniko aminareo, nohon'ny fanampian'Andriamanitra, ny sosona iray an'Izany. Ary amin'izay fotoana izay ianareo . . . Ndao isika handeha eo amin'izany, aloha. Ity ilay fanambarana, hanombohana an'izay tiako tenenina aminareo, hoe inona Izany. Ny mitranga, dia hoe . . . Ireo Kotrokorana Fito izay reny nikotroka ireo, ka noraràna tsy hosoratana; izany ilay zava-miafina, izay mipetraka ao ambadik'ireo Kotrokorana Fito nierona

nifanesy ireo. [Mandondòna imbetsaka ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.]

249 Ankehitriny, nahoana? Ndao porofointsika izany. Nahoana? Izany ilay tsiambaratelo izay tsy misy olona iray mahafantatra. Noraràna tsy hanoratra ny amin'Izany i Jaona, na dia—na dia ny hanoratra mari-pamantarana iray ny amin'Izany mihitsy aza. Nahoana? Izany no antony tsy nisian'ny hetsika tany—fihetsiketsehana tany An-danitra: mety hamoaka an'ilay tsiambaratelo izany. Hitanareo ve ilay izy ankehitriny? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

250 Raha tena lehibe Izany, dia tsy maintsy tafiditra Izany, satria tsy maintsy hitranga Izany. Fa rehefa ireo Kotrokorana Fito . . .

251 Mariho ankehitriny. Rehefa nandroso ireo Anjely fito hitsoka ny Trompetrany, dia nisy kotrokorana iray. [Mandondòna indray mandeha ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Rehefa niangona ny Isiraely, dia nisy trompetra iray. "Rehefa tsy hisy andro intsony," ilay trompetra farany, kotrokorana iray.

252 Fa eto dia Kotrokorana Fito nisesy, tao anatin'ny laharana iray: iray, roa, telo, efatra, dimy, enina, fito, ilay isa tanteraka. Kotrokorana Fito tao anatin'ny laharana iray, namoaka feo, tsy . . . nanao fotsiny—fotsiny iray, roa, telo, efatra, dimy, enina, fito, nisesy. [Nandondòna impito ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Noho izany, dia tsy afaka nanoratra an'Izany ireo Lanitra. Tsy afaka mahafantatra ny amin'Izany ireo Lanitra, na inona na inona hafa, satria tsy misy na inona na inona miseho. Fotoana fitsaharana iray Izany. Tena lehibe Izany, hany ka, nohazonina ho tsiambaratelo tamin'ireo Anjely Izany.

253 Ankehitriny, nahoana? Raha afaka nahazo an'Izany i Satana, dia mety hahavita fahasimbana lehibe izy. Misy zavatra anankiray izay tsy fantany. Ankehitriny, afaka mandika ny zavatra rehetra izay tiany adika izy, ary maka tahaka ny karazana fanomezam-pahasoavana rehetra, (manantena aho fa eo am-pianarana ianareo), saingy tsy afaka mahafantatra an'Ity izy. Tsy voasoratra ao amin'ny Teny akory aza Izany. Tsiambaratelo iray manontolo izany.

254 Ireo Anjely, ny zavatra rehetra, dia nangina. Raha nanao hetsika iray izy ireo, dia mety hamoaka zavatra iray izany, noho izany dia nangina fotsiny izy ireo, nijanona tsy nitendry harpa. Ny zavatra rehetra dia nijanona.

255 Fito, isan'Andriamanitra tanteraka. Fito, [Mandondòna impito ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] ao amin'ny laharana mihitsy. Niara-namoaka feo nisesy ireo Kotrokorana Fito, toy ny hoe nanonona zavatra iray izy ireo. Mariho, tamin'io fotoana io, dia nanomboka hanoratra an'Izany i Jaona. Hoy Izy hoe, "Aza soratana Izany."

256 Jesosy tsy niresaka ny amin'Izany mihitsy. Jaona tsy afaka nanoratra an'Izany. Ireo Anjely tsy mahafantatra na inona na

inona ny amin'Izany. Inona Izany? Izany ilay zavatra izay, nolazain'i Jesosy hoe, "Na dia ireo Anjelin'ny Lanitra aza tsy nahafantatra" na inona na inona mikasika an'Izany. Hitanareo? Hitanareo? Tsy nahafantatra an'Izany Izy, ny Tenany. Hoy Izy, "Andriamanitra irery ihany" no hahafantatra an'Izany.

257 Saingy niteny tamintsika Izy hoe, rehefa isika "no manomboka mahita an'ireo famantarana ireo miseho." Ankehitriny misintona zavatra ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Eny àry. Mariho, isika "no manomboka mahita an'ireo famantarana ireo miseho." Hitanareo?

Raha afaka nahazo an'Izany i Satana . . .

258 Raha mila zavatra iray hitranga ianareo . . . Ankehitriny tokony handray ny teniko ianareo ho an'ity. Raha mikasa hanao zavatra iray aho, dia tsaratsara kokoa amiko ny tsy miteny an'izany amin'ny olona. Tsy hoe ilay olona no hiteny an'ilay izy, fa ho henon'i Satana ilay izy. Hitanareo? Tsy afaka mahalala an'izany izy, ao am-poko ao izany, raha mbola manidy an'izany amin'ny Fanahy Masina foana Andriamanitra, noho izany dia eo amiko sy Andriamanitra izany. Hitanareo? Tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'izany izy mandra-piteninareo an'ilay izy, amin'izay fotoana izay vao henony ilay izy. Ary efa nanandrana aho . . . Miteny amin'ny olona aho fa izaho dia hanao zavatra *izao-sy-izao*, ary diniho ilay devoly manimba ny fandehan-javatra rehetra izay vitany, mba ho tonga eo, hitanareo, hihoatra ahy eo amin'izany. Fa raha mahazo ny fanambarana avy amin'Andriamanitra aho, ka tsy milaza na inona na inona mihitsy mikasika an'izany, dia hafa ilay izy amin'izay fotoana izay.

259 Tsarovy, hiezaka haka tahaka i Satana. Hiezaka haka tahaka ny zavatra rehetra izay hataon'ilay Fiangonana izy. Efa niezaka nanao an'izany izy. Mahamarika an'izany isika, tao amin'ilay antikristy.

260 Fa ity dia zavatra anankiray izay tsy azony alaina tahaka. Tsy hisy fitapitaka ny amin'ity, hitanareo, satria tsy fantany Izany. Tsy misy fomba hahafantarany an'Izany. Izany no Sintona Fahatelo. Tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'Izany mihitsy izy. Hitanareo? Tsy azony Izany.

261 Fa misy tsiambaratelo iray mipetraka ao ambanin'Izany! [Mandondòna indray mandeha ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Voninahitra ho an'Andriamanitra any amin'ny Avo indrindra! Tsy afaka mieritreritra tahaka ny taloha intsony aho, amin'ny sisa amin'ny fiainako, rehefa nahita. Ankehitriny, tsy fantatro izay . . . Fantatro ilay dingana manaraka eo, saingy tsy fantatro hoe inona, ahoana no handikana an'izany. Tsy ho ela izany. Nanoratra aho eto, rehefa nitranga izany, raha afaka mahita ianareo eto hoe, "Mijanona.

Aza mandeha lavitra mihoatra an'ity eto ity." Tsy mirona ho fanatika iray aho. Miteny ny Fahamarinana fotsiny aho.

262 Fa tsaroanareo ve ilay kiraro kely, hoe niezaka foana aho ny hanazava hoe ahoana ilay fanahy izay nipetraka teo akaikin'*izao-sy-izao*, ary ilay fieritreretana anaty, sy io karazan-javatra rehetra io? Fa, izany dia nanao andiana fakan-tahaka goavana fotsiny ihany hanomboka taorian'izany. Toy ny ahoana no tsy maintsy nandraisan'izy ireo ny tànana, sy nihazona ny olona, ary nanana fangovitana? Ny olona rehetra dia nanana fangovitana iray tao amin'ny tànany.

263 Fa tsarovy, rehefa nitondra ahy tany ambony tany Izy, dia nanao hoe, "Izao ilay Sintona Fahatelo, ary tsy hisy anankiray hahafantatra an'Izany." Tsaroanareo ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsy diso mihitsy ireo fahitana. Ny Fahamarinana tanteraka izy ireo.

264 Mariho ankehitriny. Tsaroanareo ve ilay fahitana ny amin'ilay andian-kintana? Charlie, izaho . . . Eto ianareo izao.

265 Misy zavatra miseho, efa noteneniko taminareo, tamin'ity herinandro ity, fa ianareo . . . Izany dia manodidina anareo rehetra, saingy manontany aho raha nahamarika an'izany ianareo.

266 Tsaroanareo ve ilay andian-kintana, ilay fahitana ny amin'ireo Anjely, rehefa niala teto aho handeha ho any Arizona? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsaroanareo ve *Amin'Ny Firy Izao, Tompokolahy?* ["Amena."] Tsaroanareo ve izany? Mariho, nisy fipoahan'ny kotrokorana lehibe anankiray fotsiny, dia Anjely fito no niseho. Marina ve izany? ["Amena."] Fipoahan'ny kotrokorana anankiray, dia Anjely fito no niseho.

> *Ary hitako* ny Zanak'ondry rehefa *nanokatra* ny tombokase voalohany izy, *ary reko, fa izany* dia *toy ny* feon'*ny kotrokorana* iray, ary *ny anankiray tamin'ireo zava-manan'aina efatra* nanao hoe, *Avia ka jereo.*

267 Mariho, kotrokorana anankiray, Hafatra Fito izay voaisy tombokase ary tsy afaka ho voambara raha tsy amin'ny andro farany, an'ity taona ity. Hitanareo ve izay tiako lazaina? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

268 Ankehitriny, efa voamarikareo ve ilay ampahany mahagaga an'ity herinandro ity? Izany ilay Izy. Efa izany ilay Izy. Izany dia tsy olombelona iray, le—lehilahy iray. Ireo Anjelin'ny Tompo izany. Mariho.

269 Misy vavolombelona, telo, mipetraka ato, fa herinandro lasa izay, na herinandro lasa mahery kely, dia tany aho, tany amin'ireo tendrombohitra lavitra tany, saiky tany Mexico, niaraka tamin'ny rahalahy roa izay mipetraka eto. Nanongotra tsipolitra, na tsipoli-pasika, tamin'ny ranjon'ny patalohako; ary nandeha ny fipoahana iray, izay saiky, toy ny hoe, nandrodana

an'ireo tendrombohitra. Ankehitriny, marina izany. Tsy niteny tamin'ireo rahalahiko mihitsy aho, saingy nahamarika fahasamihafana iray izy ireo.

270 Ary hoy Izy tamiko hoe, "Mivonòna ankehitriny. Mandehana mankany atsinanana. Izao no fandikana an'io fahitana io." Hitanareo? Ankehitriny, mba hamelàna anareo hahafantatra, tsy nahazo ny hazany izay nenjehiny i Rahalahy Sothmann. Niezaka izahay ny hahazo an'izany ho azy. Dia hoy Izy hoe, "Ankehitriny, izao hariva izao, ho famantarana iray ho anao, dia tsy hahazo an'izany izy. Tsy maintsy manokana ny tenanao ianao amin'izao fotoana izao ho an'ny famangian'ireo Anjely ireo." Ary nahatsapa ho tany ivelan'ny tenako aho, tsaroanareo.

271 Ary tany andrefana aho. Ary ireo Anjely dia nandeha nankany atsinanana. Ary raha nandalo izy ireo, dia nakarina niaraka tamin'izy ireo aho, (tsaroanareo ve izany?) nankany atsinanana. [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

272 Ary Rahalahy Fred, ato izao hariva izao, dia vavolombelona iray, sy Rahalahy Norman. Raha nandeha izahay, dia saika handresy lahatra an'io lehilahy io aho mba hijanona ary hahazo ny hazany. Marina ve izany, Rahalahy Sothmann? [Hoy Rahalahy Fred Sothmann hoe, "Amena."—Mpand.] Hia, io, mitsangana eo io mihitsy. Nandresy lahatra aho; saingy, kanefa, hoy Izy hoe, "Tsy hahazo an'izany izy." Tsy nilaza na inona na inona mihitsy aho; nanohy.

273 Zavatra iray, nipetraka teo anilan'ilay tranolay, tamin'ny andro izay . . . Tsaroanao, Rahalahy Sothmann. Ary izaho, vantany vao voateny ireo zavatra sasany, ary nametraka anao sy Rahalahy Norman aho . . . Aiza i Rahalahy Norman? Iry aoriana iry. Nametraka azy ireo teo ambanin'ny fianianana, hoe tsy hilaza an'izay niseho izy ireo. Marina ve izany? [Hoy ireo rahalahy hoe, "Amena. Izany no fahamarinana."—Mpand.] Niverina ve aho ka nanalavitra an'io tranolay io, tahaka an'*izao*? Marina ve izany? ["Marina izany."]

274 Satria, ity izany, izany marina tokoa ilay izy, ary nahafantatra fa tsy afaka nilaza an'izany aho mandrapitrangany, hahita raha hahazo an'izany ny olona.

275 Ary efa voamarikareo ve? "Io Anjely anankiray io," hoy aho, "tao, dia nisy Anjely iray hafahafa." Toa mihoatra noho ny sisa rehetra tamin'Izy ireo Izy ho ahy. Tsaroanareo ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Izy ireo dia tao anatin'ny andian-kintana iray; telo teo amin'ny ilany iray, ary anankiray teo amin'ny tampony. Ary ilay anankiray teto akaikiko teto, raha manisa avy any ankavia mankany ankavanana, dia ho ilay Anjely fahafito. Namiratra kokoa Izy, nidika be lavitra noho ny sisa tamin'Izy ireo ho ahy. Tsaroanareo ve? Hoy aho hoe, "Izy dia nanao ny Tratrany nibontsina, tahaka an'*izao*, ary nanidina nankany atsinanana" (tsaroanareo) "tahaka an'izao."

Hoy aho hoe, "Izany no nitondra ahy niakatra; nampakatra ahy." Tsaroanareo ve izany? ["Amena."]

276 Ity Izany, ilay anankiray miaraka amin'ny Tombokase Fahafito, ilay zavatra izay nanontaniako nandritry ny fiainako rehetra. Amena! Ireo Tombokase hafa ireo dia midika betsaka amiko, mazava ho azy, saingy, oh, tsy fantatrareo hoe inona no dikan'Ity, indray mandeha eo amin'ny fiainana! [Nandondòna imbetsaka ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.]

277 Nivavaka aho, niantsoantso an'Andriamanitra. Izaho—izaho—izaho . . . Taorian'ilay fivoriana tany Phoenix . . . Ny olona rehetra, izay niaraka tamiko tany, dia mahafantatra. Nijanona tany an-tendrombohitra aho.

278 Indray maraina, nifoha aho ary nandeha nankany Sabino Canyon, ireo tendrombohitra lehibe, mikitaontaona, avo. Nandeha tany aho. Ary nisy làlan-kely iray, rehefa tonga eo amin'ny farany ianareo, manohy miakatra mankany amin'ny Lemmon Mountain, izay dia an-tongotra telopolo maily, saiky manakaiky ny telopolo dian-tongotra ny oram-panala any ambony any. Noho izany, tany ambonin'ny tendrombohitra tany, saiky talohan'ny andro mihitsy, nihanika an'io làlan-kely io, nikodiadia ireo vato. Nahatsapa ho voatarika tamin'*ity* ilany ity aho. Dia nihodina aho, ary teo amin'ny vato lehibe iray, marokoroko, oh, oadray, an-jatony dian-tongotra ny haavony.

279 Dia nandohalika teo anelanelan'ireo vato ireo aho. Napetrako *ity* Baiboly ity, ary napetrako ity boky ity . . . *ity* taratasy fanoratana ity. [Mampiseho ny Baiboliny sy ny taratasy fanoratany Rahalahy Branham—Mpand.] Hoy aho hoe, "Tompo Andriamanitra, inona no dikan'ity fahitana ity? Izaho—izaho dia—izaho dia . . ." Hoy aho hoe, "Tompo, izany . . . Midika ve izany fa ho faty aho?"

280 Tsaroanareo, niteny taminareo aho hoe, "Nihevitra aho fa mety midika ho fahafatesako izany, satria nisy zavatra nipoaka hany ka nanozongozona ahy ho torotoro mihitsy ilay izy." Tsaroanareo izany. Firy no mahafantatra an'izany, nandre an'izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Nahoana, azo antoka, hitanareo, ianareo rehetra. Dia nieritreritra aho fa mety midika ho fahafatesako izany.

281 Ary avy eo tao amin'ny efitra, dia hoy aho hoe, "Izany . . . Inona—inona—inona izany, Tompo? Inona—inona no dikan'izany? Midika ve izany fa ho faty aho? Raha izany no izy, dia mety tsara, tsy hiteny amin'ny fianakaviako aho. Avelao fotsiny aho handeha, hitanareo, raha vita ny asako." Dia hoy aho hoe . . .

282 Ankehitriny, inona izany? Fa nandefa vavolombelona iray indray Izy, tsaroanareo aho niteny taminareo, fa tsy izany ilay izy. Ilay izy dia fanohizana bebe kokoa ny asako. Oh, oh, oh! Azonareo ve ilay izy? [Hoy ny fiangonana hoe,

"Amena."—Mpand.] Hitanareo? Ary nipetraka tany Sabino Canyon. . .

283 Ny Ray any An-danitra no mahafantatra an'izany. Marina mihitsy araka ny ahitanareo fa niseho izany, nidina ireo Anjely ireo ka nanamarina ny Hafatra tsirairay ho iray ihany. Noho izany, dia fantatrareo na avy amin'Andriamanitra Izany, na tsia. Efa notenenina mialoha izany, taminareo, tamin'ny alàlan'ny fahitana iray. Tsy afaka niteny taminareo aho raha tsy nifarana ny fivoriana, satria noraràna tsy hiteny aho.

284 Tany Sabino Canyon, nipetraka tany tamin'io maraina io, nanangana ny tànako aho. Ary ny. . . Nitsoka ny satroko mainty tranainy hilatsaka ny rivotra. Rehefa. . . Nitsangana teo aho, niaraka tamin'ny tànako nitsangana, nivavaka. Hoy aho hoe, "Tompo Andriamanitra, inona no dikan'izao? Tsy mety azoko ilay izy, Tompo. Inona no tokony hataoko? Raha izao no fotoana handehanako any an-Trano, dia avelao aho hiala eto, izay tsy hahitan'izy ireo ahy mihitsy. Tsy mila olona hisaona aho, raha handeha. Izaho—tiako fotsiny ny fianakaviana hihevitra fa nanao fitsangatsanganana iray fotsiny aho. Ary tsy hahita ahy izy ireo. Afeno any ho any aho. Raha tsy maintsy handeha aho, nahoana, dia avelao aho handeha. Angamba hahita ny Baiboliko hipetraka eto i Joseph, indray andro any, ka hamela azy hampiasa an'Izany. Hitanareo, raha handeha aho, dia avelao aho handeha, Tompo." Dia namoaka ny tànako aho. Ary, tampoka teo, dia nisy zavatra nandòna ny tànako.

285 Tsy fantatro. Tsy afaka hilaza aho. Lasa natory ve aho? Tsy fantatro. Sa niditra tao amin'ny tsy fahatsiarovan-tena aho? Tsy fantatro. Fahitana iray ve ilay izy? Tsy afaka miteny aminareo aho. Ny zavatra tokana izay azoko lazaina dia hoe izaho. . . Ilay zavatra iray ihany mihitsy tahaka an'ireo Anjely ireo!

286 Ary nikasika ny tànako izany. Dia nijery aho, ary sabatra iray ilay izy. Ary nanana tahony perla izany, tena tsara tarehy; ary nanana fiarovan-tànana iray teo aminy, izay volamena. Ary ny lelany dia tahaka ny zavatra iray mitovy amin'ny kraoma iray, tahaka ny volafotsy, saingy tena mamiratra fotsiny ilay izy. Ary izany dia tena maranitra ny rirany, oh, oadray! Dia nieritreritra aho hoe, "Tsy ity ve no zavatra tsara tarehy indrindra!" Antonona mihitsy ny tànako! Nieritreritra aho hoe, "Tsara tarehy loatra ity. Saingy," hoy aho, "hey, matahotra foana an'ireto zavatra ireto aho, sabatra iray." Nieritreritra aho hoe, "Inona no hataoko amin'ity?"

287 Ary tamin'izay fotoana izay mihitsy dia nisy Feo iray nandalo teo, izay nanozongozona an'ireo vato. Hoy Izy, "Izany no Sabatr'ilay Mpanjaka!" Ary avy eo dia tafavoaka tamin'izany aho.

288 "Ny Sabatr'ilay Mpanjaka." Ankehitriny, raha hoy Izany hoe, "Ny sabatry ny mpanjaka iray. . ." Fa hoy Izany hoe,

"Ny Sabatr'ilay Mpanjaka." Ary anankiray ihany no "ilay Mpanjaka," ary Andriamanitra izany. Ary Izy dia manana Sabatra anankiray, Ny Teniny izany, izay ivelomako. Izany, mianiana aho, amin'Andriamanitra; mitsangana eto amin'ny Biraony masina, miaraka amin'ity Teny masina mipetraka eto ity! Izany dia ny Teny! Amena! Oh, andro iray toy ny inona no iainantsika! Zavatra lehibe iray toy ny inona! Hitanareo ve ilay zava-miafina sy tsiambaratelo? Ilay Fahatelo . . .

289 Nitsangana teo aho rehefa niala tamiko io, nisy Zavatra tonga fotsiny teo amiko ka nanao hoe, "Aza matahotra." Ankehitriny, tsy nandre feo mihitsy aho. Toy ny hoe tao anatiko, no niteny. Tsy maintsy miteny ny fahamarinana aminareo mihitsy aho, izay nitranga marina tokoa. Nisy Zavatra nandòna, ka nanao hoe, "Aza matahotra. Izao ilay Sintona Fahatelo."

290 Sintona Fahatelo! Tsaroanareo ve Izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Hoy Izy hoe, "Efa nanana mpaka tahaka maro be ianao teo amin'io, izay nandramanao nazavaina. Saingy," hoy Izy, "aza manandrana akory, an'Io." Tsaroanareo ve izany? Firy no mahatsiaro an'io fahitana io? ["Amena."] Nahoana, manerana mihitsy izany. Vita horonam-peo izany, ary hatraiza hatraiza. Teo amin'ny enin-taona lasa teo izany, fito taona lasa. Efa fito taona lasa. Hoy Izy, "Aza manandrana manazava an'Izany." Hoy Izy, "Izao ilay Sintona Fahatelo, saingy hihaona aminao Aho any." Marina ve izany? ["Amena."] Hoy Izy hoe, "Aza manandrana . . . "

291 Nitsangana aho niaraka tamin'ny—ny kiraron-jazakely iray, rehefa niteny tamiko Izy. Hoy Izy, "Ankehitriny ataovy ny Sintonao Voalohany. Ary rehefa manao ianao, dia hanaraka an'ilay fandrika ny trondro." Hoy Izy, "Avy eo dia diniho ny Sintonao Faharoa," hoy Izy, "satria ho trondro kely fotsiny ihany Izany." Hoy Izy hoe, "Avy eo dia ny Sintona Fahatelo no hahazo an'izany."

292 Ary nanodidina ahy ireo mpitoriteny rehetra ireo, nanao hoe, "Rahalahy Branham, fantatray fa afaka manao an'izany ianao! Haleloia! Rahalahy Branham!" Eo amin'izany foana no mahatonga ahy ho voafatotra, miaraka amin'ny andiana mpitory teny iray. Hitanareo? Tiako ny olona. Tian'izy ireo hanazava ny zavatra rehetra ianareo, *ity*, *itsy*.

293 Dia hoy aho hoe, "Eny, ah, ah, ah," hoy aho, "tsy fantatro." Hoy aho hoe, "Ny manjono no azoko. Ankehitriny," hoy aho, "ankehitriny, ny zavatra voalohany ataonareo . . . Ity no fomba anaovana azy. Rehefa mahita ny trondro rehetra manodidina ianareo; dia tsy maintsy misintona an'ilay fandrika." Eny, izany marina tokoa no paik'adin'ny fanjonoana. Noho izany dia hoy aho hoe, "Sintony ilay fandrika. Ankehitriny, hitanareo, rehefa nisintona an'ilay fandrika aho, tamin'ny voalohany, dia

nanaraka an'izany ilay trondro avy eo." Saingy kely izy ireo. Ary tahaka an'izany fotsiny no azon'izy ireo.

294 Koa noho izany aho—hoy aho hoe, "Avy eo ianareo dia—ianareo dia hametraka . . ." Ary nosintoniko izany, nankeo amin'ny morona. Ary nanana trondro iray aho, saingy toa hoditra iray no nanarona an'ilay fandrika, ilay izy fotsiny dia . . . tena kely izy.

295 Ary noho izany dia nitsangana teo aho, ka nisy Zavatra nanao tamiko hoe, "Efa niteny taminao Aho tsy hanao an'io!"

296 Nanomboka nitomany aho. Nisavoritaka nanerana ahy ny tadim-pintana rehetra, tahaka an'*izao*. Ary izaho nanana . . . nitsangana teo, nitomany, niaraka tamin'ny lohako niondrika tahaka an'*izao*. Hoy aho hoe, "Andriamanitra! Oh, izaho . . . Mamelà ahy! Izaho—olona donto saina iray aho. Tompo, aza . . . Mamelà ahy." Ary izaho—nihazona an'io tadim-pintana io aho.

297 Ary izany, ny nananako teny an-tànako, dia kiraron-jazakely iray, saiky tahaka an'*izao* ny halavany. Ary nalaiko io tady io, izay saiky goavana tahaka ny rantsan-tànako, teo amin'ny antsasaky ny inch teo, tahaka an'izany. Ary ilay lavaky ny tadin-kiraro tao amin'io kiraro io dia saiky tahaka ny haben'ny . . . kely kokoa noho ny—ny iray ampahenina ambin'ny folo, angamba, an'ny inch iray, tao amin'ilay lavaka tadin-kiraro. Ary niezaka aho ny namatotra an'io kiraro kely io, tamin'io tady goavana be iray inch io. Hah!

298 Tonga ny Feo iray, nanao hoe, "Tsy afaka mampianatra zavatra ivelan'ny voajanahary an'ireo zazakely Pentekotista ianao." Hoy Izy, "Ankehitriny, avelao izy ireo hipetraka tsara!"

299 Ary tamin'izay fotoana izay mihitsy dia Nentiny niakatra aho. Nakariny aho, ary nametraka ahy tena avo, teo amin'izay nisian'ny fivoriana iray. Toy ny hoe tranolay iray na katedraly iray, na karazan'izany. Dia nijery aho, ary nisy boaty kely iray teo, tahaka an'izany, toerana kely iray teo amin'ny sisiny. Ary hitako fa io Hazavana io dia niresaka tamin'ny olona iray, teo amboniko, io Hazavana izay hitanareo eo amin'ny sary eo io. Nihodinkodina niala tamiko Izany, tahaka an'*izao*, ary nandeha teo ambonin'ilay tranolay. Ary nanao hoe, "Hihaona aminao Aho any." Ary nanao hoe, "Izao no ho Sintona Fahatelo, ka tsy hiteny an'Izany amin'ny olona ianao."

Ary tany Sabino Canyon, dia hoy Izy hoe, "Izao no Sintona Fahatelo."

300 Ary misy zavatra telo lehibe izay miaraka amin'Izany. Ary ny anankiray dia voaseho androany, na, omaly; ilay anankiray hafa dia voaseho androany; ary misy zavatra anankiray izay tsy azoko adika, satria tamin'ny fiteny tsy fantatra iray izany. Fa nitsangana tany mihitsy aho ary nijery tsara an'Izany. Ary izany ilay Sintona Fahatelo izay manatona. [Mandondòna

intelo ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Ary ny Fanahy Masin'Andriamanitra . . . Oh, oadray!

Izany no antony nahanginan'ny Lanitra rehetra.

301 Ankehitriny, izaho—tsaratsara kokoa ho ahy ny mijanona eto mihitsy, hitanareo. Izaho fotsiny—mahatsapa ho voasakana fotsiny aho, tsy hilaza mikasika an'Izany intsony. Hitanareo?

302 Noho izany, dia tsarovy fotsiny, ny Tombokase Fahafito, ny antony tsy nanokafana Azy. [Mandondòna in-enina ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Hitanareo, ny antony tsy Nanambarany an'Izany, dia tsy tokony hisy olona hahafantatra ny mikasika an'Izany.

303 Ary tiako ho fantatrareo, talohan'ny nahafantarako Teny iray mikasika an'Izany mihitsy aza, dia tonga io fahitana io taona maro lasa izay. Tsaroanareo ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ary indro Izany, tahaka ny nataon'io hafa io mihitsy, nitsofoka avy hatrany tao amin'ny Teny marina tokoa teo amin'izay nisy Azy. [Mandondòna indroa ny polipitra Rahalahy Branham.] Ary Andriamanitra mahafantatra ny foko, fa tsy nieritreritra zavatra tahaka an'Izany mihitsy aho na dia indray mandeha aza, ary indro teo Izany. Efa tara noho izay heverintsika izao. Ah-hah. Oh, oadray!

304 Izany no maneho fa avy amin'Andriamanitra Izany, satria, hitanareo, mifanaraka marina tokoa amin'ireo teny fikasan'Andriamanitra Izany, hatramin'ny faran'ny—ny Hafatra. Voamarikareo. Mariho ankehitriny, ho an'ilay Hafatry ny andro farany, ity Tombokase ity. Sady izao koa, Izy—Izy dia nanambara an'ireo Tombokase enina rehetra, saingy tsy milaza na inona na inona mikasika ny Fahafito Izy. Ary ny Tombokasen'ny andro farany, rehefa manomboka Izy, dia ho tsiambaratelo iray manontolo tanteraka tokoa, araka ny Baiboly, alohan'ny ahafantarana an'Izany. Ary tsarovy, Apokalypsy 10:1-7, 1 hatramin'ny 7, toko 10:1 hatramin'ny 7, "Amin'ny fiafaran'ny Hafatr'ilay anjely fahafito, dia ho fantatra ireo zava-miafin'Andriamanitra rehetra." Eo amin'ny andro farany isika, ny fanokafana ny Tombokase Fahafito.

305 Ankehitriny, ahoana no nahafantarako? Indray andro, tamin'ny Alahady lasa, herinandro androany, rehefa nitory aho teo amin'ny "Aoka hanetry tena! Aoka hanetry tena! Tsarovy, Andriamanitra dia mifanaraka amin'ireo zavatra kely." Tsy nahalala aho hoe inona marina tokoa no noresahan'izany. Fa ankehitriny dia hitako izany. Amin'ny fomba iray tena manetry tena izany! Hihevitra ianareo fa ny zavatra tahaka an'izany dia ho voambara any Vatican na . . . Saingy tonga tahaka an'i Jaona Mpanao-batisa fotsiny Izany. Tonga tahaka ny fahaterahan'ny Tompontsika Izany, tao amin'ny fihinanam-bilona iray. Voninahitra ho an'Andriamanitra! Mianiana aho, fa antomotra ny ora! Amena! Eto isika. Oh, oadray!

306 Ankehitriny dia hitanareo ve izany, ny Fahamarinan'ny fahitan'Andriamanitra, ireo Anjely fito izay nitondra ahy avy tany andrefana? Avy tany andrefana Izy ireo, niverina nankany atsinanana, nitondra eto an'ity Hafatra ity izao hariva izao. [Mandondòna indroa ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Oh, oadray!

307 Ankehitriny, ilay Feon'io kotrokorana lehibe io, ary ilay fanirahana izay nentina teto, dia voambara, hoe Izany . . . ary voaporofo fa avy tamin'Andriamanitra Izany. Eritrereto fotsiny ankehitriny. Tsy nahafantatra an'ireo Tombokase ireo aho, fa voambara izy ireo tamin'ity herinandro ity. Efa nieritreritra an'izany ve ny olona iray, hoe ireo Anjely fito ireo dia Izao, dia ny Hafatra izay homena, ireo Anjely izay namerina ahy eto ho an'Izany? Hitanareo?

308 Tsarovy, ilay Iraka fahafito dia . . . Ireo Iraka fito dia . . . Ilay Anankiray malaza ho ahy, ilay Anjely fahafito, Izany dia toa mihoatra noho ny rehetra amiko. Ankehitriny, hitanareo, izy ireo dia nitsangana tahaka an'*izao*. Ankehitriny, tianay fotsiny ianareo hanamarika. Ary izaho nitsangana *teto*, ary nandinika an'ireo hafa . . .

309 Hitanareo, ny anankiray, andiany voalohany, dia vorona kely, ny volony mitsontsorika tanteraka. Tsaroanareo ve izy ireo? Ary nanidina nankany atsinanana izy rehetra. Ary ilay andiany faharoa, dia namiratra kokoa, vorona lehibe kokoa, tahaka ny voromailala, elatra maranitra. Nanidina nankany atsinanana izy ireo. Sintona Voalohany, Sintona Faharoa, avy eo ny manaraka dia ireo Anjely. Ary satria . . .

310 Nitsangana teo mihitsy aho, ary lasa io fipoahana io. Ary nijery nankany amin'*ity* aho, nankany andrefana, ka tonga Izy ireo ary nampakatra ahy fotsiny, Tao anatiny tao. Tany ivelan'ny fahalalako mihitsy aho. Ary ilay anankiray tamin'Izy ireo, izay tonga, dia ilay Anankiray izay toa tena hafahafa amiko, dia ilay Anankiray teo amin'ny . . . Teo amin'ny ankavia, izay nidirako tao amin'ilay andian-kintana. Fa raha isaina avy amin'ny ankavia mankany amin'ny ankavanana, dia ho izany ilay Anjely fahafito, hitanareo, tonga niampita. Ankehitriny, tsarovy, ireo Iraka fito.

311 Tsaroanareo ve ilay pyramidan'ny Vato fotsy, tamin'ny nofin'i Junior Jackson izay nadikako taminareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Hitanareo? Mariho, ilay hariva izay niaingako, ary izaho . . . Nisy nofy enina tonga, ary ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia nanondro zavatra iray ihany. Avy eo dia nanomboka ilay fahitana, ary nandefa ahy nankany andrefana. Ary, Junior, nandinika izy raha mbola . . . Mariho. Jereo hoe tanteraka toy ny ahoana!

312 Ankehitriny, izaho dia—manantena sy matoky aho fa ianareo olona dia mahalala fa miezaka mametraka an'izao fahasoavana

izao eo amin'i Jesosy Kristy aho, Izay Mpanao an'Izany rehetra izany. Ary ny antony tokana izay tsy nandrenesanareo ahy niresaka tahaka an'izao mihitsy tany aloha, teo amin'ny fiainanareo, fa manatona io ora io. Hitanareo? Hitanareo? Mariho.

313 Ankehitriny mba hanaovana an'izany ho azo antoka, ho anareo, mba hahatonga an'izany ho voatarika tsara. Miomana ny handao anareo indray aho. Tsy fantatro hoe aiza no halehako. Tsy maintsy mitory ny Filazantsara any amin'ireo toerana hafa aho. Saingy ankehitriny, izany . . .

314 Mety hilaza ianareo hoe, "Efa nandre an'izany karazana fanatisma rehetra izany aho." Tsy fantatro hoe inona; tsy afaka mitsara olona hafa iray aho.

315 Tsy maintsy hamaly an'Andriamanitra fotsiny aho ny amin'izay izaho . . . ho—ho an'ny tenako. Fa efa mba nisy ve indray mandeha mba nitenenako zavatra iray taminareo tamin'ny Anaran'ny Tompo, ka tsy marina, tao amin'ireo taona rehetra ireo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Tsia."—Mpand.] Tsy misy olon-kafa afaka hilaza an'izany, satria niteny an'izany foana arak'izay Nitenenany azy fotsiny aho.

316 Ankehitriny dia mamelà ahy haneho fotsiny aminareo fa marina tanteraka tokoa izao, ary hanamarina an'izany.

317 Tsarovy ankehitriny, "Raha misy ara-panahy iray na mpaminany iray, Izaho Tompo no hiresaka aminy ao amin'ny fahitana, ary mampahafantatra azy amin'ny alàlan'ny nofy." Mandika nofy, izany. Josefa, afaka nandika nofy izy, ary miteny sy—sy mahita fahitana. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

318 Ankehitriny dia mariho ity. Izany, ankehitriny, rehefa niseho ity, dia nitsangana tao amin'ny saha iray i Junior izay nisy ny—nisy pyramida goavana iray teo aminy, tahaka an'izany. Ary nisy zavatra voasoratra teo amin'ireo vato, ka nambarako tamin'ny olona Izany. Marina ve izany, Junior? [Hoy Rahalahy Junior hoe, "Marina izany."—Mpand.] Teo amin'ny herintaona talohan'ny nitrangan'izany.

319 Ary mariho ilay zavatra manaraka ankehitriny. Naka karazana tsivalam-by iray aho ary nanongotra an'Izany, ary tao anatiny dia nisy Vato fotsy izay tsy nisy na inona na inona voasoratra teo Aminy. Ary, tamin'io fotoana io, dia nanomboka nankany andrefana aho. Ary niteny tamin'izy rehetra ireo aho, hoy aho hoe, "Aza mandeha any andrefana. Mijanòna eto ka jereo Ity mandra-piveriko." Nandeha nankany andrefana aho, ho an'ilay fipoahana; niverina nankany atsinanana indray, niaraka tamin'ny Fanahy Masina izay nandika an'io Teny tsy voasoratra io. Ankehitriny, raha tsy ilay Andriamanitra Tsitoha tanteraka tokoa izany, dia tiako ho fantatrareo hoe inona izany.

320 Ho an'ny inona no ezahako hilaza an'ity, ry sakaiza? Izany dia ny haneho aminareo fa eo amin'ny andro farany isika. Ankehitriny, raha miaraka amin'ny Teny tanteraka tokoa hatrany amin'ny teboka ireo hafa ireo, dia miaraka amin'ny Teny tanteraka tokoa hatrany amin'ny teboka koa Ity! Eto isika. Eo amin'ny farany isika, ry sakaiza.

321 Tsy hoe ela dia "ho tapitra ny fotoana." An-tapitrisany no hahavery ny ainy. Hisy an-tapitrisany, izay mino ankehitriny fa voavonjy izy ireo, izay ho isaina toy ny hodi-tafondro ho an'ilay taona atomika. Miaina ao amin'ilay ora farany isika. Nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra Tsitoha, nohon'ny Fanampiany ny Olony, mba ahafahan'izy ireo miandry ny fisehoan'i Kristy tsy ho ela! "Mandra-pahoviana, Rahalahy Branham?" Angamba roapolo taona; angamba afaka dimampolo taona; angamba afaka zato taona. Tsy fantatro. Ary angamba amin'ny maraina; angamba izao hariva izao koa. Tsy fantatro. Ary ny olona iray izay milaza fa mahafantatra izy ireo, dia diso izy. Hitanareo? Tsy mahafantatra izy ireo. Andriamanitra, irery ihany, no mahafantatra.

322 Mariho ankehitriny. Mianiana aho, amin'Andriamanitra, miteny ny Fahamarinana, fa Ireo dia fantatra ara-panahy ho ahy, fantatra amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina. Ary, ny tsirairay avy amin'Izy ireo, dia nanondro ny Toerany ao amin'ny Baiboly.

323 Ankehitriny, inona io tsiambaratelo lehibe izay mipetraka eo ambanin'ity Tombokase ity io, tena tsy fantatro. Tsy fantatro izany. Tsy afaka mamoaka an'izany aho. Tsy afaka miteny an'Izany aho, ny marina izay Izany—izay nolazain'Izany marina, saingy fantatro fa Izany dia ireo Kotrokorana Fito izay nampandre ny feony nifanesy miaraka, nigodona impito samihafa. Ary naneho zavatra hafa izay hitako Izany. Noho izany, rehefa hitako Izany, dia niandry ny fandikana aho. Izany dia nanidina nanerana teo, ka tsy afaka namoaka an'Izany aho. Marina tokoa izany. Hitanareo? Tsy mbola ho an'Izany mihitsy ilay ora.

324 Saingy, miditra ao anatin'io fihodinan-javatra io Izany, hitanareo. Miha-manakaiky Izany. Noho izany, ny zavatra hataonareo dia ny mahatsiaro fa miresaka aminareo amin'ny Anaran'ny Tompo aho. Aoka hiomana, satria tsy fantatrareo ny fotoana mety hitrangan'ny zavatra iray.

325 Ankehitriny, rehefa atao eo amin'ny horonam-peo izao, efa eo Izany, dia hanao an'aliny amin'ireo sakaizako hanalavitra ahy angamba izany. Satria, hilaza izy ireo, hoe, "Miezaka mametraka ny tenany Rahalahy Branham, sy manao ny tenany, ho—ho mpanompo iray na mpaminany iray, na zavatra iray, eo anatrehan'Andriamanitra." Mamelà ahy hiteny aminareo, ry rahalahiko, fa fahadisoana iray izany.

326 Miteny aminareo fotsiny ihany an'izay hitako sy efa notenenina tamiko aho. Ary ankehitriny ianareo—ataovy izay rehetra tianareo hatao. Tsy fantatro hoe iza no . . . inona no hiseho. Tena tsy fantatro. Fantatro fotsiny fa ireto Kotrokorana Fito ireto no mihazona an'ilay zava-miafina. Nangina ireo Lanitra. Mahazo ve ny olona rehetra? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Mety ho izao no fotoana, mety ho izao no ora ankehitriny, izay mety hidiran'io olona malaza io eo amin'ny sehatra izay andrasantsika hiditra eo amin'ny sehatra.

327 Angamba ity asam-panompoana ity, izay niezahako namerina ny olona ho amin'ny Teny, no nametraka fototra iray; ary raha izany no izy, dia handao anareo aho, ho an'ny soa. Tsy hisy anankiroa aminay ho eto amin'ny fotoana iray ihany. Hitanareo? Raha izany no izy, dia izy hitombo; izaho hihena. Tsy fantatro.

328 Fa efa nanana tombontsoa aho, tamin'Andriamanitra, ny hijery sy hahita hoe inona Izany, hitanareo, nahita fanehoana betsaka an'izany. Ankehitriny, izany no Fahamarinana.

329 Ary azoko antoka fa voamarikareo ireo zavatra izay efa nitranga tamin'ity herinandro ity. Azoko antoka fa voamarikareo ilay zazalahy kely Collins izay nandry teo, teo am-pahafatesana, indray hariva; ilay zazavavy kely, tratry ny leucémie.

330 Ho avy ny Fanjakan'Andriamanitra. Ary lasa kokoa avy amin'ny negatifa mankany amin'ny pozitifa Izany, tahaka ny efa naha-izy azy. Ankehitriny, tsy tokony hanafintohina ny olona izany. Avy amin'ny fanamarinana, mankany amin'ny fanamasinana, mankany amin'ny batisan'ny Fanahy Masina, ary avy eo *eto*, *eto*. Hitanareo? Manatona akaikikaiky kokoa an'Andriamanitra isika, isan'andro.

331 Tsy afaka mahita ve ianareo, mpitoriteny Metodista, hoe ahoana fa ny hafatrareo ny amin'ny fanamasinana dia nihoatra an'izay notorian'i Luther?

332 Ianareo Pentekotista, tsy afaka mahita ve ianareo fa ny hafatrareo ny amin'ny batisa dia mihoatra an'izay notorian'ireo Metodista? Fantatrareo ve izay tiako lazaina?

333 Oh, nanana zavatra betsaka izay nivoaka isika! Ary marina izany. Ary raha misy olona izay mankasitraka ny fahadisoana, ka ny olona milaza zavatra iray izay tena lainga tokoa fa tsy ny Fahamarinana, dia halako izany.

334 Fa izaho—tena tia ny Fahamarinana mafy aho, tsy mampaninona na impiry no anakorontanan'Izany an'*ity* làlana ity na *itsy* làlana itsy. Raha Izany no Fahamarinana, dia Andriamanitra no haneho an'Izany ho Fahamarinana amin'ny farany. Ary raha tsy manao an'izany Izy, indray andro any tsy ho ela, amin'izay fotoana izay dia tsy marina ny fahitako. Ankehitriny dia hitanareo izay nametrahako ny tenako mihitsy.

335 "Rahoviana no hisy izany, Rahalahy Branham?" Tsy afaka miteny aminareo aho. Tena tsy fantatro.

336 Fa, indray andro any, raha tsy mihaona intsony indray isika eto amin'ity tany ity, dia hihaona isika any amin'ilay—any amin'ilay Seza Fitsaran'i Kristy. Dia hahita ianareo, fa, ao amin'io efitra io, ilay fanambarana avy tamin'Andriamanitra, tahaka ny sisa rehetra amin'izy ireo, fa Ireo . . . Ny anankiray amin'ny zava-miafin'io Tombokase io, ny antony tsy nahavoambara Azy, Izany dia ireo Kotrokorana Fito izay nampandre ny Feony. Ary izany Izy, tanteraka tokoa. Satria, tsy misy na inona na inona mahafantatra zavatra iray mikasika an'Izany. Tsy voasoratra akory aza Izany. Noho izany, dia eo amin'ny andro farany isika. Eto isika. Misaotra an'Andriamanitra aho ny amin'Ny Teniny.

337 Misaotra Azy aho ny amin'i Jesosy Kristy. Satria, raha tsy nisy ny fandefasana Azy ho an'ny—ny fanaovam-panavotana ho an'ny fahotantsika, dia ho tao anatin'ny fotaka goavan'ny fahotana isika rehetra, tsy nisy fanantenana. Fa, nohon'ny Fahasoavany, Ny—Ny Ràny no manadio ny fahotana rehetra. Tahaka an'ilay teten-dranomainty tao anatin'ny sinin'ny Clorox, tsy hahita an'ilay ranomainty intsony indray ianareo. Rehefa voaaiky ireo fahotantsika, dia apetraka ao anatin'ny Ràn'i Jesosy Kristy izany; tsy ho fantatra intsony indray izy ireo. Adinon'Andriamanitra izy ireo; tsy natao akory mihitsy aza izy ireo. Ary raha mbola mipetraka ao anatin'ny fanaovam-panavotana iray ho antsika eo foana io Fanatitra io, dia izay ihany amin'izay fotoana izay. Izay no izy, hitanareo. Isika—tsy mpanota intsony isika. Kristiana isika, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra. Tsarovy, ao amin'ny tenantsika manokana dia mety ho ratsy mihitsy tahaka ny naha-izy antsika hatramin'izay angamba isika. Saingy, hitanareo, ny fahasoavan'Andriamanitra no niseho teo amintsika, ary izany no nanao antsika amin'izay maha-izy antsika androany, rahalahy sy anabavy Kristiana.

338 Herinandro iray nahatalanjona ity ho ahy. Reraka aho. Reraka ny saiko. Satria izaho—izaho dia manana . . . tamin'ny tsara indrindra izay azoko natao. Ary misy zavatra hafahafa miseho, isan'andro. Talanjona aho; niditra tao amin'efitra, ary tao nandritry ny minitra vitsy, ary nahita Zavatra nanova ahy tanteraka mihitsy.

339 Ary, indro, niditra tao aho ka naka an'ireo naoty. Noraisiko ireo bokin'ny Dr. Smith, Uriah Smith, ary, oh, ny rehetra amin'ireo—ireo mpanoratra sy ny zavatra rehetra, ka namaky tao, namaky tao amin'ireo bokin'izy ireo. Hoy aho hoe, "Ankehitriny *ity* ny Tombokase Fahenina. *Ity* ny Tombokase Fahefatra. Ankehitriny dia inona no lazain'ity lehilahy ity? Nilaza izy hoe, 'Eny, Izany dia *ity*, *itsy*, na ny *hafa*.'" Nijery teo aho ary naka an'ilay lehilahy iray hafa. Nilaza izy fa Izany dia

izao-sy-izao. Ary ilay izy dia toy ny hoe izaho fotsiny . . . Tsy mety tsara fotsiny izany. Hitanareo?

340 Noho izany dia nieritreritra aho hoe, "Eny, inona Izany, Tompo?" Dia nandeha nandroso sy niverina teo amin'ny gorodona vetivety aho. Nandohalika aho ary nivavaka. Niverina indray ka naka ny Baiboly; nipetraka, namaky. Nandeha nandroso sy niverina.

341 Avy eo, tampoka teo, rehefa nipetraka tsara aho, dia indro Izany fa voaseho fotsiny tahaka an'izao. Noho izany dia nandramby penina iray haingana aho, ary nandeha nanoratra an'Izany tahaka an'izao, izay rehetra hitako sy nataoko. Nandinika an'Izany, tahaka an'izao, mandra-panoratro an'Izany.

342 Avy eo dia nalaiko, ny sisa tamin'ny andro, ka nandeha ary nandinika an'Ity, sy hahita raha nifamatotra nanerana ny Soratra rehetra Izany. Noho izany, "Porofoy ny zavatra rehetra." Hitanareo? Nanana an'Ity aho teto.

343 Dia mieritreritra aho hoe, "Ankehitriny, maro ny olona nanana fahitana. Maro no efa nanana fanambarana." Raha mifanohitra amin'ny Teny izany, dia avelao hipetraka tsara; marina izany, avelao hipetraka tsara izany.

344 Ankehitriny, ankehitriny, avy eo dia nodinihako mihitsy aza Ity tahaka an'*izao*, nodinihako tahaka an'*izao*. Noraisiko naoty ireo zavatra kely eto. Nieritreritra aho hoe, "Eny, ankehitriny, ho faly ilay kilasy handre an'ity, satria izany dia mifatotra *eto* ary mifatotra *eto*. Ankehitriny, ndao jerentsika, hoe inona no lazain'ity *eto*? Eny. Ary, hia, ity ilay izy, *eto* mihitsy." Hitanareo?

345 Ary nitondra an'Izany niverina nanerana ny Baiboly, ka namatotra an'ilay zavatra, nandritry ny herinandro. Eo Izany, eo amin'ny horonam-peo. Tongasoa eo amin'izy ireo ianareo. Ary nataoko tamin'ny tsara indrindra amin'ny fahalalako izany, teo ambanin'ny fiombonana Kristiana, ny fahasoavan'Andriamanitra, ho an'ny olona rehetra, amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy. Nanao ny tena tsara indrindra izay fantatro aho.

346 Efa iray amin'ireo kilasy tsara indrindra ianareo. Tsy mbola nisy olona afaka nipetraka nahafinaritra indrindra. Tonga teto ianareo rehetra tamin'ny iray ora antoandro, hatramin'ny dimy ora, na oviana na oviana no nanokafan'izy ireo ny fiangonana sy nitondrany ny . . . namelàny ny olona hiditra. Nitsangana tao amin'ny hatsiaka ianareo; nipetraka tao amin'ny oram-panala ianareo; nanao ny zavatra rehetra ianareo; nitsangana nanodidina an'ireo rindrina, hany ka narary ny ranjonareo. Hitako ireo lehilahy, nipetraka. Namela an'ireo vehivavy hipetraka, ary ireo olon-kafa nitsangana, ary tahaka an'izany, nipetraka nanodidina. Nieritreritra aho hoe, "Tompo, ny manontolo . . . "

347 Herinandro nahagaga iray ity. Toa hafahafa ilay zavatra manontolo, ahoana, rehefa tonga ny olona, ny mahita azy ireo mitsangana any ivelany, teo amin'ireo varavarankely, teo amin'ireo varavarana, teny amin'ny farany aoriana, hatraiza hatraiza, mihaino. Ary raha ny amin'ny hoe mpikabary, dia lavitra amin'ny maha-mpikabary iray aho. Izaho—manana fahendrena betsaka aho, ny hahafantatra fa izaho dia tsy, fa izaho dia tsy mpikabary iray. Fa nahoana ny olona no nipetraka sy nihaino tahaka an'izao? Nahoana izy ireo no nanao an'izany? Tsy tonga hihaino olona iray tahaka ahy izy ireo. Fa tonga izy ireo satria misy Zavatra ao anatin'izany, misintona vahoaka iray. Marina izany. Hitanareo? Misy Zavatra ao anatin'izany, izay misintona azy ireo.

348 Tahaka ny nitsanganan'ny vadiko teto amin'ny lampihazo ka nihira, rehefa nanomboka aho:

> Tonga avy any Atsinanana sy Andrefana izy ireo,
> Tonga avy tany amin'ny firenena lavitra izy ireo,
> Mba hifety miaraka amin'ilay Mpanjaka, mba hisakafo toy ny Nasainy;
> Voatahy toy ny ahoana ireto mpivahiny ireto!
> Mandinika ny Tavany masina
> Mamiratra amin'ny Hazavana Masina;
> Mpandray anjara amin'ny Fahasoavany voatahy,
> Mba hamiratra toy ny vatosoa eo amin'ny Satroboninahiny.

349 Enga anie ianareo hihazona an'izany ao an-tsaina isan'andro, "Ho vatosoa iray eo amin'ny Satroboninahitr'i Jesosy Kristy." Hoy i Paoly tamin'ilay Fiangonana hoe, "Ianareo no—ianareo no firavaka, na, vatosoan'Ny Satroboninahiny." Te-ho vatosoan'ny Satroboninahitr'i Jesosy Kristy isika.

350 Isika tsy mila, tsy hametraka olona iray mihitsy ao anatin'izany. Adinoy ny zavatra rehetra mikasika ahy. Rahalahinareo aho, mpanota iray voavonjy nohon'ny fahasoavana, tsy mendrika ny ho velona. Izany marina tokoa no fahamarinana. Tsy miteny an'izany aho mba ho manetry tena; zava-misy izany. Tsy misy na inona na inona ato amiko, tsy misy zavatra anankiray tsara, mihitsy.

351 Fa ny fahasoavan'Andriamanitra no namela ny masoko mahantra, miha-mihena hijery ny tany ambadiky ny lamban'efitry ny fotoana ka nahita an'ireo zavatra ireo tany, ary niverina aho.

352 Fony aho zazalahy kely iray, dia tiako ny olona. Nila olona iray hitia ahy sy hiresaka amiko foana aho. Tsy nisy olona nanao an'izany, nohon'ny anaran'ny fianakaviako. Tsy nisy olona niresaka tamiko.

353 Fa rehefa nanolo-tena ho an'Andriamanitra aho, tamin'izay fotoana izay . . . Ny fianakavianay, ilay fototra, dia Irlandais,

nieritreritra aho hoe, "Angamba . . . Katolika izy rehetra, ary angamba ho izany ilay Izy." Nandeha *tany* aho, ary tamin'ny fomba iray Izy. Dia nandeha tany amin'ny fiangonana Batista Voalohany aho, ary tamin'ny fomba hafa iray Izy.

Hoy aho hoe, "Tompo, tsy maintsy misy fomba hafa iray izay marina."

Dia hoy ny Zavatra iray hoe, "Izany dia ny Teny."

Nihazona an'io Teny io aho. Jereo ny fahitana tsirairay, hatraiza hatraiza.

354 Tamin'ny andro izay nametrahako an'ilay vato fehizoro ao, ka nametraka an'izany tao anatiny tao, dia nosoratako tao izay Nasehony ahy tao amin'ny fahitana iray tamin'io maraina io. "Mazotoa na amin'ny fotoana, na tsy amin'ny fotoana; mananara amin'ny fahari-po rehetra sy Foto-pampianarana. Fa ho avy ny andro izay tsy hahazakan'izy ireo ny Foto-pampianarana tsy misy kilema; fa araka ny filàny manokana dia hamory ho an'ny tenany, toy ny mpampianatra, mangidihidy sofina; ka hivily hiala amin'ny Fahamarinana, ho amin'ny anganongano." Ary hitako ireo hazo roa, izay nitsanganako teo akaikiny, nanao an'ilay tena zavatra iray ihany mihitsy. Marina izany. Ary eo isika izao. Ary marina izany. Ary, ankehitriny, ianareo dia tsy . . .

355 Tsarovy. Mamelà ahy hampahery anareo indray. Aza manao hoe, "Misaotra anao," amin'ny olona iray, mihitsy. Aza milaza, mihevitra fa, mpitoriteny iray na zavatra iray, olona mety maty iray; hoe misy zavatra iray tsara mikasika azy. Satria, tsy misy. Tsy ahoako na iza izy. Tsy misy na inona na inona tsara amin'ny olona iray. Marina izany.

356 Raha misy andiana trompetra iray manontolo mipetraka eto, ka ny iray tamin'izy ireo tsy maintsy namoaka mozika anankiray, izany dia ilay olona . . . Moana tanteraka ireo trompetra ireo. Ilay izy dia ilay olona izay afaka mitsoka ny trompetra, izay mahafantatra an'izay hataony, izay mandray an'ilay trompetra. Tsy misy idiran'ilay trompetra amin'izany. Ilay feo dia avy amin'ny fahendrena iray ao ambadik'izany. Marina izany. Noho izany, dia mitovy ireo trompetra rehetra.

357 Mitovy ny olona rehetra. Mitovy ny Kristiana rehetra. Tsy misy lehilahy malaza eo anivontsika. Tsy lehilahy malaza isika, tsy vehivavy malaza. Mpirahalahy sy mpirahavavy isika rehetra, mitovy ny rehetra, ao anatin'ilay sokajy iray ihany. Isika dia tsy "malaza." Ny anankiray tsy manao ny anankiray ho lehibe kokoa noho ilay anankiray hafa, tsy misy zavatra iray mihitsy, idiran'izany. Tsia, tompoko. Fa olombelona fotsiny isika rehetra.

358 Aza miezaka handika an'ireo zavatra. Aza miezaka manao na inona na inona mihoatra noho ny miaina fiainana iray akaiky fotsiny, manome ny dera sy ny laza ho an'i Jesosy Kristy. Azon'ny olona rehetra ve izany ankehitriny? [Hoy ny fiangonana hoe,

"Amena."—Mpand.] Ary avy eo dia tiavo amin'ny fonareo rehetra Izy. Ataonareo ve izany? ["Amena."]

Tiako Izy, (Ary hitia aho!), tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

359 Deraina Andriamanitra! Mahazo tsara mihitsy ve ny olona rehetra? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Mino ve ny olona rehetra? ["Amena."] Tsaroanareo ve rehefa nanomboka aho hoe, "Iza no nino ny teny nampitondraina anay? Iza no nanehoana ny sandrin'ny Tompo?" Nasehony taminareo ve, ny Famindrampony, ny Fahatsarany? ["Amena."] Amena. Tsarovy fotsiny, tiavo amin'ny fonareo rehetra Izy.

360 Hiverina any an-trano aho ankehitriny. Hiverina eto indray aho, raha sitraky ny Tompo, manodidina ny voalohan'ny Jona.

361 Angamba, raha apetraky ny Tompo ao am-poko izany, dia angamba indray andro amin'ny voalohan'ity fahavaratra ity, ohatra hoe ny Jona na any ho any, angamba amin'ny voalohan'ny lohataona, raha maharitra ny Tompo, dia tiako ny hiverina ka hametraka hariva fito hafa, ho an'ireo Trompetra Fito farany. Ho tianareo ve izany? Ho tianareo ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Hivavaka ho ahy ve ianareo, mba hanampian'Andriamanitra ahy? ["Amena."] Eny àry.

362 Mandra-pihaonako aminareo indray, dia tsarovy ity hira tsara tranainy ity:

Tiako Izy, tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

363 Ankehitriny dia tiako ianareo hanondrika ny lohanareo. Te-hivavaka ho anareo aho. Alohan'ny hampiravan'ny pasitera, dia te-hivavaka ho anareo aho.

364 Rainay any An-danitra, enga anie ny olona, Tompo, hahazo. Fa, azoko antoka fa misy sasany izay tsy mahazo. Fa, Ray, enga anie izy ireo—izy ireo hahafantatra an'ilay tanjona. Ary enga anie izy ireo hahazo, Ray, fa—fa ny Fahasoavanao ho azy ireo no nahavoambara an'ireo zavatra ireo. Ary te-hisaotra Anao aho, Tompo, ny amin'ny fahalalana mahafantatra an'ireo zavatra izay Nambaranao taminay.

365 Ary mivavaka ho an'ny tsirairay izay ato aho, ny tsirairay izay nanatrika an'ireo fivoriana. Raha misy sasany izay tsy mino, dia enga anie, Tompo, izy ireo ho lasa mpino.

366 Mivavaka aho ho an'ny rehetra izay handre an'ireo Hafatra amin'ny alàlan'ny horonam-peo. Ary raha milatsaka Izany, fa hilatsaka Izany, tsy isalasalana, ao amin'ireo tokantrano sy toeran'ny tsi-mpino maro izay hanohitra; fa, Ray, mivavaka

ho an'ny tsirairay avy aho, mba alohan'ny ilazan'izy ireo teny fitenenan-dratsy iray, dia enga anie izy ireo hipetraka aloha ka hizaha ny Soratra mikasika an'izay efa voalaza, ary avy eo dia hilaza Aminao fa tso-po marina tokoa izy ireo ka tehahafantatra na Fahamarinana izany, na tsia. Ary mivavaka ho azy ireo aho, Ray.

367 Ary mivavaka aho ho an'ireo izay nitsangana nanerana an'ireo rindrina ireo, ireo izay nitsangana tany ivelany, ireo izay nipetraka tao anatin'ny fiarany, ho an'ireo ankizy kely, ary ho an'ny rehetra izay tato anatiny. Ary izy rehetra ireo mihitsy, Tompo, dia mivavaka ho azy ireo aho.

368 Ary mivavaka aho mba ho valiana ny fivavako, mba Hitahianao azy ireo. Voalohany, Tompo, dia omeo Fiainana Mandrakizay ny tsirairay avy. Mivavaka aho mba tsy hisy anankiray amin'izy ireo ho very, tsy hisy anankiray.

369 Ary ankehitriny, Ray, dia tsy fantatray hoe rahoviana no hisy io zava-mitranga lehibe io. Fa rehefa hitanay miseho ireo famantarana ireo, sy ireo tranga ara-tSoratra, dia manafana ny fonay any ambonin'ny fatra izany. Ary mivavaka aho, Andriamanitra Ray, mba Hanampianao anay.

370 Mivavaka aho mba Hanampianao ny pasitera malalanay, Rahalahy Neville. Ataovy izy, Tompo, feno fahasoavana sy feno hery, ary miaraka amin'ny fahazoana, mba ahafahany mandray an'ity Sakafo voatahiry ity ka hamahana an'ireo zanak'ondrin'Andriamanitra.

371 Tompo, mivavaka aho mba Hanesoranao aminay ny aretina rehetra. Enga anie hiseho izany, hoe rehefa lasa marary ny olona, dia hahatsiaro izy ireo fa ilay Ràn'ny Tompo Jesosy manatrika sy ampy tanteraka dia mipetraka eo amin'ny alitara, mba hanao fanaovam-panavotana. Ary mivavaka aho mba ho sitrana avy hatrany izy ireo.

372 Ary mivavaka aho mba Hanesoranao ny herin'i Satana ho lavitra azy ireo, izay hanakivy azy ireo, na hiezaka hanao azy ireo hanao sekta. Na, esory hiala fotsiny ireo hery rehetra an'ilay fahavalo, Tompo. Amasino ho amin'Ny Teninao izahay. Ekeo izany, Tompo.

373 Avy eo, Tompo, dia mivavaka aho mba Hanampianao ahy. Izaho—izaho—manomboka mihalefy aho, Tompo. Fantatro fa tsy mety ho betsaka loatra intsony ny androko. Ka mivavaka aho mba Hanampianao ahy, hamela ahy ho mahatoky, Tompo, ary hahitsy fo sy tso-po, mba ahafahako ho afaka hitondra ny Hafatra lavitra arak'izay nandidiana ahy hitondrana an'izany. Ary rehefa tonga ny fotoana izay tsy maintsy hitsaharako, sy ahatongavako eo amin'ilay Renirano, ka manomboka tonga ireo onja, O Andriamanitra, enga anie aho ho afaka hanolotra an'ity Sabatra tranainy ity ho an'ny olon-kafa iray izay hahitsy fo amin'Izany, Tompo, ka hitondra ny Fahamarinana. Ekeo izany,

Tompo. Ary, mandra-pahatongan'izany, dia ampio aho mba hatanjaka sy ho salama, ary sahy.

374 Ampio ny fiangonako. Tahio izahay rehetra, Tompo. Anao izahay. Tsapanay ankehitriny fa eo anivonay Ny Fanahinao. Mino izahay fa hamaly ny vavakay Ianao. Satria, mametraka ny tenanay Aminao izahay, miaraka amin'Ny Teninao, ho an'ny asa amin'ny sisa amin'ny andronay eto amin'ity tany ity, amin'ny Anaran'ny Zanak'Andriamanitra, Jesosy Kristy, Mpamonjy malalanay, ho an'ny Voninahiny. Amena.

Izaho . . . (Andriamanitra hitahy anareo!) . . . Tiako
Izy, (amin'ny foko rehetra),
Satria nitia mialoha Izy.

375 Andriamanitra hitahy anao, Rahalahy Neville . . . ? . . . Mijanòna eo amin'ny toeran'andraikitra . . . ? . . .

MITOHY NY TOMBOKASE FAHAFITO

376 [Vao avy nahavita ny fihainoana ny *Tombokase Fahafito* tany am-boalohany ianareo araka ny nitoriana azy tao amin'ny manontolony ny Alahady hariva, 24 Marsa, 1963 tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana. Tsy tian-dRahalahy Branham navoaka ity fandraisam-peo tany am-boalohany ity. Ny ampitso, Alatsinainy, 25 Marsa, 1963, dia nandeha tao amin'ny efitranom-bahinin-dRahalahy Fred Sothmann sy Rahalahy James Maguire Rahalahy Branham izay nampiandraiketina ny fanaovana an'ireo horonam-peo tamin'io fotoana io. Niteny tamin'ireo rahalahy ireo Rahalahy Branham hoe, "Tsy tiako hivoaka arak'izay maha-izy azy ity hafatra ity." Rehefa avy nihaino ny horonam-peo samirery, dia nanome toro-marika an'ireo rahalahy izy mba hampijanona an'ilay horonam-peo eo amin'ny toerana iray, ary eo amin'io toerana io (manomboka amin'ny andalana nomerao 261) no nandraisam-peo ny ampahany vaovao iray izay eo amin'ny roapolo minitra eo ho eo ny halavany (andalana 377-415). Ity ampahany vaovao ity no nampiasaina arak'izany eo amin'ny toeran'ny fiafaran'ilay tany am-boalohany (andalana 261-375). Ity fandraisam-peo ity no dikan-teny tokana navoaka an'ny "Tombokase Fahafito" hatramin'ny 1966. Rehefa avy niala ny sehatra Rahalahy Branham, dia ny komitin'ny William Branham Evangelistic Association no hany tokana nekena hamoaka ny horonam-peo noraisim-peo tany am-boalohany tao amin'ny Tabernacle. Hatramin'io fotoana io, dia azo raisina ireo dikan-teny roa. Mametraka an'ity hafatra fanampiny an-dRahalahy Branham ity eo amin'ny horonam-peo anankiray izahay ankehitriny, miaraka amin'ny "Tombokase Fahafito" tany am-boalohany. Ny feo manaraka ho renareo dia Rahalahy Branham tao amin'ny efitranom-bahiny ny Alatsinainy, 25 Marsa, 1963—Mpand.]

377 Ho zavatra tsara raha tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'Izany izy. Satria, raha nahafantatra izy, amin'izay fotoana izay dia haka tahaka an'Izany izy. Izany no hafetseny amin'ny fanaovana zavatra.

378 Koa, noho izany, dia Andriamanitra no nanao an'Izany ho tena miafina amin'izao tontolo rehetra izao, na dia tamin'ny Lanitra aza, mba tsy hisy fomba ahazoana an'Izany, raha tsy hoe Andriamanitra irery ihany no hanambara an'Izany, Izy tenany.

379 Ankehitriny dia tiako ianareo hanamarika, izao hariva izao, fa ao amin'ny Tombokase Fahenina, dia nisy ny—ny tanjona telo soson'ny Tombokase Fahenina.

Nisy ny tanjona telo sosona an'ireo mpitaingina soavaly.

380 Efa nisy tanjona telo sosona tao amin'ireo zavatra rehetra ireo. Izany no mamerina antsika amin'ny telo iray. Ary fito iray, indray, hitanareo, Tombokase Fito, Lovia Fito, sy ny sisa. Ankehitriny, ao amin'ny telo sy fito, no isan'Andriamanitra ao amin'ny Matematikany amin'ny fanambarana Ny Teniny.

381 Ankehitriny raha mahamarika ianareo, ohatra tao amin'ireo—ireo—ireo mpitaingina, ankehitriny, dia nisy soavaly telo nivoaka. Ny iray tamin'izy ireo dia fotsy anankiray, ny iray dia mena anankiray, ny iray dia mainty anankiray. Ary avy eo, tao amin'ilay soavaly fahefatra, nahoana, dia nifangaro miaraka izy rehetra ireo. Hitanareo, tanjona telo sosona iray.

382 Ankehitriny, Andriamanitra dia nanao an'ilay zavatra iray ihany. Andriamanitra dia nanao an'ilay zavatra iray ihany rehefa namoaka ny Liony Izy, dia Ny Teniny, mba hiady amin'ilay antikristy.

383 Avy eo dia hitantsika fa nandefa an'ilay omby Izy nandritry ny fotoan'ny—ny vanim-potoan'ny fahoriambe, ilay bibin'ny fanatitra. Ary tao amin'io vanim-potoan'ny fahoriambe io, dia izay ihany no azon'ny olona natao, dia ny miasa fotsiny, andevo, ary nanolotra ny tenany ho fanatitra iray.

384 Avy eo dia hitantsika, tao amin'ilay taona manaraka, dia ny taonan'ireo mpanavao, fa nandefa ny fahendren'olona iray Andriamanitra, mitovy amin'ny lohan'olona iray teo amin'ilay Zava-manan'aina, dia ny hery izay nivoaka tao amin'ireo mpanavao.

385 Voamarikareo ve ankehitriny? Ny tsirairay . . . Tsy mahagaga raha mbola niaina tao amin'ilay zavatra tranainy foana ireo olona tamin'ireo andro ireo, tahaka ny tamin'ny taonan'ireo mpanavao, satria izy ireo dia nijery an'izany fotsiny tao amin'ny—ny fomba fijery azy ara-pivavahana. Nijery an'izany tamin'ny fomba izay nampianaran'ireo seminera azy izy ireo. Izany no fomban'Andriamanitra tamin'ny fotoana iray, saingy miaina any ankoatran'izany isika.

386 Ankehitriny isika dia ao amin'ny taonan'ny voromahery, ny fanambarana izay tsy maintsy ho voambara, ilay zavatra manontolo. Ankehitriny dia ampitahao amin'ny Apokalypsy ny toko faha-10 izany, andininy 1 hatramin'ny 7. Dia ho hitantsika ato amin'ity Apokalypsy ity, ny Apokalypsy eto, 10:1 hatramin'ny 7, hoe, "Amin'ny andro hitsofan'ny Hafatr'ilay anjely fahafito, no tsy maintsy hifarana tanteraka ireo zava-miafin'Andriamanitra."

387 Ankehitriny dia hitantsika, ihany koa, ao amin'ity, fa ny Tombokase Fahenina, izay nisokatra ankehitriny, izany dia ho an'ny tanjona telo sosona. Ankehitriny, dia ity ireo tanjona.

388 Ny zavatra voalohany, dia, hoe ilay virijiny natory dia tsy maintsy nandalo an'ilay vanim-potoan'ny Fahoriambe ho an'ny fanadiovana. Tsy maintsy nodiovina tamin'ny fahotany an'ny tsi-finoana sy ny fandàvana ny Hafatra izy. Io, natao tao anatin'ny vanim-potoan'ny Fahoriambe izy. Hitantsika fa niseho izy ireo ao amin'ny Apokalypsy 7, eo anelanelan'ny toko faha-6 sy faha-7 eto, hoe voadio izy ireo, ary nomena azy ny akanjony. Ankehitriny, tsy ny Ampakarina izy. Fa izany dia ny fiangonana, ireo olona madio izay—izay—izay tsy nanana fanararaotra, angamba, mba handray ny Hafatra, na tamin'ny fomba iray izay nanajamban'ireo mpaminany sandoka azy ireo. Ary izy ireo—izy ireo dia tsy nanana anjara iray, kanefa tsopo marina tokoa izy ireo tao am-pony. Ary Andriamanitra no mahafantatra ny fon'izy ireo. Ary eto izy ireo dia voadio, nandritr'io fotoana io.

389 Raha voamarikareo izany, fotoam-panadiovana iray hafa, izany dia ho an'ny Isiraely, rehefa miangona izy. Izany ilay sosona faharoa. Manadio an'ny Isiraely ao amin'ny vanim-potoan'ny Fahoriambe Andriamanitra. Avy amin'ireo antapitrisany izay hiangona any, dia hisy efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy voafantina, ary izy ireo dia hodiovina, ihany koa. Manadio an'ny Isiraely Andriamanitra.

390 Mariho, misy ny tany manontolo izay tsy maintsy hodiovina. Hisy ny zavatra iray toy ny hoe ny volana, ireo kintana, sy ny natiora rehetra, dia hodiovina. Hitanareo ve hoe inona izany? Manavao indray ny tenany ny tany, izay voadio, vonona ho an'ilay Arivo taona. Manatona ilay Arivo taona. Ary, hitanareo, ny zavatra rehetra izay manana loto ao aminy dia tsy maintsy diovina mandritry ny Tombokase Fahenina.

391 Ankehitriny, ankehitriny, voamarikareo ve? Eo amin'ny fanokafana an'ity Tombokase Fahafito ity, dia ao anatin'ny zava-miafina telo sosona ihany koa izany. Ity anankiray ity, izaho dia . . . hiresaka ary efa niresaka, fa izany dia ny zava-miafin'ireo Kotrokorana Fito. Ireo Kotrokorana Fito any An-danitra no hanokatra an'io zava-miafina io. Ho amin'ny Fihavian'i Kristy

mihitsy izany, satria Kristy dia nilaza fa tsy nisy anankiray nahafantatra hoe rahoviana Izy no hiverina.

392 Efa voamarikareo ve, rehefa nanontany Azy an'izany ireo Jiosy? Mahafantatra . . . Rehefa nampitahaintsika ny Soratra eto amin'ny Matio 24, tamin'ireo Tombokase enina, dia navela ny Tombokase Fahafito. Satria, hitanareo, hoy Kristy hoe, "Andriamanitra Izy tenany irery ihany no nahafantatra; tsy ireo Anjely akory aza." Tsy mahagaga, raha tsy voasoratra akory aza Izany. Hitanareo, nangina izy ireo; tsy nisy na inona na inona niseho tamin'izany. Tsy mahafantatra an'Izany ireo Anjely. Tsy misy olona mahafantatra hoe rahoviana Izy no ho tonga.

393 Fa hisy ny—hisy ny—ny Feo Fito, an'ireo Kotrokorana ireo, izay hanambara fanambarana lehibe amin'izany fotoana izany. Noho izany, dia mino aho, ho antsika izay . . . Raha tsy fantatsika Izany, ary raha isika . . . Izany dia tsy ho fantatra raha tsy amin'io fotoana io. Fa ho voambara izany amin'io andro io, amin'ny ora izay natao hahavoambara azy. Noho izany, ny zavatra hataontsika dia ny manaja eo anatrehan'Andriamanitra, ka manompo Azy, ary manao izay rehetra fantatsika hatao, ary miaina tsara, an'ireo fiainana Kristiana. Eto, ankehitriny, dia hitantsika fa nosokafana ho antsika ny Tombokase Fahenina; hitantsika Izany. Ary fantatsika fa tsy azo novahana ho an'ny besinimaro ity Tombokase Fahafito ity mandra-pahatongan'io ora io.

394 Ankehitriny, nisy antony iray namelan'Andriamanitra an'ity Feo Fito ity hikotroka. Satria, tsy maintsy tonga Izany, hitanareo. Satria ny . . . Hitantsika fa Kristy, ilay Zanak'ondry, no nandray ny—ny Boky teny an-Tànany, ary Izy no nanokatra an'io Tombokase Fahafito io. Saingy, hitanareo, zava-miafina iray nafefina izany. Tsy misy mahafantatra an'Izany. Fa, Izany—Izany, dia mifandraika tsara amin'izay Nolazainy hoe, "Tsy hisy hahafantatra Ny Fihaviany." Tsy hahafantatra ny mikasika ny zava-miafin'ity Kotrokorana Fito ity koa izy ireo. Noho izany, hitanareo, mifandray miaraka izany.

395 Hatreo ihany, no ananantsika fahazoana iray an'Izany, androany, satria ny sisa amin'Izany rehetra izany dia voaseho; fa ity dia tsy voaseho. Fa nipetraka tao amin'ny efitra aho, ka reko ity . . . na, tsy reko ilay izy, raha ny marina, fa hitako Izany naneho nankany amin'ity Kotrokorana Fito ity. Ankehitriny, izany no farany lavitra azontsika andehanana, eo mihitsy.

396 Ary ankehitriny dia matoky aho fa ny isanisany sy ny tsirairay avy aminareo dia hanompo an'Andriamanitra ary hanao an'izay tsara. Ary tiavo Izy, amin'ny fiainanareo rehetra, ka manompoa Azy. Dia Andriamanitra no hikarakara ny sisa.

397 Ankehitriny, dia manana isika, ao amin'ny fahafenoana eto ankehitriny, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, an'ireo zava-miafina rehetra an'ireo Tombokase enina izay voaisy tombokase,

ary mahazo isika ka mahafantatra eto fa ny Tombokase Fahafito dia tsy nampahafantarina ny besinimaro.

398 Ankehitriny, Ny Fihaviany, amin'ny oran'Ny Fihaviany, amin'ny fandravàna ny tany, dia fantatrareo. Izy dia nilaza eo hoe, "Inona no ho famantarana ny fahatongavan'ny faran'izao tontolo izao?" Ao amin'ny Matio 24, eo no nametrahan'izy ireo Taminy an'io fanontaniana io. Nandeha hatreo amin'io Izy. Niresaka ny amin'ny Isiraely nangonina ho firenena iray Izy, ao amin'ny andininy faha-31, an'ny Matio 24:31. Fa avy eo dia nanomboka tamin'ireo fanoharana Izy, hitanareo. Avy eo dia hitanareo ilay . . . "Mianara ny fanoharana ny amin'ny hazo aviavy. Rehefa hitanareo mamoaka ny tsimo-kazony izy, nahoana, dia fantatrareo fa akaiky ny lohataona. Ary noho izany rehefa hitanareo fa miseho izany, amin'izay fotoana izay dia fantatrareo fa akaiky ny fotoana." Hitanareo, miangona ao amin'ny tanindrazany manokana i Isiraely. Fa, raha mahamarika ianareo, dia Navelany ny fanambarana an'ity Tombokase Fahafito ity.

399 Ary eto, rehefa ny Tombokase Fahafito, rehefa Nosokafany Izany, dia Navelany indray koa Izany, hitanareo. Noho izany dia hitantsika fa zava-miafina manontolo Izany, noho izany dia tsy mbola izao ny ora hampahafantarana an'ilay zava-miafina. Noho izany, hatreo isika, ary ny sisa amin'Izany dia ho fantatra saiky amin'ny fotoana izay isehoan'i Jesosy eto an-tany indray, ho an'Ny Ampakariny, na izay miseho amin'io fotoana io. Ankehitriny, mandra-pahatongan'io fotoana io, dia ndao fotsiny isika rehetra hivavaka, hiaina tsara, mahitsy, fiainana Kristiana, miandry Ny Fihaviany.

400 Ary ankehitriny raha sendra hilatsaka eo an-tànan'ny olona sasantsasany any ho any ity horonam-peo ity, dia aza manandrana hanao karazana isma iray avy amin'izany. Ny zavatra tokana hataonareo, dia manohiza fotsiny manompo an'Andriamanitra. Satria, tena lehibe ity tsiambaratelo ity ka tsy navelan'Andriamanitra hanoratra an'Izany akory aza i Jaona. Nikotroka Izany, saingy Izy . . . nahafantatra fa, nampanantena antsika fa hosokafana Izany. Saingy, amin'ity fotoana ity, dia tsy nosokafana Izany.

401 Ary ankehitriny dia mankasitraka an'Andriamanitra isika ny amin'izay efa Nasehony antsika. Nipetraka tany amin'ny efitra tany aho nandritry ny valo andro. Ary ny Hafatra izay vao avy nofaranako tamin'ny fanazavana taminareo, dia maro aminareo eto no hahazo. Ary nampanantena aho fa nisy zavatra niseho, ara-panahy, foana, izay azoko antoka fa tsy hitanareo. Ary ity izany; izany no fanamarinana tanteraka an'ity fandikana ny Soratra ity izay nalefan'Andriamanitra.

402 Satria, talohan'ny nidirantsika tamin'Izany mihitsy aza, dia niainga aho mba handeha any andrefana, naneho fahitana

iray tamiko ny Tompo indray andro, teo amin'ny folo ora, indray maraina. Ary tonga aho ka nanazava an'izany teto, hoe nahita an'izany aho; tsy nahafantatra hoe inona izany. Izany dia andian-kintana iray an'ireo Anjely fito. Hahatsiaro an'izany isika. Hahita an'izany eo amin'ny horonam-peo ianareo, antsoina hoe, *Amin'Ny Firy Izao, Tompoko?* Eny, ankehitriny, izany marina tokoa no hitanareo ankehitriny. Ireo Anjely fito . . . Tany andrefana aho.

403 Tsaroanareo, ireo iraka bitika kely; nandeha nankany atsinanana izy ireo. Ireo iraka faharoa, ireo voromailala, vorona lehibe kely kokoa, nandeha nankany atsinanana izy ireo. Ary avy eo aho dia nijery . . . Niaraka tamiko izy ireo, isan'andro. Izany ilay Sintona Voalohany sy Faharoa.

404 Ankehitriny, dia tonga avy tany andrefana ny Fahatelo, nisosa haingana niaraka tamin'ny hafainganam-pandeha lehibe, nampahatahotra, ka nitondra ahy niakatra Izy ireo. Izany dia ny fiverenana mankany atsinanana, miaraka amin'ny zava-miafin'ireto Tombokase Fito ireto. Tahaka ny voalaza mihitsy tao—tao amin'ny nofin'i Junior Jackson, ka ny Tompo no namela ahy handika ho azy tany hoe, "Tao anatin'io pyramida io, dia nisy Vato fotsy izay tsy voasoratra teo ambony." Izany no antony tsy maintsy nandehanako tany andrefana, mba hifandray tamin'ny Hafatr'ireto Anjely ireto, mba hiverina eto hanambara an'Izany amin'ny fiangonana. Tsarovy, hoy aho hoe, "Ireo zavatra manaraka izay hitranga dia ho eto amin'ny fiangonana eto." Marina tokoa izany.

405 Zavatra iray hafa, tiako ianareo hahamarika an'izay niseho. Ary raha mihaino an'ilay horonam-peo ianareo, ny *Amin'Ny Firy Izao, Tompoko?*, dia hahamarika ianareo fa Anjely anankiray no tena nalaza ho ahy. Ny sisa tamin'Izy ireo dia toa tsotra fotsiny. Fa ity Anjely ity dia Anjely malaza iray. Teo amin'ny ankaviako Izy, tao amin'ilay andian-kintana tamin'ny endrika pyramida iray.

406 Ary, tsarovy, izany dia tao anatin'ilay pyramida, izay nisy an'ilay Vato fotsy mahagaga tsy voasoratra teo ambony. Ary nitondra ahy tao anatin'io pyramidan'ny Tenany io ireo Anjely, Izy ireo irery ihany no nampahafantarina an'ireo zava-miafin'Andriamanitra. Ary, ankehitriny, Izy ireo no Iraka izay tonga handika an'io pyramida io, na ilay Hafatry ny tsiambaratelon'ireto Tombokase Fito ireto izay mipetraka ao anatin'ilay pyramida.

407 Ankehitriny, ilay Anjely, izay teo amin'ny ankaviako, dia ho ilay farany, na Anjely fahafito, raha hanisa Azy ireo avy amin'ny ankavia mankany amin'ny ankavanana isika. Satria, teo amin'ny ankaviako Izy; izaho nijery Azy, avy any andrefana, Izy nandeha nankany atsinanana, dia ho teo amin'ny ilany ankavia izany. Noho izany, izany dia ho ilay Hafatr'ilay anjely farany, tena

nalaza. Tsaroanareo hoe toy ny ahoana no nilazako fa Izy dia nanana Ny, nanao ny Lohany nankany aoriana; ary ireo Elany lehibe, maranitra; ary toy ny ahoana no Nanidinany avy hatrany nankeo amiko. Ankehitriny, izany dia ity Tombokase Fahafito ity. Izany dia mbola zavatra iray malaza foana. Ary isika dia . . . Tsy fantatsika hoe inona Izany, tsy mbola, satria tsy navela hovahana Izany.

408 Fa ankehitriny, ny tsirairay avy aminareo tao amin'ny fivoriana dia nahamarika an'izany, hoe fivoriana iray toy ny inona izany! Ny olona rehetra fotsiny dia toy ny hoe tao . . . teo amin'ny sisin'ny sezany mihitsy. Ary ny olona rehetra dia nitsangana nanodidina teto, tamin'ny iray, roa ora ny tolakandro, niandry an'ireo varavarana hisokatra, mba ho tonga eto aloha eto. Nitsangana nanodidina an'ireo rindrina; nivonkona ireo ranjo, sy ny sisa.

409 Inona izany? Izany no Fanahy Masina izay nampidina an'ireo Iraka ireo, ary Izy ireo no nanambara an'Izany tamintsika. Ary noho izany dia mariho hoe toy ny ahoana no nitovian'Izany tamin'ny Teny, marina tokoa.

410 Ary avy eo mba hamelàna anareo rehetra ahafantatra fa izany no Fahamarinana, dia efa niteny an'izany mialoha Izy teo—teo amin'ny roa volana teo ankehitriny, na mihoatra, talohan'ny nitrangany mihitsy. Ka, rehefa nandeha tany andrefana aho, tsy nahafantatra an'Izany; niverina teto niaraka tamin'ny fandikana araka ny Nanomezany an'Izany. Tsarovy ankehitriny, tao amin'ilay fahitana, dia tsy niteny zavatra anankiray tamiko mihitsy Izy tao amin'ilay fahitana rehefa nampakatra ahy Izy. Natahotra aho, natahotra fa ho faty aho, ho faty ao anatin'ny fipoahana iray. Hitanareo, tsy afaka nanao an'izany Izy ireo.

411 Ny fandikana dia tonga fotsiny arak'izay nilàko Azy, tao amin'ilay efitra izany, ary nomeko Izany arak'izay Nanomezany Azy mihitsy.

412 Ankehitriny, hitanareo, ry sakaiza, tsy diso ireo fahitana. Tanteraka foana izy ireo. Tena marina mihitsy tokoa izy ireo.

413 Ankehitriny, ny fahitana, miampy ny Teny, miampy ny tantara, miampy an'ireo taom-piangonana, sy ny rehetra, dia mifangaro miaraka. Noho izany, dia afaka milaza marina tokoa aho, fa, amin'ny tsara indrindra amin'ny fahazoako, ary araka ny Tenin'Andriamanitra, sy ny fahitana, ary ny fanambarana, ny fandikana azy dia HOY NY TOMPO HOE.

414 Ankehitriny, enga anie ny Tompo hitahy anareo rehetra, ny tsirairay avy, tena betsaka tokoa, raha mitsangana isika ankehitriny ka hihira an'ity hira tsara tranainy an'ny fiangonana ity. Andriamanitra hitahy anareo, ny tsirairay avy. Amena.

415 [Manampy an'ireto andalana efatra manaraka ireto Rahalahy Branham, nalaina avy tao amin'ny andalana 374-375 avy amin'ny Hafany omaly hariva, 24 Marsa, 1963—Mpand.]

Izaho . . . (Andriamanitra hitahy anareo!) . . . Tiako
Izy, (amin'ny foko rehetra),
Satria nitia ahy mialoha Izy.

Andriamanitra hitahy anao, Rahalahy Neville . . . ? . . .
Mijanòna eo amin'ilay toeran'andraikitra . . . ? . . .

Ny Tombokase Fahafito MAG63-0324E
(The Seventh Seal)
Andian'Ny Fanambarana An'Ireo Tombokase Fito

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy n Alahady hariva, 24 Marsa, 1963, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2019 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org